

# Fifehezana fotopampianarana:

## fitaovana ho an'ny mpampianatra ny taranja Bokin'i Môrmôna

Nôvambra 2017

# Fifehezana fotopampianarana: Fitaovana ho an'ny mpampianatra ny taranja Bokin'i Môrmôna

Navoakan'
Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Horaisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Azafady alefaso amin'ity adiresy ity izany:

Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 East North Temple Street
Salt Lake City, UT 84150-0008
USA
Email: ces-manuals@ldschurch.org
Soraty ao azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ny paroasy sy ny tsatòka misy anao.

Aza hadinoina ny manoratra ny lohatenin'ilay boky torolalana rehefa manome ny fanamarihana ianao.

© 2018 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
All rights reserved.
Natonta tany Etazonia
Boky faha- 3, 10/17.

Fankatoavana ny fiteny Anglisy: 10/17
Fankatoavana ny fandikana: 10/17
Fandikana ny *Doctrinal Mastery Book of Mormon Teacher Material*
Malagasy
13232 654

# Votoatiny


Torolalana ho an'ireo mpampianatra . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . v

Mahazo fahalalana ara-panahy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 1

Ny Andriamanitra . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 19

Ny Drafitry ny famonjena . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 31

Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 39

Ny Famerenana amin'ny laoniny . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 56

Mpaminany sy fanambarana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 60

Fisoronana sy fanalahidin'ny Fisoronana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 63

Ôrdônansy sy fanekempihavanana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 66

Fanambadiana sy fianakaviana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 74

Ireo Didy . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 81

Tovana: Bokin'i Môrmôna: sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana fifehezana fotopampianarana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 95

# Torolalana ho an'ireo mpampianatra

Ny tanjon'ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara dia milaza hoe: "Ampianarintsika an'ny mpianatra ireo fotopampianarana sy fitsipiky ny filazantsara araka izay hita ao amin'ny soratra masina ary ny tenin'ireo mpaminany" (*Fampianarana sy fianarana ny filazantsara: boky torolalana ho an'ireo mpampianatra sy mpitarika ao amin'ny seminera sy institiota fianarana ny filazantsara* [2012], x). Ao amin'ny seminera dia tontosa izany, voalohany indrindra, amin'ny alalan'ny fianarana ny soratra masina araka ny fisesiny, izay manaraka ny fizotry ny tantara araka ny filaharany ao anatin'ireo boky sy ireo andininy ao amin'ny bokin-tsoratra masina iray hatrany amin'ny voalohany ka hatrany amin'ny farany. Nanamafy ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Io no fomba voalohany sy tena manan-danja mba hahazoana rano velona" (A Reservoir of Living Water"Fampaherezam-panahy an'ny tanora an'ny Departemantan'ny fampianarana an'ny Fiangonana, 4 feb. 2007], 3, lds.org/media-library).

Amin'ny alalan'ny Fifehezana fotopampianarana no fomba iray hafa hanampiantsika ny mpianatra hahatakatra sy hino ary hiaina ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy. Ny fifehezana fotopampianarana dia manampy ny fandalinana ny soratra masina manaraka ny fizarana amin'ny fanolorana fahafahana ho an'ny mpianatra mba handalina ny fotopampianaran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy araka ny lohahevitra.

Ny Filoha Boyd K. Packer (1924–2015) ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nampianatra hoe nahoana ity fomba fandalinana ara-potopampianarana ity no hahazoana tombontsoa ihany koa: "Tsy voazava tanteraka ao amin'ny toerana iray ao amin'ny soratra masina, na aseho milahatra na mifanesy ireo fotopampianarana tsirairay ao amin'ny filazantsara. Tsy maintsy atambatra amin'ny singan-javatra hita etsy sy eroa izy ireny. Indraindray izy ireny no hita ao amin'ny fizarana lehibe, kanefa matetika indrindra izy ireny no ao anatin'ny ampahany kely manerana ireo toko sy andininy" ("The Great Plan of Happiness," ao amin'ny *Teaching Seminary: Preservice Readings* [Church Educational System manual, 2004], 68–69).

Mifameno ny fandalinana ny soratra masina sy ny fifehezana fotopampianarana araka ny fizarana, ary samy singa manan-danja amin'ny traikefa ho an'ny mpianatra ao amin'ny seminera izy ireo.

Ny fifehezana fotopampianarana dia manamafy sy manolo ireo ezaka natao teo aloha tao amin'ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara, toy ny soratra masina fehezina sy ny fandalinana fotopampianarana fototra. Ny fifehezana fotopampianarana dia natao hanampiana ny mpianatra hahatratra ireto vokatra ireto:

1. Mianatra sy mampihatra ireo fitsipika avy amin' Andriamanitra mba hahazoana fahalalana ara-panahy.

2. Mifehy ny fotopampianarana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ireo andinin-tsoratra masina izay nampianarana izany fotopampianarana izany. Ny fotopampianarana mifandray amin'ireto lohahevitra sivy ireto no hifantohantsika manokana:
   - Ny Andriamanitra
   - Ny drafitry ny famonjena
   - Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy
   - Ny Famerenana amin'ny laoniny
   - Mpaminany sy fanambarana
   - Fisoronana sy ireo fanalahidin'ny fisoronana
   - Ôrdônansy sy fanekempihavanana
   - Fanambadiana sy fianakaviana
   - Ireo didy

Ny Seminera sy Institiota fianarana ny filazantsara dia namokatra fitaovana fampianarana mba hanampiana ireo mpampianatra sy ireo mpianatra hahatratra ireo vokatra ireo. Ireo fitaovana ireo dia ahitana ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*sy ny Fifehezana fotopampianarana: fitaovana ho an'ny mpampianatra. (*Fanamarihana:*Hisy Fifehezana fotopampianarana: fitaovana ho an'ny mpampianatra ho an'ireo taranja efatra amin'ny seminera.)

## Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana

Ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia ampianarina ny mpianatra. Izany dia ahitana (1) teny fampidirana izay manazava ny atao hoe Fifehezana fotopampianarana sy ny fomba hanampian'izany azy ireo, (2) torolalana izay mampianatra azy ireo ireo fitsipika hahazoana fahalalana ara-panahy, ary (3) fizarana iray ahitana ireo lohahevitra ara-potopampianarana sivy voatanisa tetsy aloha. Ny lohahevitra ara-potopampianarana tsirairay dia ahitana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana izay mifanaraka amin'ny fiainan'ny mpianatra sy manan-danja ny hahatakaran'izy ireo sy inoany ary hampiharany izany.

Ny sasany amin'ny fotopampianarana sy fitsipika ao amin'ireo fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" sy "Lohahevitra ara-potopampianarana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia tohanan'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana. Ahitana andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana miisa 25 ny taranja tsirairay avy (Testamenta Taloha, Testamenta Vaovao, Bokin'i Môrmôna, ary Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy Tantaran'ny Fiangonana), izay manome andalan-tsoratra masina miisa 100 raha mitambatra. Omena ao amin'ny fonony ambadiky ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ny lisitr'ireo andalan-tsoratra masina ireo. Ny fanampiana ny mpianatra hahatsiaro sy hahita ny misy ireo andinin-tsoratra masina ireo ary hahatakatra ny fomba ampianaran'ireo andinin-tsoratra masina ny

fotopampianaran'ny Mpamonjy dia ampahany manan-danja amin'ny asanao amin'ny maha-mpampianatra anao.

Ny tsirairay amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana miisa 100 ireo dia ampiasaina mba hanohanana fehezan-teny iray monja izay milaza fotopampianarana ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Ohatra, ny Joseph Smith—Tantara 1:15–20dia voalaza ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 hoe "Ny Famerenana amin'ny laoniny," mba hanohanana ilay fahamarinana hoe **Niseho tamin'i Joseph Smith ho valin'ny vavaka nataony Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany, ary niantso azy ho ilay Mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny Izy ireo.** Kanefa io andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana io dia azo ampiasaina ihany koa mba hanohanana ilay fahamarinana ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1 hoe "Ny Andriamanitra" izay milaza fa **misy olona telo miavaka tsara ao amin' Ny Andriamanitra: Andriamanitra Ray Mandrakizay; i Jesoa Kristy Zanany; ary ny Fanahy Masina.** Noho izany, io andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana io dia notanisaina ho toy ny andinin-tsoratra masina mifandray ao amin'izany lohahevitra izany.

Ny fijerena hoe aiza no ilazana ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana tsirairay dia mamela anao hahafantatra hoe fianarana inona no hamakafakana io andininy manokana io ao amin'ny Fifehezana fotopampianarana: fitaovana ho an'ny mpampianatra ho an'ilay taranja ao anatin'ilay taona diavina. Ao amin'ilay ohatra teo aloha, ny Joseph Smith—Tantara 1:15–20 dia hofakafakaina ao amin'ny fianarana "Ny Famerenana amin'ny laoniny" ao amin'ny *Fifehezana fotopampianarana: Fitaovana ho an'ny mpampianatra ny taranja Fotopampianarana sy Fanekempihavanana*

Tsy ny lohahevitra ara-potopampianarana rehetra no hohamafisina toy izany isan-taona. Na dia horesahina avokoa aza ny lohahevitra ara-potopampianarana tsirairay isan-taona dia ireo fehezan-teny manokana ilazana fotopampianarana izay tohanan'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana miaraka amin'ny taranja nomena mba hianarana ao anatin'ny taona ihany no hantitranterina ao amin'ireo traikefa amin'ny fianarana fifehezana fotopampianarana ho an'izany taona izany.

## Fifehezana fotopampianarana: fitaovana ho an'ny mpampianatra

Ny fandaharam-pampianarana momba ny Fifehezana fotopampianarana dia ahitana fianarana 10 tokony horesahina mandritra ilay taranja ianarana ao anatin'ilay taona. Any amin'ny ankamaroan'ireo toe-javatra miseho, ny lahatsoratra mirakitra torolalana ho an'ny fianarana tsirairay dia tokony hampianarina mandritra ny fotoam-pianarana mihoatra ny indray mandeha.

Ny fianarana voalohany dia miompana amin'ny fanampiana ny mpianatra hianatra sy hampihatra fitsipika mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy. Izany dia tokony hampianarina ao anatin'ireo herinandro roa voalohany amin'ny taom-pianarana. Izany dia hanampy ny mpianatra hahatakatra ny tanjon'ny fifehezana fotopampianarana. Ankoatra izay, ireo fitsipika ampianarina ato amin'ity fianarana ity dia manome fototra izay hohamafisina sy horesahina indray mandritra

ireo fianarana sivy manaraka izay hampianarina mandritra ny fotoana sisa ao anatin'ilay taona.

Ny tsirairay amin'ireo fianarana manaraka dia mifototra amin'ny iray amin'ireo lohahevitra ara-potopampianarana sivy voatanisa teo aloha. Izy ireo dia natao mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra lalindalina kokoa ny fotopampianaran'ny Mpamonjy sy hampihatra izany mora kokoa eo amin'ny fiainan'izy ireo. Ny tsirairay amin'ireo fianarana ireo dia ahitana fizarana telo lehibe: "Manakatra ny fotopampianarana," "Fampiharana," ary "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana."

**Manakatra ny fotopampianarana.** Ity ampahany amin'ny traikefa amin'ny fianarana tsirairay ity dia ahitana asa na ampahan-javatra hoenti-mianatra izay azo ampianarina mandritra ny fotoam-pianarana iray na mihoatra izany. Ireo asa atao ireo dia hanampy ny mpianatra hampitombo fahatakarana bebe kokoa ny lohahevitra ara-potopampianarana tsirairay sy ireo fehezan-teny manokana entina milaza fotopampianarana izay miaraka amin'ny lohahevitra tsirairay.

Ireo fizarana ao anatin'ny "Manakatra ny fotopampianarana" mazàna dia manomboka amin'ny fandalinana ny lohahevitra ara-potopampianarana ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Ankoatra izay, ireo fizarana ireo dia miompana amin'ny fehezan-teny voafaritra tsara entina milaza fotopampianarana izay tohanan'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay mahakasika manokana ny bokin-tsoratra masina ho an'ilay taranja ianarana ao anatin'ny taona. Ohatra, ao amin'ny traikefa amin'ny fianarana ho an'ny "Ny Andriamanitra" ao amin'ny *Fifehezana fotopampianarana: Fitaovana ho an'ny mpampianatra ny taranja Bokin'i Môrmôna,* ny mpampianatra dia asaina manampy ny mpianatra hifehy ny 2 Nefia 26:33; 3 Nefia 11:10–11; 3 Nefia 12:48; ary 3 Nefia 18:15, 20–21. Rehefa mandalina ny Testamenta Vaovao ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Tantaran'ny Fiangonana ny mpianatra mandritra ireo taona hafa ianaran'izy ireo seminera, dia hifantoka amin'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana fanampiny izy ireo izay manohana fehezan-teny hafa milaza fotopampianarana izay miaraka amin'ny lohahevitra hoe "Ny Andriamanitra" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

Amporisihina ny mpianatra ao amin'ny fizarana "Manakatra ny fotopampianarana" mba hitady sy hanisy marika ary handalina ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mba hahafahan'izy ireo mampiasa azy ireo hampianarana sy hanazavana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana izay tohanan'ireo andalan-tsoratra masina. Azonao atao ny mampiditra asa hoenti-mianatra fanampiny araka izay ilaina mba hanampiana ny mpianatra hifehy ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay manohana azy ireo.

**Fampiharana.** Ny ankamaroan'ny traikefa amin'ny fianarana dia manolotra fampiharana iray ho an'ny mpianatra. Ireo fampiharana ireo, araka ny mahazatra, dia ahitana famakafakana zava-nitranga manokana, na filalaovana an-tsehatra toe-javatra iray, na famoronana toe-javatra iray, na fanontaniana izay azon'ny mpianatra andraisana anjara na ifanakalozana hevitra miaraka ao anaty vondrona kely na miaraka. Ireo fampiharana ireo dia zava-dehibe mba hanampiana ny

mpianatra hahatakatra ny fifandraisan'ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana izay nianarany amin'ireo toe-javatra iainana amin'izao vaninandro izao. Ireo fampiharana ireo ihany koa dia manantitrantitra ny fomba ahafahan'ilay fotopampianarana nianaran'ny mpianatra mitahy sy manampy azy ireo amin'ny fiainana ny filazantsara sy ny fampianarana ny filazantsara ary ny fanazavana ny zavatra inoan'izy ireo amin'ny hafa amin'ny fomba tsy mampatahotra sy tsy mahatezitra.

**Famerenana ny fifehezana fotopampianarana.** Ny traikefa amin'ny fianarana tsirairay dia ahitana fizarana misy hevitra maromaro mba hanampiana anao hitarika ny mpianatra amin'ny famerenana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana nianaran'izy ireo nandritra ny taom-pianarana. Ny tanjon'ireo asa atao ao amin'ny "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana" dia ny hanampy ireo mpianatra hahatratra ireto vokatra avy amin'ny fifehezana fotopampianarana ireto: Mahafantatra ny fomba ampianarana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana ao anatin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy afaka mitadidy sy mahita ireo andalana ireo; manazava tsara ny fehezan-teny milaza fotopampianarana tsirairay, ka mampiasa ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mifandraika amin'izany; ary mampihatra ny zavatra nianaran'izy ireo eo amin'ny safidy ataony isan'andro sy ny valinteny omen'izy ireo amin'ireo olana sy fanontaniana ara-potopampianarana, ara-piarahamonina, ary ara-tantara (jereo ny "Fampidirana ny fifehezana fotopampianarana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*).

Na dia tsy tafiditra ao amin'ny asa atao ho an'ny "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana" aza ny mety ho fotoana lany dia omena ao amin'ny torolalana fandaminana ny fotoana any akaikin'ny fiafaran'ireto torolalana ireto ny fotoana omena hanaovana ireo asa atao amin'ny famerenena. Ohatra, omena 150 minitra ho an'ny lohahevitry ny fahazoana fahalalana ara-panahy. Satria ireo traikefa amin'ny fianarana ho an'izany lohahevitra izany dia mitaky 80 minitra, dia manana 70 minitra fanampiny ianao hamerenana ireo fitsipika, fehezan-teny milaza fotopampianarana, ary andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mifandray amin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy. Amin'ity ohatra ity dia azo zarazaraina mandritra ny roa na telo herinandro ny fotoana nomena.

Ny famerenana matetika ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay ampiasaina hanohanana azy ireo dia hanampy ny mpianatra amin'ny fiezahany mifehy izany. Tandremo anefa ny tsy hamela ny "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana" hibahan-toerana ka hanakona ny fampianarana misesy ny soratra masina na ny vokatra andrandraina avy amin'ny Fifehezana fotopampianarana.

## Fanatontosana ny fifehezana fotopampianarana

Ny fifehezana fotopampianarana dia tontosaina amin'ny fomba samihafa miankina amin'ny karazana fandaharam-pianarana amin'ny seminera izay nisoratan'ny mpianatra anarana: seminera atao isan'andro (fandaharam-pianarana vao maraina sy amin'ny fotoana malalaka), seminera en ligne, na seminera amin'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano.

## Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera isan'andro

Ny Fifehezana fotopampianarana dia tsy manolo ny fampianarana misesy ny soratra masina ao amin'ny seminera. Voalamina mialoha fa ianao dia handany eo ho eo amin'ny 30 minitra amin'ny fotoam-pianarana isan-kerinandro mandritra ny taom-pianarana mba hanaovana Fifehezana fotopampianarana. Ny fanatontosana ny fifehezana fotopampianarana eo am-pampianarana ny Bokin'i Môrmôna araka ny fizarana dia mitaky anao hanomboka ara-potoana ny kilasy sy hampiasa ny fotoam-pampianarana amim-pahendrena.

Ny isan'ny herinandro ampiasaina amin'ny tsirairay amin'ireo traikefa amin'ny fianarana fifehezana fotopampianarana miisa 10 ireo dia miovaova miankina amin'ny isan'ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andinin-tsoratra masina fehezina mirakitra fotopampianarana izay hantitranterina sy hohalalinina ho an'izany lohahevitra ara-potopampianarana izany. Ny lohahevitra sasany dia horesahina araka ny fotoana sahaza izany mandritra ny herinandro iray, raha toa kosa ny hafa ka hila herinandro vitsy fanampiny mba hamitana izany (jereo ny "Bokin'i Môrmôna: Torolalana fandaminana ny fotoana fifehezana fotopampianarana" etsy amin'ny faran'ity fizarana ity).

Ny ampahany mitondra ny lohateny hoe "Manakatra ny fotopampianarana" ho an'ny traikefa amin'ny fianarana fifehezana fotopampianarana tsirairay dia mitsinjara ho asa hoenti-mianatra izay azo vitaina amin'ny ankapobeny ao anatin'ny 5 ka hatramin'ny 10 minitra avy. Izany dia hanome fahafahana anao hampiasana ny fotoam-pianarana ho an'ny Fifehezana fotopampianarana araka izay ilana izany. Ohatra, amin'ny andro iray ianao dia mety mamolavola drafitra ny hiresaka asa enti-mianatra iray na roa mandritra ny fotoam-pianarana, ary amin'ny andro iray hafa kosa ianao dia mety mila ny fotoam-pianarana iray manontolo mba hiresahana ilay vondron'andinin-tsoratra masina ao anatin'ny fotoana ampy tsara, izay tsy hamela fotoana hifantohana amin'ny Fifehezana fotopampianarana. Ny asa hoenti-mianatra sasany dia mitaky fotoana bebe kokoa ka noho izany dia mety ho mila manao izany amin'ny andro azo hanamboarana ny fotoam-pianarana araka izay ilaina ianao (jereo ny "Torolalana fandaminana ny fotoana ho an'ny mpampianatra mampianatra isan'andro" sy ny "Sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana" ao amin'ny Tovana ao amin'ny boky torolalana ho an'ny mpampianatra ampiasainao).

Raha toa ka sady hampianatra ny Fifehezana fotopampianarana amin'ny andro iray hampianaranao ny lesona iray manaraka ny fizarana momba ny vondron'andinin-tsoratra masina iray ianao dia mitandrema tsy handany ny fotoana ilaina hampianarana ny soratra masina araka ny fizarana amin'ny fotoana omena hampianarana ny Fifehezana fotopampianarana. (Ohatra, ny fizarana "Mahatakatra ny fotopampianarana" maharitra 5 minitra dia tsy tokony haharitra 20 minitra ka ho lasa fohy kely ny fotoana hampianarana ny Bokin'i Môrmôna araka ny fizarana.) Ankoatra izany dia mety hanampy ny manazava amin'ny mpianatra fa hiasa amin'ny Fifehezana fotopampianarana mandritra ny fotoana voafetra izy ireo (toy ny 5 na 10 minitra any amin'ny fiandohan'ny kilasy) ary handalina vondron'andinin-tsoratra masina manokana avy eo (toy ny 2 Nefia 4) amin'ny ambin'ny fotoam-pianarana.

Na dia misy aza ireo fotoana izay ahitanao na ahitan'ireo mpianatra fifandraisana eo amin'ny fitaovana Fifehezana fotopampianarana halalininareo sy ny soratra masina manokana iray, dia sorohy ny fametrahana amin'ny tsy tokony ho izy fitsipika sy fehezan-teny milaza fotopampianarana avy ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ao amin'ilay vondron'andinin-tsoratra masina iray. Ny fanaovana izany dia mety hanakana ny mpianatra tsy hahatakatra ny fikasan'ilay mpanoratra nentanim-panahy an'ilay vondron'andinin-tsoratra masina.

Ankoatra ny firesahana ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana fototra araka ny lohahevitra ao anatin'ny Fifehezana fotopampianarana dia tokony hantitranterinao ireo andalan-tsoratra masina ireo rehefa sendra azy ireo ao anatin'ny fandalinanao ny soratra masina araka ny fizarana miaraka amin'ny mpianatra ianao. Ny fanaovana izany dia hanampy ny mpianatra hahazo fahatakarana bebe kokoa ny sahan-kevitra sy ny votoatin'ny soratra masina tsirairay, ary hanantitrantitra ihany koa ny lanjan'ireo fahamarinana ampianarin'ny andininy tsirairay.

Ny Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera isan'andro dia manamafy sy manolo ny fandaharan'asa fifehezana ny soratra masina. Ho an'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay nantsoina hoe andinin-tsoratra masina fehezina teo aloha dia mirakitra sosokevitra sy asa enti-mianatra ny *Bokin'i Môrmôna: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera* izay hanampy anao hanantitrantitra araka ny tokony ho izy ilay andinin-tsoratra masina ao amin'ny fandalinanao misesy ny soratra masina miaraka amin'ny mpianatra. Ho an'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana vaovao dia tsy hiantso ireo andalan-tsoratra masina toy izany ny boky torolalana ho an'ny mpampianatra. Zava-dehibe ho anao ny manantitrantitra ireo andalan-tsoratra masina amim-pahombiazana sy araka ny tokony ho izy ao anatin'ny fandalinana ny soratra masina araka ny fizarana.

Fanamarihana: Ny andalan-tsoratra masina sasany dia antsoina hoe andinin-tsoratra masina fehezina ao amin'ny *Bokin'i Môrmôna: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera* saingy tsy andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izy ireo. Ireo andalana ireo dia tsy tokony hantitranterina intsony araka ilay torolalana momba ny fifehezana soratra masina ao amin'ilay boky torolalana, kanefa tokony horesahina araka ny fizotran'ny tantara ao amin'ny fandalinana soratra masina araka ny fizarana izany.

Tsy hanana fotoana hanaovana tsianjery ianao satria mila ny fotoana voafetra ho an'ny Fifehezana fotopampianarana mba hifantohana amin'ny fandalinana ilay fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ary hamitana ireo asa fampiharana sy famerenana. Satria mety hahasoa ny mpianatra anefa ny fanaovana tsianjery ireo andalan-tsoratra masina dia afaka manasa ireo mpianatra mba hanao tsianjery ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana amin'ny fotoana ivelan'ny fampianarana ianao.

**Bokin'i Môrmôna: Torolalana fandaminana ny fotoana fifehezana fotopampianarana**

Ny isan'ny herinandro ampiasaina amin'ny tsirairay amin'ireo traikefa amin'ny fianarana miisa 10 ho an'ny Bokin'i Môrmôna dia miovaova miankina amin'ny isan'ireo fehezan-teny fototra milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra

masina tokony hohalalinina ho an'ilay lohahevitra ara-potopampianarana. Tokotokony ho eo amin'ny 30 minitra isan-kerinandro no holaniana amin'ny fifehezana fotopampianarana izay ampiasana ireto asa enti-mianatra ireto:

- Fizarana momba ny fahatakarana ny fotopampianarana
- Fampiharana
- Asa atao hamerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ohatra, ato amin'ity torolalana fandaminana fotoana izay nampiarahana eto ity dia efatra herinandro no omena mba hanaovana ireo asa fifehezana fotopampianarana mifandray amin'ny Ny Andriamanitra. Mandritra ny herinandro voalohany dia azonao atao ny fizarana telo voalohany amin'ny "Manakatra ny fotopampianarana." Amin'ny herinandro faharoa dia azonao atao ny misafidy ny hanao ny fizarana 4–6. Amin'ny herinandro fahatelo dia azonao atao ny fizarana 7–8. Ary amin'ny herinandro fahefatra dia azonao atao ny asa fampiharana sy ilay asa "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana."

Ny famerenana ny fandaharam-pampianarana ao amin'ny *Bokin'i Môrmôna: boky torolalana ho an'ny mpampianatra seminera*ho an'ny herinandro manaraka miaraka amin'ireo asa enti-mianatra fifehezana fotopampianarana voarakitra ao amin'ny *Fifehezana fotopampianarana: Fitaovana ho an'ny mpampianatra ny taranja Bokin'i Môrmôna* dia hanampy anao hamolavola drafitra hanokana fotoana mandritra ny fotoam-pianarana mba hanaovana Fifehezana fotopampianarana. Azonao atao ny mamantatra ireo ampahana lesona izay azo fintinina mba hamoronana fotoana hanaovana ireo asa enti-mianatra fifehezana fotopampianarana sy ireo fampiharana.

Ity torolalana fandaminana ny fotoam-pianarana ity dia mifototra amin'ny fomba enti-mampianatra ireo lohahevitra ara-potopampianarana ao amin'ilay ampahan-dahatsoratra izay isehoan'izany ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Kanefa rehefa ny fampianarana ilay fianarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" no vita voalohany dia azo ampianarina araka izay filaharany tiana hanaovana azy ireo lohahevitra ara-potopampianarana hafa. Eritrereto ireto fomba enti-mampianatra roa ireto:

- Miresaka ireo lohahevitra ara-potopampianarana ao amin'ny ampahan'ny lesona izay isehoan'izy ireo ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* (manomboka amin'ny hoe "Ny Andriamanitra" ary mifarana amin'ny hoe "Ireo didy").
- Ampifandrindrao araka izay azo atao amin'izay halalinin'ny mpianatra mandritra ireo fivoriana alahady ny fandalinan'izy ireo ireo lohahevitra ara-potopampianarana (jereo ny *Come, Follow Me: Learning Resources for Youth* ao amin'ny LDS.org).

Ity torolalana fandaminana ny fotoana ity dia natao ho an'ireo mpampianatra te hampianatra ny Fifehezana Fotopampianarana amin'ny ampahany kelikely mandritra ny andro maromaro isan-kerinandro. Raha toa ka maniry hampianatra ny Fifehezana fotopampianarana: Fitaovana ho an'ny mpampianatra ny taranja Bokin'i Môrmôna indray mandeha isan-kerinandro ianao dia misy sosokevitra

momba ny torolalana fandaminana ny fotoana ao amin'ny tovana ao amin'ity boky torolalana ity.

| Torolalana fandaminana ny fotoana | |
|---|---|
| **Herinandro** | **Lohahevitra ara-potopampianarana (miaraka amin'ny tokotokony ho isan'ny minitra omena)** |
| 1 | Mahazo fahalalana ara-panahy (150 minitra) |
| 2 | |
| 3 | |
| 4 | |
| 5 | |
| 6 | Ny Andriamanitra (120 minitra) |
| 7 | |
| 8 | |
| 9 | |
| 10 | Ny Drafitry ny famonjena (90 minitra) |
| 11 | |
| 12 | |
| 13 | Ny Sorompanavotan' i Jesoa Kristy (180 minitra) |
| 14 | |
| 15 | |
| 16 | |
| 17 | |
| 18 | |
| 19 | Ny Famerenana amin'ny laoniny (30 minitra) |
| 20 | Mpaminany sy fanambarana (30 minitra) |
| 21 | Fisoronana sy fanalahidin'ny Fisoronana (30 minitra) |
| 22 | Ôrdônansy sy fanekempihavanana (90 minitra) |
| 23 | |
| 24 | |
| 25 | Fanambadiana sy fianakaviana (60 minitra) |
| 26 | |
| 27 | Ireo didy (180 minitra) |

| Torolalana fandaminana ny fotoana | |
|---|---|
| **Herinandro** | **Lohahevitra ara-potopampianarana (miaraka amin'ny tokotokony ho isan'ny minitra omena)** |
| 28 | |
| 29 | |
| 30 | |
| 31 | |
| 32 | |

## Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny seminera en ligne

Ho ampidirina ao amin'ireo lesona seminera en ligne ireo asa enti-mianatra fifehezana fotopampianarana. Raha mampianatra kilasy seminera en ligne ianao dia hitondra fanampiana lehibe ny mamerina ilay fizarana teo aloha momba ny "Fifehezana fotopampianarana amin'ny seminera isan'andro" mba hanampiana anao hahatakatra ireo fitsipika sy fampiharana manan-danja izay azo amboarina mba hifanaraka sy ho azo ampiharina ao anatin'ny tontolon'ny fianarana seminera en ligne.

## Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny seminera ho an'ny Fandaharam-pianaran'ny mpianatra any An-trano

Amin'izao fotoana izao, ireo boky torolalana ampiasain'ireo mpampianatra sy mpianatra manaraka ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano dia tsy mbola nohavaozina mba hampidirana ny votoatin'ny Fifehezana fotopampianarana. Noho izany, ireo mpampianatra sy mpianatra dia tokony hanohy hampiasa ireo boky torolalana ho an'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano izay ampiasaina amin'izao fotoana izao ka hampiditra ireo asa fifehezana soratra masina. Mandra-panavaozana ireo boky torolalana ho an'ny fandaharam-pianaran'ny mpianatra any an-trano dia amporisihina ireo mpampianatra mba hanome ny mpianatra ilay *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* sy hamporisika azy ireo handalina manokana izany sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana.

# Mahazo fahalalana ara-panahy

*Fanamarihana:* Ny fizarana 1 sy 2 amin'ity traikefa amin'ny fianarana ity dia azo ampianarina ao anatin'ny lesona izay atao mandritra ny fotoam-pianarana maharitra 40 minitra miisa 2, na atambatra ka ampianarina ao anatin'ny fotoam-pianarana iray maharitra 80 minitra. Raha toa ka latsaky ny 180 ny andro fampianarana anananao dia azonao atao ny mampianatra ny fizarana 1 amin'ity traikefa amin'ny fianarana ity eo amin'ny toeran'ny lesona 1, "Ny anjara andraikitry ny mpianatra," ao amin'ny *Bokin'i Môrmôna: Boky torolalana ho an'ny mpampianatra.*

## Fizarana 1 (40 minitra)

### Mampitombo ny fahatakarantsika sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny fahamarinana ara-panahy

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity tantara manaraka ity izay nozarain'ny Rahavavy Sheri L. Dew, izay efa mpanolotsaina faharoa tao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany:



"Niantso ahy … ny zatovovavy mahafinaritra iray, sahiran-tsaina. Tamin-dranomaso no nilazany hoe: -Tsy azoko antoka intsony hoe marina ny Fiangonana, ary matahotra aho. Ahoana raha tsy ho tafaraka mandrakizay ny fianakaviako?-" (Sheri L. Dew, "Will You Engage in the Wrestle?" [Fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young–Idaho, 17 mey 2016], byui.edu/devotionals).

Asao ny mpianatra hisaintsaina raha toa izy ireo na ny olona fantany ka efa niaina ahiahy na fahatsapana nitovy tamin'ireo izay niainan'ilay zatovovavy noresahan'ny Rahavavy Dew.

- Raha toa ka nanatona anao nangataka fanampiana io zatovovavy io, inona no mety ho nolazainao na nataonao mba hanampiana azy?

Manasà mpianatra iray hanohy hamaky mafy ilay tantara notantarain'ny Rahavavy Dew:

"Nanontany aho hoe-Te hahazo fijoroana ho vavolombelona ve ianao?- -Eny,- hoy izy.

"-Vonona ny hiasa hahazoana izany ve ianao?- -Eny- ihany koa" (Sheri L. Dew, "Will You Engage in the Wrestle?" byui.edu/devotionals).

- Nahoana araka ny eritreritrareo no mety ho nanampy ny fanontaniana ity zatovovavy ity raha toa ka naniry hanana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara izy ary raha toa ka vonona ny hiasa hahazoana izany izy?

Hazavao fa mandritra ny fotoana hanaovan'izy ireo seminera, ireo mpianatra dia hanana fahafahana maro hiasa mba hampitombo ny fahatakaran'izy ireo sy ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny filazantsara ary hianatra ny fomba hahitana valinteny amin'ireo fanontanian'izy ireo sy ireo fanontaniana mety hananan'ny hafa momba ny Fiangonana, ka anisan'izany ireo fampianarany sy ny tantarany. Fahafahana iray ananan'izy ireo hanaovana izany ny Fifehezana Fotopampianarana. Ny Fifehezana Fotopampianarana dia ahitana ny fikatsahana hianatra sy hampihatra ireo fitsipika mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy sy ny fampitomboana fahatakarana bebe kokoa momba ireo fotopampianarana fototra ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

## Andriamanitra no loharanon'ny fahamarinana maharitra mandrakizay

Omeo tahadikan'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ny mpianatra dia angataho izy ireo hijery ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy". Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny voalohany. Angataho ny mpianatra mba hanaraka ny vakiteny ary hitady ny zavatra ampianarin'izany mikasika ny loharanon'ny fahamarinana rehetra.

- Iza no loharanon'ny fahamarinana rehetra? (Asao ny mpianatra mba hanisy marika ity fotopampianarana manaraka ity: **Mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra ary Izy no loharanon'ny fahamarinana rehetra.**
- Inona no fifehezana fotopampianarana manohana io fotopampianarana io? (Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hanisy marika ny Môsià 4:9 amin'ny fomba miavaka ao amin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 4:9. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ary hitady ny fomba hanampian'io andininy io antsika hahatakatra ny antony tokony hitodihantsika amin' Andriamanitra rehefa mikatsaka fahamarinana isika.

- Teny na andian-teny inona ao amin'io andininy io no manampy antsika hahatakatra ny antony tokony hitodihantsika amin' Andriamanitra rehefa mikatsaka fahamarinana isika?
- Inona ireo zavatra niainanareo izay nanampy anareo hahafantatra fa mahafantatra ny zavatra rehetra Andriamanitra ary Izy no loharanon'ny fahamarinana rehetra? (Ampahatsiahivo ny mpianatra mba tsy hizara traikefa izay masina loatra na mahakasika be loatra ny tenany manokana.)

## Ny fomba hahazoana fahalalana ara-panahy

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity lohateny manaraka ity: *Ny lamina nomen' Andriamanitra mba hanampiana antsika hahazo fahalalana ara-panahy.*

- Ahoana no hanazavanareo ny atao hoe lamina? (Ampio ny mpianatra mba hahatakatra fa fomba iray hamaritana ny atao hoe lamina ny hoe maodely iray izay manampy antsika hahatakatra ny fomba marina hanaovana zavatra iray, indrindra ny zavatra izay hatao foana. Azonao atao ohatra ny mampiseho ny lamina izay azo ampiasaina amin'ny fanamboaran-javatra iray.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra ary hitady zavatra efatra tsy maintsy ataontsika mba hanarahana ilay lamina nomen' Andriamanitra hanampiana antsika hahazo fahalalana ara-panahy.

- Araka ny zavatra novakintsika tao anatin'ity andiam-pehezan-teny ity dia inona ireo zavatra efatra tsy maintsy ataontsika mba hanarahana ilay lamina nomen' Andriamanitra hanampiana antsika hahazo fahalalana ara-panahy?

Soraty eo ambanin'ilay lohateny eny amin'ny solaitrabe tahaka izao manaraka izao ireo valintenin'ny mpianatra:

1. *Manana faniriana amin-kitsim-po mba hahafantatra ny marina.*
2. *Vonona ny hiaina araka ilay fahamarinana izay nambaran' Andriamanitra.*
3. *Mikatsaka fahamarinana amin'ny alalan'ny vavaka.*
4. *Mikatsaka fahamarinana amin'ny alalan'ny fandalinana matotra ny tenin' Andriamanitra.*

Anontanio ny mpianatra rehetra:

- Nahoana araka ny eritreritrareo no manan-danja amintsika ny mampihatra isan'andro ny lamina nomen' Andriamanitra amin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy fa tsy rehefa manana fanontaniana maika na ahiahy fotsiny ihany? (Manan-danja ny hampiharantsika izany lamina izany isan'andro satria ny fanaovana ireo zavatra ireo dia manasa ny Fanahin'ny Tompo hiaraka amintsika mandrakariva ary afaka manampy antsika hamantatra ny fitaoman'ny Fanahy Masina. Rehefa manaraka tsy tapaka io lamina io isika dia mampiseho amin'ny Tompo ny faniriantsika hahazo fahalalana ara-panahy amin'ny fotoana rehetra, fa tsy rehefa manana fanontaniana maika na ahiahy fotsiny ihany.)

Asaivo mijery ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* indray ny mpianatra.


- Inona no andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay manohana ny lamina nomen' Andriamanitra mba hahazoana fahalalana ara-panahy? (Eo am-pamalian'ny mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireto toko sy andininy manaraka ireto: *Môrônia 10:4–5; 2 Nefia 32:8–9; 2 Nefia 32:3;* toy izao ny filaharan'ireo soratra masina ao anatin'ilay andiam-pehezan-teny faharoa.)

Zarao ho vondrona telo ireo mpianatra. Omeo andraikitra ny vondrona tsirairay handalina ny iray amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay voatanisa eny amin'ny solaitrabe, ary hitady ireo andian-teny ao amin'ny soratra masina izay mampianatra ny lamin' Andriamanitra mba hahazoana fahalalana ara-panahy. Rehefa avy nomena fotoana ampy nanaovana izany izy ireo dia asao ny mpianatra iray na maromaro avy amin'ny

vondrona tsirairay hanao tatitra ny zavatra hitan'izy ireo. Eo am-panaovan'izy ireo izany dia mametraha fanontaniana toy izao manaraka izao:

- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe "manontany an' Andriamanitra … amin-kitsim-po, amin'ny faniriana marina" (Môrônia 10:4)? (Ampio ireo mpianatra hahatakatra fa io fehezan-teny io dia midika hoe tena maniry ny handray valinteny avy amin' Andriamanitra isika ary vonona hanao asa araka ilay valinteny raisintsika.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Ny -faniriana marina- dia midika fa ny olona iray dia *vonona marina* hanaraka ny torolalana omen' Andriamanitra" (Russell M. Nelson, "Ask, Seek, Knock," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2009, 81).

- Nahoana araka ny hevitrareo no zava-dehibe ny hikatsahantsika amin-kitsim-po ny fahamarinana sy ny haniriantsika marina ny hanaraka ny torolalana omen' Andriamanitra antsika?
- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe: "mivavaka mandrakariva" (2 Nefia 32:9)?
- Inona araka ny eritreritrareo no maha-samy hafa ny famakiana fotsiny sy ny "[fivokisana] amin'ny tenin'i Kristy" (2 Nefia 32:3)?
- Nahoana no afaka manampy antsika hahazo fahalalana ara-panahy ny fisafidianana ny hivavaka mandrakariva sy hivoky amin'ny tenin'i Kristy?

Asao ny mpianatra mba hizara ny zavatra niainan'izy ireo tamin'ny fampiharana ny lamin' Andriamanitra amin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy. Eo am-panaovan'izy ireo izany dia asao izy ireo mba hanazava ihany koa ireo fitahiana noraisiny vokatr'izany. Azonao atao koa ny mizara zavatra niainana iray, raha tianao.

### Ampahany manan-danja amin'ny ezaka ataontsika hianarana fahamarinana ny fametrahana fanontaniana sy ny fitadiavana valim-panontaniana

Anontanio ireo mpianatra raha toa ka mihevitra izy ireo fa tsara ny hametrahan'ny olona fanontaniana momba ireo fampianaran'ny Fiangonana na ireo zava-nisy teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay mety ho saro-takarina.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny fahatelo ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra ampianarin'io andiam-pehezan-teny io mikasika ny maha-zava-dehibe ny anjara asan'ny fametrahana fanontaniana sy ny fikatsahana valim-panontaniana eo amin'ny ezaka ataontsika mba hianatra fahamarinana.

- Inona no anjara asan'ny fametrahana fanontaniana sy ny fikatsahana valim-panontaniana eo amin'ny ezaka ataontsika mba hianarana fahamarinana? (Rehefa avy mamaly ny mpianatra dia soraty eo amin'ny solaitrabe ity filazana fahamarinana manaraka ity: **Ny fametrahana fanontaniana sy ny fikatsahana valim-panontaniana dia ampahany tena ilaina ao anatin'ny ezaka ataontsika mba hianatra fahamarinana.**
- Nahoana araka ny eritreritrareo no ampahany manan-danja amin'ny ezaka ataontsika mba hianatra fahamarinana ny fametrahana fanontaniana sy ny fitadiavana valim-panontaniana?
- Araka ny zavatra nianarantsika tao amin'ny andiam-pehezan-teny fahatelo dia nahoana no manan-danja ny fihetsika sy ny fahavononana asehontsika rehefa mametraka fanontaniana? (Ampio ireo mpianatra mba hamantatra ity fahamarinana manaraka ity: **Hisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fahafahantsika mianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny fihetsika sy ny fahavononana asehontsika eo amin'ny fametrahana fanontaniana sy fikatsahana valim-panontaniana**. Azonao atao ny manome sosokevitra ireo mpianatra mba hanisy marika io fitsipika io ao amin'ny tahadikan'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* izay azy ireo.)

Ampahatsiahivo ny mpianatra ny tantaran'ilay zatovovavy izay niantso ny Rahavavy Sheri L. Dew satria niahiahy izy raha toa ka marina ireo fampianaran'ny Fiangonana. Hazavao fa nanapa-kevitra ilay zatovovavy mba hihaona tamin'ny evekany sy tamin'ny olona hafa, ka anisan'izany ny Rahavavy Dew, izay afaka nanampy azy hahita ireo valim-panontaniany.

Omeo ny tahadikan'izao taratasy zaraina manaraka izao ny mpianatra tsirairay avy. Hazavao fa ity taratasy zaraina ity dia mirakitra ny tantara nozarain'ny Rahavavy Dew momba ny zavatra nitranga rehefa nikatsaka ny valin'ireo fanontaniany ilay zatovovavy. Asao ny mpianatra maromaro hifandimbindimby hamaky mafy ilay tantara. Angataho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ary hitady ny fomba fiantraikan'ny fihetsika sy ny fahavononana entintsika mametraka fanontaniana sy mikatsaka valim-panontaniana eo amin'ny fahafahantsika mianatra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.

Rehefa avy namaky ny andiam-pehezan-teny telo voalohany ny mpianatra dia manontania hoe:

- Inona no mety ho fiantraikan'ny fihetsika sy ny fahavononana nasehon'ity zatovovavy ity tamin'ny naha-mpikatsaka ny fahamarinana azy teo amin'ny fahafahany nahita ireo valim-panontaniany?

Dia asao ny mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny ambin'ilay tantara notantarain'ny Rahavavy Dew ao anatin'ilay taratasy zaraina.



"Nilaza [tamin'ilay zatovovavy] aho hoe -Ento ny soratra masinao sy ny fanontaniana rehetra anananao. Tsara ny fanontaniana. Andao isika hijery izay hampianarin'ny Tompo antsika.-

"Nohenoiny ny teniko ary nametraka fanontaniana sarotra nifanesy izy. Nanadihady ny soratra masina sy ireo fampianaran'ny mpaminany izahay hahitana valiny. Nanomboka fantany tsikelikely fa tsy midika velively hoe tsy nanana fijoroana ho vavolombelona izy matoa nanana fanontaniana. Feno ny tantaran'ireo mpaminany izay nanana fanontaniana ny soratra masina. Dia nanomboka fantany ny fotoana nijoroan'ny Fanahy ho vavolombelona taminy, anisan'izany ny fijoroana ho vavolombelona fa tena mpaminany marina ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

"Nanomboka nitombo ny fijoroana ho vavolombelona nananany, dia nandeha ny fotoana. Dia niantso indray izy herintaona lasa teo izay. -Tiako hoe ianao no olona voalohany mahafantatra fa mihazona ny fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly eto an-tanako aho. Ho avy ve ianao rehefa mandray ny fanafiana masina aho?- Dia nampiany hoe -Fantatrao ve ny zavatra nolazainao izay nanampy ahy indrindra? Nolazainao tamiko fa tsara ny fanontaniana, ary izay no namela ahy hahita ny tenako ho mpikatsaka fa tsy mpiahiahy.-

"Diboky ny hafaliana aho! Kanefa roa andro taty aoriana dia nahazo antso tena tsy nitovy tamin'izany avy tamin'ny [zatovovavy] iray hafa aho. -Rahavavy Dew,- hoy izy, -mialoha ny handrenesanao izao avy amin'ny olon-kafa dia tiako ho fantatrao fa mitoe-jaza aho.- Nolazainy fa niahiahy ny fahamarinan'ny filazantsara izy nandritra ny taona maro ary nanapa-kevitra nony farany fa tsy misy antony hanajany ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena.

"Nolazaiko taminy fa tsy mpitsara azy aho ary tiako izy. Dia nanontaniako izy raha te hahazo fijoroana ho vavolombelona. -Tsia- hoy izy.

"Nahatalanjona ny fahasamihafana. Nanana fanontaniana izay nanohintohina ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo tamin'ny fotoana iray ireo zatovovavy roa ireo. Ny iray nitalaho fanampiana ary nanaraka ny torohevitry ny Filoha Monson ny fianakaviana sy ny namana ary ny mpitarika ka nandeha nanavotra azy. Ilay zatovovavy iray hafa dia nanome vahana ny ahiahiny ary nandresy lahatra ny tenany fa azo ekena ireo safidy maloto nataony. …

"Ny fanontanian'ilay zatovovavy iray dia nandrisika azy ho tonga mpikatsaka fahamarinana. Ilay zatovovavy iray hafa dia nampiasa ireo fanontaniany mba hanamarinana ny fitondrantena malotony.

"Ry namako malala, tsara ny fanontaniana. Tsara ny fanontaniana rehefa fanontaniana nentanim-panahy, napetraka tamim-pinoana, ary napetraka tamin'ny loharano azo antoka izay ahitana ny Fanahy hitarika sy hanamafy ny valinteny. …

"Tsy misy amintsika afaka mahazo fanambarana nefa tsy hanao ezaka avy aty amintsika. Tsy mipoitra ho azy tsotra izao ireo valinteny avy amin' Andriamanitra. Raha te hitombo ara-panahy isika dia miandry antsika hametraka fanontaniana sy hikatsaka valinteny ny Tompo. -Raha mangataka ianao,- hoy Izy nampanantena, -dia handray fanambarana miampy fanambarana, fahalalana miampy fahalalana- [F&F 42:61]. Tsy efa mazava be ve izany? Tian'ny Tompo ireo fanontaniana avy amin'ny fanentanam-panahy izay napetraka tamim-pinoana satria mitarika any amin'ny fahalalana, sy any amin'ny fanambarana, ary any amin'ny finoana lehibe kokoa izy ireny" (Sheri L. Dew, "Will You Engage in the

> Wrestle?" [Fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young–Idaho, 17 mey 2016], byui.edu/devotionals).

- Nahoana no manampy antsika hahatakatra ny maha-manan-danja ny fihetsika sy ny fahavononana asehontsika rehefa mametraka fanontaniana ireo zavatra niainan'ireo zatovovavy roa izay noresahin'ny Rahavavy Dew ireo?
- Ahoana no hanampian'ny zavatra niainan'ireo zatovovavy roa ireo antsika mba hahatakarantsika ny anjara asantsika eo amin'ny fikatsahana amim-pahazotoana ireo valim-panontaniantsika?

Azonao atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fametrahana fanontaniana amin-kitsim-po sy ny fikatsahana valinteny amim-pahazotoana. Zarao ny fomba nahatonga anao nahalala fa hamaly ny fanontaniana apetratsika amin-kitsim-po ny Tompo.

Asao ny mpianatra mba hanao asa araka ny zavatra nianaran'izy ireo amin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana amin-kitsim-po sy fikatsahana valiny amim-pahazotoana sady mampihatra ny lamina napetraky ny Ray any An-danitra mba hahazoana fahalalana ara-panahy.

## Fizarana 2 (40 minitra)

### Ireo fitsipika izay afaka manampy antsika hamaly fanontaniana

Asao ireo mpianatra hisaintsaina ireo fanontaniana mety ananan'izy ireo momba ny fiainana na momba ny Fiangonana sy ny fampianarany ary ny tantarany.

Mba ho ohatra amin'ny ahiahy na fanontaniana mety ananan'ny mpianatra sasany na mety apetraky ny olona hafa dia asehoy na soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao:

> *Maheno mikasika ny fahazoan'ny olona hafa valim-bavaka aho saingy tsy mba mitranga amiko izany. Toy ny tsy tia ahy izany Andriamanitra na dia miezaka ny manao ny tsara aza aho. Nahoana no tsy mamaly ny vavaka ataoko Andriamanitra?*

Hazavao amin'ny mpianatra fa ity ampahany amin'ny traikefa amin'ny fianarana mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy ity dia natao mba hanampiana azy ireo hianatra fitsipika telo izay afaka mitarika azy ireo rehefa manana fanontaniana izy ireo na mahare fanontaniana avy amin'ny hafa: manao asa amim-pinoana, mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

## Manao asa amim-pinoana

Asao ny mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ao amin'ny fitsipika 1: "Manao asa amim-pinoana" ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra ary hitady ireo teny voalaza izay manazava ny zavatra azontsika atao mba hanaovana asa amim-pinoana rehefa manana fanontaniana na olana isika. Asao ny mpianatra mba hanisy marika ireo fehezan-teny izay manan-danja manokana amin'izy ireo.

Asaivo manao tatitra ny zavatra hitany ireo mpianatra. Eo am-panaovan'izy ireo izany dia azonao atao ny mangataka azy ireo mba hanazava ny fomba ahafahan'ny torohevitra hitan'izy ireo manampy rehefa manana fanontaniana na olana izy ireo. Asongadino izao fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka izao: **Rehefa manohy mikatsaka valim-panontaniana isika dia tsy maintsy miaina araka ny finoana: matoky fa ho azontsika ireo valim-panontaniana katsahintsika amin'ny farany.**

- Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay manohana io fanambarana fotopampianarana io? (Asao ireo mpianatra hanisy marika ny Etera 12:6 amin'ny fomba miavaka ao anatin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny Etera 12:6. Asaivo manaraka ny vakiteny ny iray kilasy ary hitady ireo teny na andian-teny izay manampy antsika hahatakatra ny antony maha-manan-danja ny hiainantsika amim-pinoana rehefa mikatsaka ireo valim-panontaniantsika isika.

- Teny na andian-teny inona ao amin'io andininy io no afaka manampy antsika hahatakatra ny antony maha-manan-danja ny hiainantsika amim-pinoana rehefa mikatsaka ireo valim-panontaniantsika isika?
- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe "tsy mandray fijoroana ho vavolombelona ianareo raha tsy aorian' ny fizahan-toetra ny finoanareo" (Etera 12:6)?

Asao ny mpianatra iray mba hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Asao ny iray kilasy hihaino ny zavatra azontsika atao mba hahazoana tenivavolombelona momba ny fahamarinan'ny filazantsara.



Rehefa mampihatra ny finoanao ianao, mampihatra fitsipiky ny filazantsara isan'andro na inona na inona toe-javatra misy, dia ho afaka hanandrana ireo vokatra mamin'ny filazantsara, ary amin'ireo voa ireo no hahafantaranareo ny fahamarinany" (Dieter F. Uchtdorf, "The Reflection in the Water" [Takariva amorom-patan'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 1 nôv. 2009], LDS.org).

- Araka io teny nolazain'ny Filoha Uchtdorf io dia inona no azontsika atao mba hahazoana na hampatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny fahamarinan'ny filazantsara?

- Araka ny eritreritrareo, nahoana ny Tompo no miandrandra antsika hampihatra finoana *mialoha* ny hahazoantsika tenivavolombelona na fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny filazantsara?
- Inona no fahamarinana iray nahazoanareo fijoroana ho vavolombelona noho ny fisafidianana hampihatra ny finoanareo tamin'ny alalan'ny fampiharana fitsipiky ny filazantsara isan'andro? Ahoana no nahazoanareo izany fijoroana ho vavolombelona izany? (Azonao atao koa ny mizara zavatra niainana iray, raha tianao.)

Hazavao fa ny olona sasany dia mety hanana fanontaniana raha toa ka manana fijoroana ho vavolombelona izy ireo na koa manontany tena hoe nahoana no tsy matanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo, na dia nikatsaka ny hampihatra finoana amin'ny alalan'ny fiainana araka ireo didin' Andriamanitra aza izy ireo.

Asongadino ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana roa farany ao amin'ny fitsipika 1: "Manao asa amim-pinoana" ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe: "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:***Rehefa mahatoky amin'ny fahamarinana sy ny fahazavana efa noraisintsika isika dia handray bebe kokoa. Matetika ireo valin'ny fanontaniantsika no tonga "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika."** Asao ny mpianatra hanisy marika ireo fahamarinana ireo.

- Ahoana no fomba mety hanampian'ireo fahamarinana ireo ny olona iray hahatakatra ny antony tsy nitomboan'ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo mikasika ny filazantsara tamin'ny fomba haingana kokoa?
- Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana manohana io fotopampianarana io? (Asao ny mpianatra hanisy marika ny 2 Nefia 28:30 amin'ny fomba miavaka.)

Asao ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny 2 Nefia 28:30. Angataho ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ary hitady ireo andian-teny izay manohana ilay fahamarinana ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao mba hizara ny zavatra hitany ny mpianatra.

Hazavao fa ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia nilazalaza ny zavatra niainany raha nivavaka izy rehefa niatrika sedra iray izay naharitra taona maro izy sy ny fianakaviany. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Christofferson. Asao ny iray kilasy hihaino ireo antony mety hisafidianan'ny Tompo tsy hamaliana avy hatrany na koa amin'ny fomba izay iriantsika ny sasany amin'ireo fanontaniantsika sy ireo vavaka ataontsika.



"Nangataka karazana fanampiana mahagaga mba hanafaka anay aho. Na dia nanolotra im-betsaka izany vavaka izany tamin-kitsim-po tokoa sy tamim-paniriana marina aza aho dia tsia ny valinteny tamin'ny farany. Nony farany dia nianatra nivavaka tahaka ny fomba nivavahan'ny Mpamonjy aho: -Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao- (Lioka 22:42). Nikatsaka

ny fanampian'ny Tompo isaky ny dingana bitika indrindra teny amin'ilay lalana aho mandra-pahatonga tany amin'ny vahaolana farany.

"… Mihoatra ny indray mandeha aho no niankohoka teo anoloan'ny Ray any An-danitra, nitalaho ny fanampiany. Ary dia nanampy Izy. Indraindray dia fahatsapana fiadanana fotsiny izany, fahatsapana fanomezan-toky fa hilamina ny zavatra rehetra. …

"Na dia nijaly aza aho tamin'izay fotoana izay, dia mankasitraka aho amin'izao fotoana izao noho ny tsy fisian'ny vahaolana haingana tamin'ilay olako. Ny tsy maintsy nitodihako tamin' Andriamanitra saika isan'andro nandritra ny fotoana naharitra aman-taonany mba hahazoana fanampiana dia nampianatra ahy ny fomba marina tokony hivavahana sy handraisana valim-bavaka ary nampianatra ahy tamin'ny fomba mahomby ny hanana finoana an' Andriamanitra. Lasa nahafantatra ny Mpamonjiko sy ny Raiko any an-danitra tamin'ny fomba sy tamin'ny lafiny izay mety tsy nisy raha tamin'ny alalan'ny fomba hafa aho na tsy nitranga raha tsy taorian'ny fotoana elaela kokoa. … Nianatra nitoky tamin' ny Tompo amin' ny foko manontolo aho. Nianatra niara-nandeha Taminy isan'andro aho" (D. Todd Christofferson, "Recognizing God's Hand in Our Daily Blessings" *Ensign,* jan. 2012, 18–19).

- Araka ny zavatra nianaranareo avy tamin'io teny nambara io dia inona ireo antony sasany mety hisafidianan' Andriamanitra tsy hamaliana avy hatrany ny sasany amin'ireo fanontaniantsika sy ireo vavaka ataontsika na koa amin'ny fomba izay irintsika? (Rehefa avy mamaly ireo mpianatra, dia azonao atao ny manazava fa mety hamaly avy hatrany ireo vavaka ataontsika koa Andriamanitra, amin'ny fomba mivantana sy mahery vaika.)

Miverena amin'ilay ahiahy sy fanontaniana eny amin'ny solaitrabe.

- Raha toa ka nanana io ahiahy sy fanontaniana io ianareo, ahoana ahafahanareo misafidy ny hanao asa amim-pinoana?

### Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay

Angataho ny mpianatra mba hieritreritra ireo fotoana izay mety ho nahitan'izy ireo fa samy hafa tamin'ny zavatra inoana sy fomba fijerin'ny namany sy ny manodidina azy izay tsy mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny finoana sy ny fomba fijerin'izy ireo ny fiainana.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Asao ny mpianatra rehetra hihaino hoe nahoana ny Olomasin'ny Andro Farany no mandray ireo fanontaniana mifandray amin'ny fiainana sy ny lohahevitra ara-pivavahana amin'ny fomba tsy mitovy amin'ny mety ho fandraisan'ny hafa izany matetika.



"Raha mahakasika ny lohahevitra manan-danja maro, ny petrakevitra ananantsika [na zavatra inoantsika] … dia samy hafa [amin'ny an'ny] ankamaroan'ireo namantsika sy manodidina antsika. Tsy mitovy amin'ny petrakevitra maro ampiasaina ao amin'ny haino aman-jery ankehitriny ihany koa izy ireny. … Ohatra, satria fantatry ny Olomasin'ny Andro Farany ny drafitry ny Raintsika any An-danitra ho an'ny zanany, dia fantatsika fa tsy fotoana iray eo anelanelan'ny lasa tsy fantatra sy hoavy tsy azo antoka ity fiainantsika an-tany ity. Tahaka ny

> fizarana faharoa ao anatin'ny teatira misy fizarana telo ity fiainana ity. Ny tanjony dia voafaritr'izay nambara momba ny fisiantsika ara-panahy tao amin'ny fizarana 1 ary ny hoavintsika mandrakizay ao amin'ny fizarana 3. Noho ny fahalalantsika io drafiny io sy ireo fahamarinana hafa izay nambaran' Andriamanitra dia miainga amin'ny petrakevitra tsy mitovy amin'ny an'ireo izay tsy miombon-kevitra amin'izany fahalalana ananantsika izany isika. Vokatr'izany dia samy hafa ny fehinkevitra raisintsika mikasika ireo lohahevitra manan-danja maro izay raisin'ny hafa amin'ny eritreriny fotsiny mikasika ny fiainana an-tany" (Dallin H. Oaks, "As He Thinketh in His Heart" [evening with a General Authority, Feb. 8, 2013], lds.org/broadcasts).


- Araka ny Loholona Oaks, nahoana ny Olomasin'ny Andro Farany no mandray ireo fanontaniana mifandray amin'ny fiainantsika eto an-tany sy ireo lohahevitra ara-pivavahana amin'ny fomba samy hafa amin'izay mety handraisan'ny hafa azy ireny? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia ataovy eny amin'ny solaitrabe izao kisary manaraka izao:

| | | |
|---|---|---|
| **FIZARANA 1**<br>Fiainana talohan'ny nahaterahana | **FIZARANA 2**<br>Fiainana eto an-tany | **FIZARANA 3**<br>Fiainana aorian'ny fahafatesana |

Tampeno ireo faritra misy ny fizarana 1 sy 3 dia apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Manomeza ohatra iray amin'ny lohahevitra manan-danja iray izay mety horaisintsika amin'ny fomba hafa raha toa ka tsy nanana fahalalana momba ny fiainantsika talohan'ny nahaterahana na ny fiainantsika aorian'ny fahafatesana isika. (Mety hilaza lohahevitra maro ny mpianatra, toy ny lanja omentsika ny fiainan'ny olombelona na ny hoe handray ny vokatr'ireo safidintsika avy amin' Andriamanitra isika amin'ny Fitsarana Farany.)

Manasà mpianatra iray hamaky mafy izao teny manaraka izao izay nolazain'ny Loholona Oaks. Hazavao fa niresaka tamin'ireo mpampianatra seminera sy institiota fampianarana ny filazantsara izy. Angataho ny mpianatra mba hihaino izay nolazainy fa tokony hataon'ny mpianatra rehefa tolorana hevitra na fanontaniana sarotra izy ireo.



> "Tsara kokoa ho an'ny tanorantsika ny misoroka ny fiadian-kevitra amin'ny namany. … Ho tsara kokoa ho azy ireo ny mamaly izany amin'ny alalan'ny famantarana ireo petrakevitra arak'izao tontolo izao hita ao anatin'ilay hevitra hizingizinina ho marina aloha dia avy eo mamantatra ireo petrakevitra tsy mitovy amin'izany izay mitarika ny fotopisainan'ny Olomasin'ny Andro Farany" (Dallin H. Oaks, As He Thinketh in His Heart," lds.org/broadcasts

- Araka ny sosokevitra nomen'ny Loholona Oaks, dia inona no azontsika atao rehefa tolorana hevitra na fanontaniana sarotra? (Azonao atao ny manampy ny mpianatra hahatakatra fa ny petrakevitra dia hevitra iray ampiasaina mba hanohanana fehin-kevitra iray ary ny hevitra hizingizinina dia fanambarana ny toeran'ny olona iray na ny fomba fijeriny na ny heviny.

Mba hampisehoana ny fomba fiantraikan'ny zavatra inoan'ny olona iray na petrakevitry ny olona iray amin'ny valinteniny dia manaova sarina efa-joro tsotra miendrika tranon-tsary iray manodidina ilay olana sy fanontaniana voasoratra eny amin'ny solaitrabe.

Maheno mikasika ny fahazoan'ny olona hafa valim-bavaka aho saingy tsy mba mitranga amiko izany. Toy ny tsy tia ahy izany Andriamanitra na dia miezaka ny manao ny tsara aza aho. Nahoana no tsy mamaly ny vavaka ataoko Andriamanitra?

Hazavao fa io efa-joro tsotra io dia maneho ireo zavatra inoana na petrakevitra mety ananan'ny olona iray mametraka io fanontaniana io raha toa ka tsy nijery ilay fanontaniana tamin'ny sahan-kevitra araka izay fantatsika momba ny Ray any An-danitra sy ny drafitry ny famonjeny ary ireo fampianaran'i Jesoa Kristy izy. Hamafiso fa rehefa misaintsaina ny zavatra inoan'ny olona iray na petrakevitra ananan'ny olona iray isika dia tokony hanao izany amin'ny hatsaram-panahy sy fanajana, hihaino tsara ny fahatsapan'ilay olona sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

- Inona no sasany amin'ireo zavatra inoana na petrakevitra izay mety tsy mitombina intsony ka mety hitaona ny olona iray hanana io olana na fanontaniana io?

(Soraty eny amin'ny solaitrabe manodidina ilay efa-joro ny valintenin'ireo mpianatra. Mety ahitana izao manaraka izao izany:

*Amin'ny fomba mitovy no hamalian' Andriamanitra ny vavaky ny olona rehetra.*

*Tia ny zanany sasany Andriamanitra, saingy tsy tena tia ahy Izy.*

*Tsy tia ahy Andriamanitra raha toa ka tsy valiany amin'ny fomba antenaiko sy andrandraiko avy Aminy ireo vavaka ataoko.*

*Raha toa ka miezaka manao ny tsara aho dia tokony hamaly avy hatrany ireo vavaka rehetra ataoko Andriamanitra.*

- Nahoana araka ny eritreritrareo no manan-danja ny mieritreritra momba ireo zavatra inoantsika na ny hafa, na ny petrakevitra mety ananantsika na ny hafa rehefa mametraka fanontaniana momba an' Andriamanitra, na ny fiainantsika eto an-tany, na ny Fiangonana sy ny fampianarany ary ny tantarany? (Ampio ny mpianatra hahita fa ny fanaovana izany dia afaka manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ireo olana fototra na ny fomba fijery voafetra mety ifotoran'ilay fanontaniana.)

- Ahoana no mety hampisehoan'ireo zavatra inoana na petrakevitra eny amin'ny solaitrabe fa mety mijery ilay fanontaniana amin'ny fijery voafetra ilay olona?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny fitsipika 2 hoe "Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay"ao amin'ny fizarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny fomba ahafahantsika mikatsaka ny fanampian'ny Fanahy sy hamakafaka ireo hevitra sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitan'izy ireo. Asao ny mpianatra mba hanisy marika izao fahamarinana manaraka izao: **Mba hamakafakana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ireo hevi-dehibe sy fanontaniana ary olana ara-piarahamonina mikasika ny fotopampianarana dia raisintsika amin'ny sahan-kevitry ny drafitry ny famonjena sy ireo fampianaran'ny Mpamonjy izy ireny.** Esory ny zavatra nanakonana ireo faritra misy ny fizarana 1 sy 3 eny amin'ny solaitrabe.

Hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny fomba hamakafakana ireo hevitra sy fanontaniana amin'ny sahan-kevitry ny drafitry ny famonjena sy ireo fampianaran'ny Mpamonjy dia asehoy ilay horonan-tsary "Examining Questions with an Eternal Perspective" (2:55), izay hita ao amin'ny LDS.org. Angataho ny iray kilasy mba hijery ny nakan'ny zatovovavy iray antsoina hoe Lauren fotoana hieritreretana momba ireo zavatra inoana na petrakevitra izay mety niteraka ny fanontanian'ilay namany momba an' Andriamanitra sy ny namakafakan'i Lauren ilay fanontaniana tamin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay avy eo.

Rehefa avy nijery ilay horonan-tsary ny mpianatra dia apetraho ity fanontaniana ity:

- Nahoana araka ny eritreritrareo no nanampy an'i Lauren ny nieritreritra momba ireo zavatra inoana na petrakevitra izay mety niteraka ilay fanontanian'ny namany momba an' Andriamanitra?
- Inona no nitranga rehefa namakafaka ny fanontanian'ny namany tamin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay i Lauren?

Mba hanampiana ireo mpianatra hizatra hamakafaka hevitra sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay dia miverena amin'ilay olana sy fanontaniana ao anaty efa-joro eny amin'ny solaitrabe dia manontania hoe:

- Inona no fantatsika momba ny Ray any An-danitra sy ny drafiny, ary ireo fampianaran'ny Mpamonjy izay afaka manampy antsika hieritreritra io fanontaniana io avy amin'ny fomba hafa ka hahita valinteny amin'ny fomba fijery mifototra amin'ny fahamarinana mandrakizay?

Rehefa mamaly ny mpianatra dia fafao ireo teny manodidina ilay efa-joro ka soloy amin'ny valinteny omen'ny mpianatra izany. Mety ahitana izao manaraka izao ireo valinteny:

*Mety hamaly ny vavaka ataontsika amin'ny fomba hafa Andriamanitra araka ny fahalalany ny zavatra ilain'ny tsirairay sy izay tsara indrindra ho antsika.*

*Tia ny zanany rehetra Andriamanitra, anisan'izany ny tenako.*

*Tia ahy Andriamanitra na dia rehefa tsy mamaly ny vavaka ataoko amin'ny fomba antenaiko sy andrandraiko Aminy aza.*

*Na dia miezaka manao ny tsara aza aho dia mety tsy hamaly avy hatrany ny vavaka ataoko Andriamanitra. Mitondra fahafahana ho ahy mba hitombo ara-panahy izany.*

Esory na fafao ilay efa-joro tsotra manodidina ilay olana sy fanontaniana eny amin'ny solaitrabe dia soloy efa-joro tsara kokoa izany.

Hazavao fa io efa-joro vaovao io dia maneho ireo fahamarinana fantatsika momba ny Ray any An-danitra sy ny drafitry ny famonjeny ary ireo fampianaran'ny Mpamonjy.

> Maheno mikasika ny fahazoan'ny olona hafa valim-bavaka aho saingy tsy mba mitranga amiko izany. Toy ny tsy tia ahy izany Andriamanitra na dia miezaka ny manao ny tsara aza aho. Nahoana no tsy mamaly ny vavaka ataoko Andriamanitra?

- Nahoana no mamela antsika hahita ilay fanontaniana amin'ny fomba hafa ny fandraisana io fanontaniana io amin'izay sahan-kevitra fantatsika momba ny Ray any An-danitra sy ny drafitry ny famonjeny ary ireo fampianaran'ny Mpamonjy?

Asao ny mpianatra hizara ny fomba nahafahany nahatakatra bebe kokoa ny hevitra, na fampianarana, na olana iray rehefa nodinihin'izy ireo tamin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay izany. Azonao atao koa ny mizara zavatra iray niainanao manokana.

### Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra

Asao ny mpianatra mba hieritreritra ireo loharano azon'izy ireo hitodihana rehefa manana fanontaniana momba ny Fiangonana izy ireo na mila fanampiana rehefa mandray fanapahan-kevitra manan-danja iray.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Tsy nilaza i Jakoba hoe -Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hijery Google!.-" (M. Russell Ballard, "The Opportunities and Responsibilities of CES Teachers in the 21st Century" [Takariva iarahana amin'ny Manampahefana Ambony, feb. 26, 2016], lds.org/broadcasts).

- Araka ny Jakoba 1:5, inona no *nampianarin*'i Jakoba Apôstôly? ("Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra.")
- Araka ny eritreritrao, nahoana no zava-dehibe ny mangataka fanampiana amin' Andriamanitra aloha rehefa manana fanontaniana na olana isika?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny voalohany ao amin'ny fitsipika 3 mitondra ny lohateny hoe "Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra"ao amin'ny fizarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra ary hitady ny zavatra nomen' Andriamanitra antsika mba hanampiana antsika hahafantatra sy hahatakatra fahamarinana. Asao ny mpianatra hanisy marika ny zavatra hitany.

- Inona no nomen' Andriamanitra antsika mba hanampiana antsika hahafantatra sy hahatakatra fahamarinana? (Ao anatin'ity fifanakalozan-kevitra ity dia azonao atao ny manasa ny mpianatra hanisy marika izao teny manaraka izao: **Anisan'ny dingana nofidin'ny Tompo mba hahazoana fahalalana ara-panahy ny nametrahany loharano izay hanambarany fahamarinana sy fitarihana ho an'ny zanany.**)
- Inona ireo fitahiana azontsika raisina rehefa mitodika amin'ireo loharanon'ny fahamarinana masina nofidin' Andriamanitra isika?

Miverena amin'ilay olana sy fanontaniana eny amin'ny solaitrabe.

- Inona no sasany amin'ireo loharano nofinidin' Andriamanitra azonareo hitodihana raha toa ka manana io olana sy fanontaniana io ianareo?

Hanampiana ny mpianatra hahalala ireo loharano fanampiny izay afaka manampy azy ireo hahita ireo loharano nofinidin' Andriamanitra dia resaho amin'izy ireo (raha azo atao dia asehoy azy ireo na asao izy ireo hijery izany ao amin'ny fitaovana elektrônika entina mandehandeha eny amin'izy ireo) ny momba ny tranonkala ôfisialin'ny Fiangonana . Hazavao fa ao amin'ireo tranonkalan'ny Fiangonana ireo no hampahalalana mikasika ireo zavatra isan-karazany mahaliana ny olona izay mifandray amin'ny Fiangonana sy manitsy ireo fampahalalana tsy ampy na diso izay aparitaka amin'ny alalan'ny haino aman-jery. Asehoy ny mpianatra ihany koa ny pejy misy ireo Lohahevitra momba ny filazantsara an'ny Fiangonana ao amin'ny lds.org/topics Ireo lahatsoratra momba ireo Lohahevitry ny filazantsara dia mirakitra fampahalalana manan-danja sy mahitsy mikasika ireo zavatra sarotra mikasika ny tantara sy ny fotopampianarana.

Asao ny mpianatra hizara ohatra mikasika ny fomba nitahiana azy ireo rehefa nitodika tamin'ireo loharanom-pahalalana masina izy ireo mba hahazoana

valinteny rehefa sendra fanontaniana na olana. Azonao atao ny miomana hizara ohatra avy aminao manokana.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny fitsipika 3 mitondra ny lohateny hoe Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra"ao amin'ny fizarana hoe "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra ary hitady izay ampianarin'io andiam-pehezan-teny io momba ireo loharanom-pahalalana izay tsy vokarin'ny Fiangonana.

- Nahoana no manan-danja ny mitandrina amin'ireo loharanom-pahalalana tsy azo antoka?
- Ahoana no ahafahantsika mamantatra fahamarinana ao amin'ireo loharanom-pahalalana izay tsy vokarin'ny Fiangonana? (Ampio ny mpianatra hahatakatra fa ny Fanahy Masina dia afaka manampy antsika hamantatra fahamarinana na fahadisoana ao amin'izay mety ho loharano ahitantsika izany [jereo ny Môrônia 10:5].)

Hazavao fa mandritra ny taom-pianarana, ankoatra ny fandalinana isaky ny fizarana ny fampianaran'ny Bokin'i Môrmôna, dia hianatra ihany koa ireo lohahevitra ara-potopampianarana sivy avy ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* (izay mifandray amin'ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pampianarana ho an'ny zatovo rehefa alahady) ny mpianatra. Hohalalinin'izy ireo ihany koa ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay mifandray amin'ny lohahevitra tsirairay. Rehefa halalinina ny lohahevitra tsirairay dia hampiasa ireo fitsipika mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy izay noresahina ato amin'ity lesona ity izy ireo mba handinika fanontaniana sy olana tena misy ary ireo fahafahana ananana mba hanaovana fampiharana ho an'ny tena manokana.

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ny maha-zava-dehibe ny fampiharana ireo fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy rehefa sendra ireo hevitra na fanontaniana sarotra isika. Omeo toky ny mpianatra fa tian'ny Tompo ny hampianatra azy ireo amin'ny alalan'ny Fanahiny. Rehefa manao asa amim-pinoana sy mamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra isika, dia hanome valiny ho antsika ary hanolotra fitarihana eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ampiasao ity asa atao manaraka ity mandritra ny fotoam-pianarana mitokana iray mba hanampiana ny mpianatra hamerina ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay resahina ao amin'ny fizarana 1 sy 2 ato amin'ity fianarana mikasika ny fahazoana fahalalana ara-panahy ity.

Mialoha ny fotoam-pianarana dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireo soratra masina ho an'ireto andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana manaraka ireto: *2 Nefia 28:30; 2 Nefia 32:3; 2 Nefia 32:8–9; Môsià 4:9; Etera 12:6; Môrônia 10:4–5.*

Zarao ho tsiroaroa ireo mpianatra. Angataho izy ireo mba hamerina ilay fotopampianarana nampianarina ao amin'ireo andalan-tsoratra masina eny amin'ny solaitrabe ka haka mpianatra iray isaky ny vondrona tsirairay hampiasa ny *Torolalana ahitana andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana*ary hamaky mafy ny andian-teny fototra ho an'ny tsirairay amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ireo, tsy voatery hilahatra izany. Rehefa misy mamaky ny andian-teny fototra iray dia lazain'ilay mpianatra iray hafa ny andalan-tsoratra masina eny amin'ny solaitrabe izay mifandray amin'ilay andian-teny fototra. Rehefa afaka minitra vitsy dia asao ny mpianatra hifamadika amin'ny anjara andraikitra.

Aorian'izay, mba hanampiana ny mpianatra ho zatra ny lahatsoratra ao amin'ny soratra masina ho an'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana dia mamakia andinin-tsoratra masina iray ka aza lazaina amin'ny mpianatra ny andalan-tsoratra masina. Asao ny mpianatra mba hijery raha toa ka afaka mahita ilay andalan-tsoratra masina izy ireo ka hiaraka hamaky mafy izany aminao mialoha ny hahavitanao mamaky ilay andalan-tsoratra masina. Rehefa voavaky ilay andinin-tsoratra masina dia asao ny mpianatra iray na maromaro mba hanazava amin'ny tenin'izy ireo ilay fotopampianarana na fitsipika nampianarina ao amin'ilay andalan-tsoratra masina. Avereno ity asa atao ity ho an'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana voatanisa eny amin'ny solaitrabe.

# Te hahazo fijoroana ho vavolombelona ve ianao?



"Nilaza [tamin'ilay zatovovavy] aho hoe -Ento ny soratra masinao sy ny fanontaniana rehetra ananao. Tsara ny fanontaniana. Andao isika hijery izay hampianarin'ny Tompo antsika.-

"Nohenoiny ny teniko ary nametraka fanontaniana sarotra nifanesy izy. Nanadihady ny soratra masina sy ireo fampianaran'ny mpaminany izahay hahitana valiny. Nanomboka fantany tsikelikely fa tsy midika velively hoe tsy nanana fijoroana ho vavolombelona izy matoa nanana fanontaniana. Feno ny tantaran'ireo mpaminany izay nanana fanontaniana ny soratra masina. Dia nanomboka fantany ny fotoana nijoroan'ny Fanahy ho vavolombelona taminy, anisan'izany ny fijoroana ho vavolombelona fa tena mpaminany marina ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

"Nanomboka nitombo ny fijoroana ho vavolombelona nananany, dia nandeha ny fotoana. Dia niantso indray izy herintaona lasa teo izay. -Tiako hoe ianao no olona voalohany mahafantatra fa mihazona ny fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly eto an-tanako aho. Ho avy ve ianao rehefa mandray ny fanafiana masina aho?- Dia nampiany hoe -Fantatrao ve ny zavatra nolazainao izay nanampy ahy indrindra? Nolazainao tamiko fa tsara ny fanontaniana, ary izay no namela ahy hahita ny tenako ho mpikatsaka fa tsy mpiahiahy.-

"Diboky ny hafaliana aho! Kanefa roa andro taty aoriana dia nahazo antso tena tsy nitovy tamin'izany avy tamin'ny [zatovovavy] iray hafa aho. -Rahavavy Dew,- hoy izy, -mialoha ny handrenesanao izao avy amin'ny olon-kafa dia tiako ho fantatrao fa mitoe-jaza aho.- Nolazainy fa niahiahy ny fahamarinan'ny filazantsara izy nandritra ny taona maro ary nanapa-kevitra nony farany fa tsy misy antony hanajany ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena.

"Nolazaiko taminy fa tsy mpitsara azy aho ary tiako izy. Dia nanontaniako izy raha te hahazo fijoroana ho vavolombelona. -Tsia- hoy izy.

"Nahatalanjona ny fahasamihafana. Nanana fanontaniana izay nanohintohina ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo tamin'ny fotoana iray ireo zatovovavy roa ireo. Ny iray nitalaho fanampiana ary nanaraka ny torohevitry ny Filoha Monson ny fianakaviana sy ny namana ary ny mpitarika ka nandeha nanavotra azy. Ilay zatovovavy iray hafa dia nanome vahana ny ahiahiny ary nandresy lahatra ny tenany fa azo ekena ireo safidy maloto nataony. …

"Ny fanontanian'ilay zatovovavy iray dia nandrisika azy ho tonga mpikatsaka fahamarinana. Ilay zatovovavy iray hafa dia nampiasa ireo fanontaniany mba hanamarinana ny fitondrantena malotony.

"Ry namako malala, tsara ny fanontaniana. Tsara ny fanontaniana rehefa fanontaniana nentanim-panahy, napetraka tamim-pinoana, ary napetraka tamin'ny loharano azo antoka izay ahitana ny Fanahy hitarika sy hanamafy ny valinteny. …

"Tsy misy amintsika afaka mahazo fanambarana nefa tsy hanao ezaka avy aty amintsika. Tsy mipoitra ho azy tsotra izao ireo valinteny avy amin' Andriamanitra. Raha te hitombo ara-panahy isika dia miandry antsika hametraka fanontaniana sy hikatsaka valinteny ny Tompo. -Raha mangataka ianao,- hoy Izy nampanantena, -dia handray fanambarana miampy fanambarana, fahalalana miampy fahalalana- [F&F 42:61]. Tsy efa mazava be ve izany? Tian'ny Tompo ireo fanontaniana avy amin'ny fanentanam-panahy izay napetraka tamim-pinoana satria mitarika any amin'ny fahalalana, sy any amin'ny fanambarana, ary any amin'ny finoana lehibe kokoa izy ireny" (Sheri L. Dew, "Will You Engage in the Wrestle?" [Fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young–Idaho, 17 mey 2016], byui.edu/devotionals).



© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Ny Andriamanitra

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny fotopampianarana (75 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny manaraka ity, ary asao ny mpianatra iray hamaky mafy izany: *Tsy tena fantatr' Andriamanitra aho na tsy miraharaha ny zavatra iainako Izy.*

- Nahoana izany fahatakaran-diso izany no mahatonga ny olona iray ho sahirana eo amin'ny fampiharana ny finoana an' Andriamanitra?

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1 mitondra ny lohateny hoe Ny Andriamanitra" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny mpianatra hamaky miaraka amin'ny namana iray ireo andiam-pehezan-teny eo ambanin'izany lohahevitra izany ary hitady ireo fahamarinana momba ny endrika sy toetran'ireo mpikambana ao amin'Ny Andriamanitra. Angataho izy ireo mba hifanakalo hevitra amin'ny namany mikasika ny fomba ahafahan'ny sasany amin'ireo fahamarinana hitan'izy ireo fa manampy amin'ny fanitsiana na fanazavana ilay teny voasoratra eny amin'ny solaitrabe.

Rehefa avy nomena fotoana ampy nanaovana izany ny mpianatra dia manasà mpianatra vitsivitsy hizara amin'ny iray kilasy ny zavatra izay nifampiresahany tamin'ny namany. Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa mianatra sy mahatakatra bebe kokoa ny fotopampianarana momba Ny Andriamanitra isika dia hitombo ny finoana sy fahatokiantsika ny Ray any An-danitra, sy an'i Jesoa Kristy, ary ny Fanahy Masina.

### Fizarana 2 (10 minitra)

Apetraho amin'ny mpianatra ity fanontaniana manaraka ity:

- Inona no mety ho fahasamihafana tsikaritry ny olona momba ny hafa ka mety hitarika azy ireo hitsara ireo olona ireo ho ambany kokoa noho izy ireo? (Ny sasany amin'ireo zavatra mety holazain'ny mpianatra dia ny fahasamihafana eo amin'ny toe-karena, ny endrika ivelany, ny fahaiza-manao, ny kolontsaina, ny fiteny, ny fivavahana, ny hoe lehilahy na vehivavy, na ny fiaviana.)

Asao ny mpianatra hijery ny lohahevitra ara-potopampianarana 1, "Ny Andriamanitra," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ary hijery haingana ny andiam-pehezan-teny eo ambanin'ny lohateny hoe "Andriamanitra Ray," ary hitady fahamarinana iray izay mamariparitra ny fahatsapan' Andriamanitra momba ny zanany rehetra. Asaivo manao tatitra ny zavatra hitany izy ireo ary hanoratra izao teny manaraka izao eny amin'ny solaitrabe: **Tia tanteraka ny zanany tsirairay Andriamanitra ary mitovy avokoa ny rehetra ao Aminy.** Asao ny mpianatra mba hanisy marika io teny io ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

- Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotompampianarana manohana io fahamarinana io? (Asao ireo mpianatra hanisy marika ny 2 Nefia 26:33 amin'ny fomba miavaka ao anatin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitr'io andalan-tsoratra masina io dia hazavao fa ao amin'ny 2 Nefia 26, ny mpaminany Nefia dia naminany momba ny andro farany ary nanasa ny olona rehetra hanatona an'i Jesoa Kristy.


Asao ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny 2 Nefia 26:33 . Angataho ny mpianatra mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo teny na andian-teny izay manampy amin'ny fampianarana ilay fehezan-teny milaza fotopampianarana voasoratra eny amin'ny solaitrabe. Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitan'izy ireo.


- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe "mitovy avokoa ny rehetra ao amin' Andriamanitra"?
- Inona ireo zavatra efa niainanao ka nanampy anao hahafantatra fa tia tanteraka ny zanany tsirairay Andriamanitra ary mitovy avokoa ny rehetra eo imasony? (Azonao atao koa ny mizara ny zavatra niainanao manokana.)
- Nahoana no afaka manova ny fomba fijerintsika sy fitondrantsika ny hafa ny fahatakarana io fahamarinana io?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny fampiharana io fahamarinana io dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny nambara manaraka ity.

> "Ny Fiangonana dia manameloka mazava tsara ny fanavakavaham-bolonkoditra ka tafiditra ao anatin'izany izay fanavakavaham-bolonkoditra rehetra tany aloha izay na nataon'ny olona ivelan'ny Fiangonana izany na nataon'ny olona tao anatin'ny Fiangonana. Tamin'ny taona 2006, i Gordon B. Hinckley, izay filohan'ny Fiangonana tamin'izany dia nanambara fa -tsy misy olona manao fanamarihana mitory fanavakavahana ny olona hafa fihodirana ka afaka mihevitra ny tenany ho mpanara-dia marina an'i Kristy. Tsy afaka ny hihevitra ny tenany ho mpanaraka tsara ireo fampianaran'ny Fiangonana ihany koa izy. Aoka isika rehetra samy hiaiky fa isika tsirairay avy dia zanakalahy na zanakavavin'ny Raintsika any An-danitra, izay tia ireo zanany rehetra' " ("Race and the Church: All Are Alike unto God," Feb. 29, 2012, mormonnewsroom.org).

### Fizarana 3 (10 minitra)





Asehoy ny sary I Jesoa Kristy niseho tamin'ireo Nefita (lds.org/media-library) sy Nampianatra tany amin'ny ilam-bolantany andrefana i Jesoa (Boky mirakitra sary momba ny filazantsara [2009], lah. 82; jereo ihany koa ny lds.org/media-library).

Manasà mpianatra iray hamintina fohifohy ny tantara ao amin'ny soratra masina izay hita eo amin'ireo sary ireo.

Ampahafantaro ny mpianatra fa ny 3 Nefia 11:10–11, izay ahitana ireo teny voalohany nolazain'ny Mpamonjy tamin'ny Nefita rehefa niseho tamin'izy ireo Izy, dia andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana. Lazao izy ireo mba hanisy marika ilay andalan-tsoratra masina amin'ny fomba miavaka.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 3 Nefia 11:10-11 . Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny sy hikaroka ireo fahamarinana nampianarin'ny Mpamonjy ny Nefita momba ny Tenany.

- Inona araka ny eritreritrareo no tian'ilay andian-teny hoe "nisotro tamin'ilay kapoaka mangidy … Aho" (3 Nefia 11:11) holazaina? (Ny ngidin'ny fanaintainana niaretany nandritra ny sorompanavotany.)

- Inona no ampianarin'ireo andininy ireo anareo mikasika ny fifandraisan'ny Ray any An-danitra sy ny Zanany, Jesoa Kristy?

- Inona avy ireo fahamarinana azontsika ianarana avy amin'ireo andininy ireo mikasika ny Mpamonjy? (Rehefa avy mamaly ny mpianatra dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ireto izay hita ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1, "Ny Andriamanitra," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Manao ny sitrapon'ny Ray amin'ny zavatra rehetra i Jesoa Kristy. Niaina tao anatin'ny fiainana tsy nisy fahotana Izy ary nanonitra ny fahotan'ny olombelona rehetra.** Asao ny mpianatra hanisy marika ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana ao amin'ny tahadikan'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* izay azy ireo ary hanoratra ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny 3 Nefia 11:10–11.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ireo fotopampianarana ireo dia asao ny antsasaky ny mpianatra mba hamaky mangina ny Lioka 22:39-44 ary ny antsasaky ny mpianatra iray hafa hamaky mangina ny Mosesy 4:1-2 . Angataho izy ireo mba

hitady ireo ohatra fa nanoa ny sitrapon'ny Ray tamin'ny zavatra rehetra i Jesoa Kristy. Asao mba hizara ny zavatra hitany ny mpianatra.

- Inona no azontsika ianarana avy amin'ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy momba ny fomba hanamafisana ny fifandraisantsika amin'ny Ray any An-danitra?

### Fizarana 4 (10 minitra)

Raha toa ka tsy mbola nanao izany ianao dia soraty eo amin'ny solaitrabe ireto fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ireto:

> *Tia tanteraka ny zanany tsirairay Andriamanitra ary mitovy avokoa ny rehetra ao Aminy.*
>
> *Manao ny sitrapon'ny Ray amin'ny zavatra rehetra i Jesoa Kristy. Niaina tao anatin'ny fiainana tsy nisy fahotana Izy ary nanonitra ny fahotan'ny olombelona rehetra.*

Asao ny mpianatra mba hitady ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay manohana io fotopampianara io. (Raha toa ka sahirana mitadidy ireo andalan-tsoratra masina ireo ny mpianatra, dia amporisiho izy ireo mba hamaky haingana ireo andiam-pehezan-teny eo ambanin'ireo fizarana "Andriamanitra Ray" sy "Jesoa Kristy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1, "Ny Andriamanitra," ao anatin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*) Rehefa hitan'izy ireo ny 2 Nefia 26:33 sy ny 3 Nefia 11:10–11, dia asao ny mpianatra anankiroa hamaky mafy ireto andalan-tsoratra masina ireto.

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao fanontaniana manaraka izao: *Nahoana ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy no mampiseho ny fitiavana tanteraka ananan' Andriamanitra ho an'ny zanany tsirairay sy mampiseho fa mitovy avokoa ny rehetra Aminy?*

Asao ireo mpianatra hanoratra valinteny iray ho an'io fanontaniana io ao amin'ny kahie na ny diary fandalinany soratra masina. Rehefa avy nomena fotoana ampy nanaovana izany izy ireo dia manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny valinteniny amin'ny kilasy iray manontolo.

### Fizarana 5 (5 minitra)

Asao ny mpianatra hieritreritra momba ireo olona izay raisin'izy ireo ho ohatra tsara ary hieritreritra ny mahatonga ireo olona ireo ho ohatra tsara arahina.

Asao ny mpianatra hamaky haingana ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Jesoa Kristy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1, "Ny Andriamanitra," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao izy ireo hitady fehezan-teny iray izay mampianatra momba ny hoe fiainan'iza no tokony alain'ny olona rehetra tahaka. Asao mba hizara ny zavatra hitany ny mpianatra. Dia soraty eo amin'ny solaitrabe

avy eo ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: **Ny fiainan'i Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra maneho ny fomba tokony hiainantsika.**

- Inona no andinin-tsoratra masina manohana io fotopampianarana io? (3 Nefia 12:48.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitra ao amin'ny 3 Nefia 12:48, dia hazavao fa taorian'ny nisehon'i Jesoa Kristy tamin'ny Nefita dia nampianatra azy ireo ny fomba hanatonana Azy Izy sy ny zavatra takina mba hidirana ny fanjakan'ny lanitra.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 3 Nefia 12:48 Asaivo manaraka ny vakiteny ireo mpianatra, ary hitady ny didin'ny Mpamonjy ho an'ny vahoakany.

- Inona ilay didin'ny Mpamonjy ho an'ny vahoakany?
- Milazà fomba vitsivitsy ahafahantsika miezaka mba hitandrina io didy mba ho tanteraka io. (Hamafiso fa ny fomba hahatongavana ho lavorary tahaka ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia ny manao izay hahatongavana tahaka Azy Ireo. Rehefa miezaka manaraka ny Mpamonjy isika dia afaka ny ho tonga lavorary amin'ny alalany sy ny sorompanavotana nataony. Dingana izay mitohy amin'ny fiainana manaraka ny fahalavorariana.)

Asao ireo mpianatra mba hanisy marika ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana 3 Nefia 12:48 amin'ny fomba miavaka sy hanoratra hoe "Ny fiainan'i Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra maneho ny fomba tokony hiainantsika" eo akaikin'io andininy io ao amin'ny soratra masin'izy ireo.

## Fizarana 6 (10 minitra)


Vakio mafy miaraka ny 3 Nefia 12:48 . Angataho ny mpianatra iray hampahatsiahy ny iray kilasy ilay fotopampianarana izay tohanan'io andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana io. (Ny fiainan'i Jesoa Kristy no ohatra tonga lafatra maneho ny fomba tokony hiainantsika.)

Hanampiana ny mpianatra hahatakatra bebe kokoa io fotopampianarana io dia asehoy ilay horonan-tsary "Christlike Attributes" (2:54), izay hita ao amin'ny LDS.org. Angataho izy ireo mba hitady ireo toetran'ny Mpamonjy izay azontsika katsahina ny hanana azy bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika manokana. Aorian'ilay horonan-tsary dia asao ireo mpianatra hilaza ireo toetra ireo, ary hitanisa ny sosokevitr'izy ireo eny amin'ny solaitrabe. (Raha toa ka tsy misy io horonan-tsary io dia soloy an'izao manaraka izao: Angataho ny mpianatra mba hilaza ny sasany amin'ireo toetran'ny Mpamonjy izay azontsika katsahina ny hanana azy bebe kokoa, ary hitanisa ny sosokevitr'izy ireo eny amin'ny solaitrabe. Izany dia mety ahitana ireo toetra tahaka ny fanetrentena, fankatoavana, ary hatsaram-panahy. Azonao atao ny miresaka vetivety momba ireo ohatra avy amin'ny fiainan'ny Mpamonjy mba hampisehoana ny vitsivitsy amin'ireo toetra ireo.)

- Milazà zavatra niainana iray izay nitahiana anareo tamin'ny alalan'ny olona iray izay nanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy tamin'ny iray amin'ireo fomba ireo.

- Milazà zavatra niainana iray izay nahafahanareo nanampy olona iray satria niezaka nampihatra ny iray amin'ireo toetra ireo ianareo.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nambaran'ny Filoha Howard W. Hunter (1907–1995):



"Aoka isika hanaraka ny Zanak' Andriamanitra amin'ny fomba rehetra sy amin'ny dia rehetra eo amin'ny fiainana. Aoka isika hanao Azy ho ohatra halain-tahaka sy mpitarika antsika. Tokony hanontany tena foana isika isaky misy fahafahana manao zavatra hoe: -Inona no ho nataon'i Jesoa?- ary hanana risi-po bebe kokoa avy eo hanao asa araka ilay valinteny. Tsy maintsy manaraka an'i Kristy isika, araka ny hevitra tsara indrindra fonosin'izany teny izany. Tsy maintsy manao ny asany isika tahaka ny nanaovany ny asan'ny Rainy. … Tokony hanao izay azontsika atao rehetra araka izay faran'ny herin'olombelona ananantsika isika mba ho tonga tahaka an'i Kristy—ilay hany ohatra tonga lafatra sy tsy manam-pahotana hitan'izao tontolo izao hatrizay" (*Enseignements des Presidents de l'Eglise: Howard W. Hunter* [2015], 309).

Asao ny mpianatra hisaintsaina ireo fomba sasany ahafahan'izy ireo manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy eo amin'ny fiainany andavanandro. Eo am-pandinihan'izy ireo dia soraty eo amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny misy banga manaraka ity: *Hanaraka bebe kokoa ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy aho amin'ny alalan'ny …*

Asao ny mpianatra mba hameno io fehezan-teny io ao amin'ny kahieny na ao amin'ny diary fandalinany soratra masina. Entano izy ireo hanao asa araka ireo tanjona nosoratany sy hanana risi-po hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy.

### Fizarana 7 (10 minitra)


Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 3 Nefia 18:15, 20–21 Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra ary hitady ny torohevitra nomen'ny Mpamonjy ny Nefita. Hamafiso fa ity dia andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka.

- Inona no nasain'ny Mpamonjy nataon'ireo Nefita?

Asongadino ny torolalana naverimberin'ny Mpamonjy ao amin'ny 3 Nefia 18:20–21 mba hivavaka "amin'ny anarako."

- Araka ny eritreritrareo, nahoana ny Mpamonjy no mandidy antsika hivavaka mandrakariva amin'ny Ray any An-danitra amin'ny anarany?

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny antony iray hivavahantsika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy dia ataovy sary eny amin'ny solaitrabe izao sarisary manaraka izao:





Manaova sarina tsipika mitsangana iray eo amin'ny solaitrabe eo anelanelan'ilay sary maneho antsika sy ilay sary maneho ny fanatrehan' ny Ray any An-danitra.

- Inona no mampisaraka antsika amin'ny Raintsika any An-danitra sy ny heriny ary ireo fitahiany?

Rehefa avy mamaly ny mpianatra dia soraty hoe *Ny fahalavoana* sy ny *Fahotan'ny tena manokana* eny amin'ny solaitrabe eo akaikin'ilay tsipika. Dia ametraha sarin'ny Mpamonjy eo amin'ny solaitrabe eo ambonin'ilay tsipika ary soraty ny teny hoe *Mpanalalana* eo ambanin'ilay sary.

- Inona no atao hoe Mpanalalana? (Olona iray izay manelanelana olona na andian'olona mba hamahana ireo tsy fitovian-kevitra ka hampiaraka azy ireo indray.)
- Ahoana no mahatonga an'i Jesoa Kristy ho Mpanalalana antsika amin'ny Ray any An-danitra? (Amin'ny alalan'ny sorompanavotany, ny Mpamonjy dia manolotra fomba iray ho an'ny olona rehetra mba handresena ireo voka-dratsin'ny Fahalavoana, hibebahana amin'ireo fahotany, hihavanana amin'ny Ray any An-danitra, ary handraisana ireo fitahiana avy amin'ny famonjena. Izany no antony iray hivavahantsika amin'ny Ray amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.)

Ampisehoy ny fomba nanoloran'ny Mpamonjy fomba iray mba hihavanantsika amin'ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny fanaovana sarina tsipika iray avy eo amin'ilay sary maneho antsika mankeo amin'ilay sary maneho ny fanatrehan'ny Ray any an-danitra.



- Ankoatra ny vavaka dia inona koa no zavatra asaina ataontsika amin'ny anaran'i Jesoa Kristy? (Ataovy lisitra eo amin'ny solaitrabe ny valintenin'ireo mpianatra.)

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka izao: **Ny vavaka sy ny tsodrano ary ny ôrdônansin'ny fisoronana rehetra dia tokony hatao amin'ny anaran'i Jesoa Kristy satria i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika sy Mpanalalana antsika amin'ny Ray.** Asao ireo mpianatra mba hanisy marika io fehezan-teny io ao amin'ny fizarana mitondra ny lohateny hoe "Jesoa Kristy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 1, "Ny Andriamanitra," ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* ary hanoratra izany ao amin'ny soratra masin'izy ireo eo akaikin'ny 3 Nefia 18:15, 20–21.

## Fizarana 8 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka izao: *Ny vavaka sy ny tsodrano ary ny ôrdônansin'ny fisoronana rehetra dia tokony hatao amin'ny anaran'i Jesoa Kristy satria i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika sy Mpanalalana antsika amin'ny Ray.* Asaivo jeren'ny mpianatra ilay andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay manohana io fotopampianarana io (3 Nefia 18:15, 20–21). Asao ny mpianatra izay mahita voalohany ilay andalan-tsoratra masina mba hanomboka hamaky mafy izany, ary asao ireo mpianatra hafa mba hiaraka hamaky mafy izany rehefa hitan'izy ireo izany.

Hazavao fa ny fampiasana ny anaran'i Jesoa Kristy ao anatin'ny vavaka sy ny tsodrano ary ny ôrdônansin'ny fisoronana dia miantso ny fahefana sy ny heriny masina (jereo ny Abrahama 1:18).

Zarazarao ho vondrona ahitana olona roa na telo ny mpianatra. Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto andalan-tsoratra masina manaraka ireto, ary omeo andalan-tsoratra masina iray na maromaro ny vondrona tsirairay: *Asan'ny Apostoly 2:37–38; Asan'ny Apostoly 3:2–8; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:66–70; Mosesy 1:21–22.*

Asao ireo mpianatra hamaky ny andalan-tsoratra masina nomena azy ireo ao amin'ny vondrona misy azy ireo, ary hitady ny sasany amin'ireo vokatry ny vavaka sy tsodrano ary ny ôrdônansin'ny fisoronana natao tamin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Rehefa ampy ny fotoana nanaovana izany, dia mangataha mpikambana iray isaky ny vondrona mba hanao tatitra ny zavatra hitany.

Asao ireo mpianatra mba hisaintsaina hoe ahoana no fomba nitahiana ny fiainan'izy ireo tamin'ny alalan'ny vavaka sy ny tsodranon'ny fisoronana ary ireo ôrdônansin'ny fisoronana notanterahina tamin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Asao ny mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra niainany amin'ny iray kilasy.

## Fampiharana (15 minitra)

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny fizarana hoe Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Avereno jerena ireo fitsipika telo: "Manao asa amim-pinoana," "Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay," ary "Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra."

Asehoy na soraty eo amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

*Inona no nataon'ny rahavavin'ilay vehivavy mba hanampiana azy hanao asa amim-pinoana?*

*Inona no nataon'ny rahavavin'ilay vehivavy mba hanampiana azy hamakafaka ny toe-javatra niainany tamin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?*

*Inona no nataon'ny rahavavin'ilay vehivavy mba hanampiana azy hikatsaka fahatakarana amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra?*

Zarao ho tsiroaroa ny mpianatra ary omeo ilay taratasy zaraina ahitana resaka nifanaovana an-tsoratra teo amin'ny mpirahavavy any amin'ny faran'ity traikefa amin'ny fianarana ity ny vondron'olon-droatsirairay. Angataho izy ireo mba hamaky ilay tantara noforonina sy hifanakalo hevitra momba ireo fanontaniana voasoratra eny amin'ny solaitrabe.

Rehefa avy nifanakalo hevitra mikasika ny valinteniny ny tsiroaroa, dia asao ny vitsivitsy amin'izy ireo mba hanazava ny valinteniny amin'ny iray kilasy. Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao fa tia tanteraka ny zanany tsirairay ny Ray any An-danitra ary mitovy avokoa ny rehetra ao Aminy. Asao ny mpianatra mba hiezaka hijery ny hafa amin'ny fomba hijeren' Andriamanitra azy ireo.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Izao asa atao manaraka izao dia afaka manampy ny mpianatra hamerina ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana rehetra nianaran'izy ireo nandritra ny seminera fandalinana ny Bokin'i Môrmôna.

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay efa nohalalininareo. Omeo 5 ka hatramin'ny 7 minitra ny mpianatra hanomanana vatsim-panahy fohy izay azon'izy ireo zaraina amin'ny iray kilasy ka hampiasa iray amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ireo. Asaivo manao izao manaraka izao izy ireo rehefa mizara ny vatsim-panahiny:

1. Mamaky ilay fifehezana fotopampianarana nosafidian'izy ireo.
2. Manazava ny fomba hampianaran'ilay soratra masina na hanohanany fehezan-teny milaza fotopampianarana iray ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*
3. Manazava ny dikan'ilay fotopampianarana amin'izy ireo.
4. Mizara ny antony hieritreretan'izy ireo fa manan-danja ny hahatakaran'ny tanora izany fotopampianarana izany.
5. Mizara ny finoany na ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba izany fotopampianarana izany.

Mandritra ny herinandro ho avy dia asao ny mpianatra vitsivitsy mba hizara ny vatsim-panahin'izy ireo amin'ny iray kilasy mandritra ny fotoam-pivavahana fohy na any amin'ny fiandohana na fiafaran'ny kilasy, raha ampy ny fotoana.

# Fifampiresahana amin'ny alalan'ny fandefasana hafatra

Toa nalahelo izany ianao teo! Ao tsara ve ianao?

Tsy dia ao tsara e!

Nahoana?

Raha teo am-piarahana nisakafo antoandro tamin'ny namako aho dia nisy ankizivavy vitsivitsy nandalo. Nanesoeso azy ireo ny iray tamin'ireo namako ary tena feno haratsiam-panahy satria hafa ny bika aman'endrik'izy ireo sy ny fomba fitafin'izy ireo. Nirotsaka nanao izany koa ireo namako hafa. Mety tsy dia maninona loatra izany e? Mba nivazivazy fotsiny izy ireo.

Nanorisory anao ve izany?

Eny!! Tena tsy nahazo aina aho. 🙁

Fantatrao ve ireo ankizivavy ireo?

Tsy tena fantatro . . . Fa ohatra ny tsy mitovy amin'ny hafa fotsiny izy ireo.

Niresaka zavatra nitovy tamin'izany izahay nandritra ny seminera androany. Indraindray dia mora ny mieritreritra fa tsara kokoa noho ny hafa isika satria tsy mitovy amin'ny antsika fotsiny ny bika aman'endriny sy ny fihetsiny.

Izay mihitsy no nitranga tamin'ny fotoam-pisakafoanana antoandro teo!!

Namaky ny soratra masina 2 Ne 26:33 izahay. Milaza izany fa mitovy ny rehetra ho an'Andriamanitra. Tiany ny olona rehetra ary manan-danja Aminy daholo isika rehetra. Noho izany dia mihevitra aho fa tokony hiezaka ny hijery ny olona tahaka ny fomba hijereny azy ireo isika.

Marina izany. Mihevitra aho fa ny fahatsiarovana izany dia afaka manova ny fomba fijeriko sy ny fandraisako ny hafa indraindray.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY | SEMINERA

© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED.

Ie! Afaka manova ny ahy koa izany. Nizara ity teny tiako izay nambaran'ny Filoha Uchtdorf ity koa ny mpampianatra ahy: "Andriamanitra tsy mijery ny endrika ivelany. . . . Na dia tsy tanteraka aza isika dia tia antsika amin'ny fitiavana feno tanteraka Andriamanitra. Na dia tsy lavorary aza isika dia tiany amin'ny fomba lavorary."

Tena tsara izany teny nambarany izany! Ny olana dia hoe tsy izay namako rehetra akory dia mino ny zavatra ataontsika ary tsy fantatro tsara izay tokony hatao isaky ny mitranga izany.

Ie! Isaky ny mitranga amiko izany dia mieritreritra fotsiny ny Mpamonjy aho sy ny zavatra ho nataony ao anatin'ireo toe-javatra ireo.

Mety ho nilaza zavatra tamin'ireo namako Izy na nampianatra azy ireo momba ilay Samaritana tsara fanahy na zavatra mitovitovy amin'izany. Mety tokony niteny zavatra ihany aho saingy tena sarotra izany! Matahotra izay ho avalin'ireo namako aho.

Tsy mora ny maneho ny hevitra ijoroan'ny tena. Inona no afaka manampy araka ny eritreritrao?

Mihevitra aho fa mila mahatsiaro ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy satria nanana herimpo lehibe Izy ary tena tsara fanahy na tamin'ireo olona izay nolavin'ny hafa aza. Mety afaka mivavaka koa aho. Manampy foana ny vavaka.

Tena hevitra tsara izany.

Misaotra tamin'ny fanampianao!

Izay no maha-mpirahavavy e! 🙂



© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED.

# Ny Drafitry ny famonjena

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny fotopampianarana (50 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eo amin'ny solaitrabe ny lohateny hoe *Drafitry ny famonjena* . Asao ho eny amin'ny solaitrabe ny mpianatra ary hanoratra ny zavatra tsapan'izy ireo fa singa manan-danja indrindra ao amin'ny drafitry ny famonjena.

Asao ny mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny telo voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2: "Ny Drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny rehetra ary hitady ireo singa fanampiny ao amin'ny drafitry ny famonjena. Rehefa voavaky ny andiam-pehezan-teny tsirairay, dia asao ny mpianatra hanao tatitra ny zavatra hitan'izy ireo. Ampidiro eo amin'ilay lisitra eo amin'ny solaitrabe ny valintenin'izy ireo.

Asao ny mpianatra hanisy marika ireto fehezan-teny milaza fotopampianarana ao amin'ny andiam-pehezan-teny faharoa ireto: **Ny safidim-pitondrantena: ny fahafahana misafidy sy manao asa amin'ny alalan'ny tena manokana, dia manan-danja ihany koa ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra. Miankina amin'ny fomba hampiasantsika izany fanomezam-pahasoavana izany ny fivoarantsika mandrakizay.**

- Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna manohana io fanambarana fotopampianarana io? (Asao ireo mpianatra hanisy marika ny 2 Nefia 2:27 amin'ny fomba miavaka ao anatin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitry ny 2 Nefia 2:27, dia hazavao fa io andalan-tsoratra masina io dia ahitana ireo fahamarinana nampianarin'i Lehia an'ireo zanany lahy taloha kelin'ny fahafatesany. Asao ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny 2 Nefia 2:27 . Angataho ny mpianatra mba hanaraka ny vakiteny ary hitady ireo teny na andian-teny izay maneho fa miantraika amin'ny fivoarantsika mandrakizay ny fampiasantsika ny safidim-pitondrantenantsika.

- Inona ireo teny na andian-teny ao amin'ny 2 Nefia 2:27 izay mamariparitra ny fomba fiantraikan'ny fahafahantsika misafidy amin'ny fivoarantsika mandrakizay? (Tokony hilaza izao andian-teny manaraka izao ny mpianatra: "Afaka izy na hifidy ny fahafahana sy ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'Ilay Mpanalalana lehiben'ny olon-drehetra na hifidy ny fahababoana sy ny fahafatesana araka ny fahababoana sy ny fahefan'ny devoly.")
- Iza "Ilay Mpanalalana lehiben' ny olon-drehetra"? (Jesoa Kristy.)
- Manome fahalalahana na fahafahana antsika amin'ny fomba ahoana ny fisafidianana hanaraka an'i Jesoa Kristy?

- Nahoana no mitarika amin'ny fahababoana sy fahafatesana ny fisafidianana ny hanaiky ireo fakam-panahin'i Satana? Afaka mitarika amin'ny fiankinan-doha, tsy fahasalamana, fahafatesan'ny vatana ary fahafatesana ara-panahy ireo safidy ratsy. Ny fahafatesana ara-panahy dia midika hoe voaisotra hiala eo anatrehan' Andriamanitra sy tsy manana ny Fanahiny ho namana.)


### Fizarana 2 (10 minitra)

Miaraha mamaky mafy ny 2 Nefia 2:27 . Asao ny mpianatra mba hilaza ilay fotopampianarana izay ianarantsika momba ny fahafahana misafidy avy amin'io andininy io. Tokony hotsaroan'ny mpianatra fa ny fivoarantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fahafahana misafidy ananantsika: ny fahafahana misafidy sy manao asa amin'ny alalan'ny tena manokana, izay nomen' Andriamanitra antsika.

Hamafiso fa ny olona sasany dia mety hitsikera antsika noho ny fisafidianana hampiasa ny fahafahana misafidy ananantsika mba hanaovana ny sitrapon' Andriamanitra sy hitandremana ireo didiny, ka milaza fa izany dia mametra antsika sy mahatonga antsika hanary ny maha-izy antsika tsirairay.

- Inona no holazainao ho setrin'izany karazana tsikera izany?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy izao teny manaraka izao, izay nolazain'ny Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra rehetra hihaino ny fomba ahafahantsika manatratra ilay tena maha-izy azy antsika amin'ny alalan'ny fampiasantsika amim-pahamarinana ny fahafahana misafidy ananantsika.



"Ny fampiasana ny fahafahantsika misafidy mba hisafidianana ny sitrapon' Andriamanitra, ka tsy hihena na dia mihasarotra aza izany, dia tsy hahatonga antsika ho saribakolin' Andriamanitra; hahatonga antsika ho tahaka Azy izany. Nomen' Andriamanitra fahafahana misafidy isika, ary nasehon'i Jesoa antsika ny fomba hampiasana izany ka ho afaka hianatra ny zavatra hain'izy ireo sy hanao ny zavatra ataon'izy ireo ary ho tonga tahaka Azy ireo isika any aoriana any" (D. Todd Christofferson, "Moral Agency," *Ensign,* jona 2009, 53).

- Rehefa mampiasa ny fahafahantsika misafidy mba hisadifianana ny sitrapon' Andriamanitra isika dia ahoana no hanampian'izany antsika hahatratra ilay tena maha-izy antsika?

Asao ireo mpianatra mba handalina sy hanoratra ao anatin'ny kahieny na ny diary fandalinany soratra masina ny zavatra izay hataony mba hampiasany amin'ny fomba tsaratsara kokoa ny fahafahany misafidy mba hisafidianana ny sitrapon' Andriamanitra. Asao izy ireo mba hikatsaka fitarihana avy amin'ny Fanahy rehefa mandalina sy manoratra ary manao zavatra araka ireo fitaomam-panahy rehetra azony.

### Fizarana 3 (10 minitra)

Mba hanampiana ny mpianatra hanohy handalina ny lohahevitra ara-potopampianarana 2 hoe "Ny drafitry ny famonjena" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia asao izy ireo mba

hanao izao kilalao marina-sa-diso manaraka izao. Omeo tahadikan'ilay taratasy zaraina misy ilay kilalao ny mpianatra tsirairay.

## Ny Drafitry ny famonjena

Marina sa diso?

_____ 1. Ny Mpamonjy sy ny olona nofinidy vitsivitsy ihany no nandray anjara tamin'ny Filankevitra tany an-danitra talohan'ny nahatongavantsika teto an-tany.

_____ 2. Hiaina ny fiainana an-tany avokoa ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra.

_____ 3. Ny olombelona rehetra, ny lahy sy ny vavy, dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra.

_____ 4. Nataon' Andriamanitra mariazy tao amin'ny Saha Edena i Adama sy i Eva.

_____ 5. Ny fahafatesana ara-panahy dia ny fisarahan'ny fanahy amin'ny vatana mety maty.

_____ 6. Vokatry ny Fahalavoana dia afaka nanan-janaka i Adama sy i Eva, ary niaina fifaliana sy fahoriana, afaka nahafantatra ny tsara sy ny ratsy, ary afaka nivoatra izy ireo sy ny taranany.

Rehefa ampy ny fotoana niasana dia zarao ho tsiroaroa na vondrona kely ny mpianatra ary asao izy ireo mba hijery ny valintenin'izy ireo amin'ny alalan'ny fiarahana mamaky ireo andiam-pehezan-teny eo ambanin'ireo fizarana "Ny fiainana talohan'ny nahaterahana," "Ny fahariana," ary "Ny fahalavoana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2, "Ny drafitry ny famonjena" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

Rehefa avy nampitaha ny valintenin'izy ireo ny mpianatra dia iaraho jerena amin'ny iray kilasy ny valin'ireo fanontaniana. Ny valiny marina dia: 1. Diso; 2. Diso; 3. Marina; 4. Marina; 5. Diso; 6. Marina.

Rehefa miresaka momba ny fanontaniana 6 ianareo dia asao ny mpianatra mba hanisy marika ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana ao amin'ny andiam-pehezan-teny farany ao amin'ny fizarana "Ny fahalavoana": **Vokatry ny fahalavoana dia afaka nanan-janaka i Adama sy i Eva. Afaka nahatsapa fifaliana sy fahoriana izy ireo sy ny taranany, afaka nahafantatra ny tsara sy ny ratsy ary afaka nivoatra.**

### Fizarana 4 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Vokatry ny fahalavoana dia afaka nanan-janaka i Adama sy i Eva. Afaka nahatsapa fifaliana sy fahoriana izy ireo sy ny taranany, afaka nahafantatra ny tsara sy ny ratsy ary afaka nivoatra.*


Asaivo mijery ny fizarana "Ny fahalavoana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2, "Ny drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ny mpianatra dia manontania hoe:

- Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana manohana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana ireo? (Asao ny mpianatra hanisy marika ny 2 Nefia 2:22–25 amin'ny fomba miavaka.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 2 Nefia 2:22–25 Angataho ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hitady teny na andian-teny izay manohana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana eny amin'ny solaitrabe.

- Inona ireo teny na andian-teny ao amin'ireo andininy ireo izay manohana ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana eny amin'ny solaitrabe?

Hazavao fa ny olona sasany dia mino fa fahadisoana lehibe ny fahalavoan'i Adama sy i Eva. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Asao ny iray kilasy hihaino ny fomba namariparitan'ny Loholona Oaks ny fanapahan-kevitr'i Adama sy i Eva mba hihinana ilay voankazo voarara.



"I Eva no nandika voalohany ireo fetra tao Edena mba hanombohana ny toetry ny fiainana eto ambonin'ny tany. Ny zavatra nataony, na inona na inona endrik'izany, dia tena fandikan-dalàna saingy zavatra nilaina tena manan-danja mandrakizay mba hanokafana ny varavarana mankany amin'ny fiainana mandrakizay. Nampiseho ny fahendreny i Adama tamin'ny fanaovana torak'izany. Noho izany dia -Lavo i Adama [sy i Eva] mba hisian' ny olona- [2 Nefia 2:25].

"Ny Kristianina sasany dia manameloka an'i Eva tamin'ny zavatra nataony, ka maneho fehin-kevitra fa izy sy ireo zanany vavy dia malemy noho izany. Tsy manao izany ny Olomasin'ny Andro Farany! Raha nahazo fahalalana tamin'ny alalan'ny fanambarana isika, dia mankalaza ny zavatra nataon'i Eva ary midera ny fahendreny sy ny risi-pony tao anatin'ilay fotoan-dehibe antsoina hoe Fahalavoana isika. … Niteny ny Loholona Joseph Fielding Smith hoe: -Tsy miresaka ny anjara andraikitr'i Eva tao anatin'ity fahalavoana ity ho fahotana velively aho, na koa miampanga fa nanota i Adama. … Izany dia fandikana ilay lalàna fa tsy fahotana … satria zavatra tsy maintsy nataon'i Adama sy i Eva izany!- (Joseph Fielding Smith, *Doctrines of Salvation,* natambatr'i Bruce R. McConkie, boky 3, Salt Lake City: Bookcraft, 1954–56, 1:114–15)" (Dallin H. Oaks, "The Great Plan of Happiness," *Ensign,* nôv. 1993, 73).

- Ahoana no namariparitan'ny Loholona Oaks ny fanapahan-kevitr'i Adama sy i Eva mba hihinana amin'ilay voankazo voarara?
- Ahoana no hanazavanareo amin'ny teninareo manokana ny antony maha-ampahany manan-danja ny fahalavoan'i Adama sy i Eva ao anatin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any an-danitra?

### Fizarana 5 (10 minitra)

Asaivo alain'ny mpianatra sary an-tsaina fa nasaina hanao lahateny mandritra ny fandevenana iray izy ireo, ary hisy olona zara raha mahalala momba ireo fampianaran'ny Fiangonana hanatrika ilay fandevenana. Asao ny mpianatra hamaky ireo fizarana "Fiainana an-tany" sy "Fiainana aorian'ny fahafatesana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2, "Ny drafitry ny famonjena," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Amporisiho izy ireo hitady ireo fahamarinana izay tsapany fa manan-danja ka tokony hampidirina ao amin'ny lahatenin'izy ireo. Asao izy ireo mba hanisy marika ny zavatra hitany.

Asao ny mpianatra mba hanatona mpifanolobodirindrina iray ary hanazava ireo fahamarinana nasian'izy ireo marika sy ny antony hahatsapan'izy ireo fa manan-danja ny hizarana izany amin'ny fandevenana.

Hamaranana ity asa atao ity dia apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Nahoana ny fahatakaranareo ny drafitry ny famonjena no lasa fitahiana ho anareo rehefa nodimandry ny olon-tianareo iray?

## Fampiharana (30 minitra)

Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra ireo fitsipika telo ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* manao asa amim-pinoana, mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Zarao ho vondrona ahitana mpianatra roa na telo ireo mpianatra. Omeo ny tahadikan'ity torolalana manaraka ity ny vondrona tsirairay avy, ary asao izy ireo hamita ilay asa atao:

1. Vakio mafy ity toe-javatra iray noforonina ity ary eritrereto raha efa niatrika ireo toe-javatra mitovy amin'ny an'io zatovolahy io ianareo:
   Tamin'ny fotoam-pisakafoana antoandro tamin'ny zoma lasa teo dia niara-nisakafo tamin'ny andiana mpinamana i John, ary nanontany azy ny iray tamin'izy ireo raha toa ka handeha amin'ilay fety ny alin'io izy. Nandre momba io fety io i John nandritra ny herinandro maninjitra ary fantany tsara fa tsy karazana fety tokony halehany izany. Namaly i John hoe: "Tsia, tsy natao ho ahy io fety io. Ankoatra izany dia misy zavatra hafa tiako hovitaina." Nilaza ny iray tamin'ireo ankizivavy teo an-databatra hoe: "John a! misy idiran'ny fivavahanao ve izany? Naheno aho fa tsy afaka mifalifaly ny Môrmôna. Fa maninona ny fiangonanareo no misy lalàna marobe?" Nanampy azy ny ankizilahy iray hafa teo an-databatra: "Ie, nahoana izy ireo no tsy mamela anao hanao ny safidinao manokana?" Raha sahirana nitady fomba hamaliana ny namany i John dia naneno ny lakolosy hidirana mianatra ka nitsangana handeha ny rehetra. Teny an-dalana hamonjy ny kilasy, dia namerimberina tao an-tsainy ny resaka nifanaovana i John. Fantany fa tsy mety aminy ilay fety tokony handehanany, kanefa nahagaga azy fa sahirana izy nanazava ny antony ary tsy azony antoka ny fomba hamaliany ireo fanontanian'ny namany.
2. Ifanakalozy hevitra miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto:
   - Inona no asa nataon'i John tamim-pinoana hatreto ato amin'ity toe-javatra noforonina ity?
   - Na dia fantatry ny olona aza ny zavatra tsara tokony hatao dia manakana azy ireo tsy hanao asa amim-pinoana ny tahotra indraindray. Inona ireo tahotra na ahiahy mety hanomboka hitaona an'i John vokatry ny zavatra niainany tamin'ny fotoam-pisakafoana antoandro?
   - Inona no afaka manampy an'i John hiatrika ireo tahotra na ahiahy ireo ka hijanona ho mahatoky amin'ny fanapahan-keviny tsy hanatrika ilay fety izy?
3. Tohizo ny famakiana mafy ilay toe-javatra noforonina:
   Nanohy nieritreritra momba ireo fanontaniana napetraky ny namany nandritra ny fotoam-pisakafoana antoandro i John: "Fa maninona ny fiangonanareo no misy lalàna marobe?" sy "nahoana izy ireo no tsy mamela anao hanao ny safidinao manokana?" Rehefa nieritreritra momba ireo fanontaniana ireo i John dia mazava fa nandray ireo fitsipika sy didy ao amin'ny Fiangonana tamin'ny fomba tsy mitovy tamin'ny mety ho fandraisan'ny namany tany an-tsekoly an'izany izy.
4. Ifanakalozy hevitra miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Araka ireo fanontaniana napetrak'ireo naman'i Jaona dia zavatra inoana na petrakevitra inona no mety ho nananan'izy ireo momba ireo didy sy ireo safidy?
- Inona no ianarantsika ao amin'ny 2 Nefia 2:27 izay afaka manampy antsika hijery ireo didy sy ireo safidy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?
- Inona ihany koa no fantatrareo momba ny drafitry ny famonjena sy ireo fampianaran'i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny izay manampy anareo hijery ireo didy sy ireo safidy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?

5. Tohizo ny famakiana mafy ilay toe-javatra noforonina:
   Raha nieritreritra bebe kokoa momba izany i John dia takany fa raha toa ka hisafidy ny handeha any amin'ilay fety izy dia mety hiaina voka-javatra izay tsy tiany hiainana: toy ny fahaverezan'ny fananana ny Fanahy Masina ho namana. Nanapa-kevitra ny hilalao basketball hiaraka amin'ny zandriny lahy i John fa tsy handeha any amin'ilay fety. Taorian'izany, rehefa nandohalika nivavaka i John dia nahatsapa ny Fanahy izay nanamafy taminy fa nanao safidy tsara izy.

Rehefa ampy ny fotoana nomena hanaovana izany dia asao ny mpianatra maromaro hanao tatitra ny zavatra noresahan'izy ireo sy nianaran'izy ireo tamin'ity asa natao ity.

Azonao atao ny mamarana amin'ny fijoroana ho vavolombelona fa rehefa mampiasa ny fahafahana misafidy ananantsika mba hisafidianana ny hanaraka an'i Jesoa Kristy isika dia afaka hivoatra ara-panahy sy hankamamy ireo fitahiana nampanantenainy ho an'ny mahatoky.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Omeo namana iray hiarahana miasa ny mpianatra, ary asao izy ireo mba hampiasa ny *Torolalana ahitana andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana* izay azy ireo mba handalinana sy hamerenana ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana nohalalinin'izy ireo hatreto mbamin'ireo teny fototra miaraka amin'izany. Rehefa ampy ny fotoana nomena hanaovana izany dia afaka mifampanontany ny mpianatra amin'ny filazana ilay andalan-tsoratra masina aloha dia hanao tsianjery ireo teny fototra ho an'izany andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izany avy eo ny namany. Rehefa samy nanana fahafahana hanontaniana ireo teny fototra ny mpianatra roa dia asaivo mifampanontany indray izy ireo ka ny mpianatra iray dia hilaza ireo teny fototra ahitana raha toa ka afaka mahita ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana marina ilay mpianatra iray hafa. Ampio ny mpianatra hahatakatra fa ny fahafantarana ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana dia afaka manampy azy ireo rehefa mampianatra ny filazantsara amin'ny hafa izy ireo ary hahita ireo valim-panontaniana.

Ny azo anoloana ity asa atao ity, raha toa ka manana fitaovana elektrônika ny mpianatra, dia omeo fotoana hisintonana ny application ôfisialy Fifehezana fotopampianarana ho an'ny seminera ny mpianatra. Ny application Fifehezana fotopampianarana ho an'ny seminera dia maimaim-poana ary azo alaina amin'ny fitaovana Apple sy Android amin'ny alalan'ny fitadiavana ny "LDS Doctrinal Mastery" ao amin'ny App Store (fitaovana Apple) ary Google Play (fitaovana Android). Rehefa naka ilay application ny mpianatra dia omeo minitra vitsivitsy izy ireo hiasana amin'ireo karatra kely sy fanontaniana ao amin'ilay application.

# Ny Drafitry ny famonjena

Marina sa diso?

____ 1. Ny Mpamonjy sy ny olona nofinidy vitsivitsy ihany no nandray anjara tamin'ny Filankevitra tany an-danitra talohan'ny nahatongavantsika teto an-tany.

____ 2. Hiaina ny fiainana an-tany avokoa ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra.

____ 3. Ny olombelona rehetra, ny lahy sy ny vavy, dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra.

____ 4. Nataon' Andriamanitra mariazy tao amin'ny Saha Edena i Adama sy i Eva.

____ 5. Ny fahafatesana ara-panahy dia ny fisarahan'ny fanahy amin'ny vatana mety maty.

____ 6. Vokatry ny Fahalavoana dia afaka nanan-janaka i Adama sy i Eva, ary niaina fifaliana sy fahoriana, afaka nahafantatra ny tsara sy ny ratsy, ary afaka nivoatra izy ireo sy ny taranany.


# Ny Drafitry ny famonjena

Marina sa diso?

____ 1. Ny Mpamonjy sy ny olona nofinidy vitsivitsy ihany no nandray anjara tamin'ny Filankevitra tany an-danitra talohan'ny nahatongavantsika teto an-tany.

____ 2. Hiaina ny fiainana an-tany avokoa ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra.

____ 3. Ny olombelona rehetra, ny lahy sy ny vavy, dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra.

____ 4. Nataon' Andriamanitra mariazy tao amin'ny Saha Edena i Adama sy i Eva.

____ 5. Ny fahafatesana ara-panahy dia ny fisarahan'ny fanahy amin'ny vatana mety maty.

____ 6. Vokatry ny Fahalavoana dia afaka nanan-janaka i Adama sy i Eva, ary niaina fifaliana sy fahoriana, afaka nahafantatra ny tsara sy ny ratsy, ary afaka nivoatra izy ireo sy ny taranany.




© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Fampiharana

1. Vakio mafy ity toe-javatra iray noforonina ity ary eritrereto raha efa niatrika ireo toe-javatra mitovy amin'ny an'io zatovolahy io ianareo:

   Tamin'ny fotoam-pisakafoana antoandro tamin'ny zoma lasa teo dia niara-nisakafo tamin'ny andiana mpinamana i John, ary nanontany azy ny iray tamin'izy ireo raha toa ka handeha amin'ilay fety ny alin'io izy. Nandre momba io fety io i John nandritra ny herinandro maninjitra ary fantany tsara fa tsy karazana fety tokony halehany izany. Namaly i John hoe: "Tsia, tsy natao ho ahy io fety io. Ankoatra izany dia misy zavatra hafa tiako hovitaina."

   Nilaza ny iray tamin'ireo ankizivavy teo an-databatra hoe: "John a! misy idiran'ny fivavahanao ve izany? Naheno aho fa tsy afaka mifalifaly ny Môrmôna. Fa maninona ny fiangonanareo no misy lalàna marobe?" Nanampy azy ny ankizilahy iray hafa teo an-databatra: "Ie, nahoana izy ireo no tsy mamela anao hanao ny safidinao manokana?"

   Raha sahirana nitady fomba hamaliana ny namany i John dia naneno ny lakolosy hidirana mianatra ka nitsangana handeha ny rehetra. Teny an-dalana hamonjy ny kilasy, dia namerimberina tao an-tsainy ny resaka nifanaovana i John. Fantany fa tsy mety aminy ilay fety tokony handehanany, kanefa nahagaga azy fa sahirana izy nanazava ny antony ary tsy azony antoka ny fomba hamaliany ireo fanontanian'ny namany.

2. Ifanakalozy hevitra miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto:

   - Inona no asa nataon'i John tamim-pinoana hatreto ato amin'ity toe-javatra noforonina ity?
   - Na dia fantatry ny olona aza ny zavatra tsara tokony hatao dia manakana azy ireo tsy hanao asa amim-pinoana ny tahotra indraindray. Inona ireo tahotra na ahiahy mety hanomboka hitaona an'i John vokatry ny zavatra niainany tamin'ny fotoam-pisakafoana antoandro?
   - Inona no afaka manampy an'i John hiatrika ireo tahotra na ahiahy ireo ka hijanona ho mahatoky amin'ny fanapahan-keviny tsy hanatrika ilay fety izy?

3. Tohizo ny famakiana mafy ilay toe-javatra noforonina:

   Nanohy nieritreritra momba ireo fanontaniana napetraky ny namany nandritra ny fotoam-pisakafoana antoandro i John: "Fa maninona ny fiangonanareo no misy lalàna marobe?" sy "nahoana izy ireo no tsy mamela anao hanao ny safidinao manokana?" Rehefa nieritreritra momba ireo fanontaniana ireo i John dia mazava fa nandray ireo fitsipika sy didy ao amin'ny Fiangonana tamin'ny fomba tsy mitovy tamin'ny mety ho fandraisan'ny namany tany an-tsekoly an'izany izy.

4. Ifanakalozy hevitra miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto:

   - Araka ireo fanontaniana napetrak'ireo naman'i Jaona dia zavatra inoana na petrakevitra inona no mety ho nananan'izy ireo momba ireo didy sy ireo safidy?
   - Inona no ianarantsika ao amin'ny 2 Nefia 2:27 izay afaka manampy antsika hijery ireo didy sy ireo safidy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?
   - Inona ihany koa no fantatrareo momba ny drafitry ny famonjena sy ireo fampianaran'i Jesoa Kristy sy ireo mpaminaniny izay manampy anareo hijery ireo didy sy ireo safidy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay?

5. Tohizo ny famakiana mafy ilay toe-javatra noforonina:

   Raha nieritreritra bebe kokoa momba izany i John dia takany fa raha toa ka hisafidy ny handeha any amin'ilay fety izy dia mety hiaina voka-javatra izay tsy tiany hiainana: toy ny fahaverezan'ny fananana ny Fanahy Masina ho namana. Nanapa-kevitra ny hilalao basketball hiaraka amin'ny zandriny lahy i John fa tsy handeha any amin'ilay fety. Taorian'izany, rehefa nandohalika nivavaka i John dia nahatsapa ny Fanahy izay nanamafy taminy fa nanao safidy tsara izy.



© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny fotopampianarana (100 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

- *Inona no atao hoe Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?*
- *Nahoana isika no mila ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?*

Asao ny mpianatra hiresaka fohifohy amin'ny namana iray ny valinteniny amin'ireo fanontaniana ireo. Rehefa ampy ny fotoana nomena azy ireo dia angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny voalohany ary ny mpianatra iray hafa hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny fahatelo. Angataho ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo fehezan-teny na andian-teny afaka hanampy azy ireo hahatakatra ny atao hoe Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny antony ilantsika izany. Azonao atao ny manasa ny mpianatra hanisy marika ny zavatra hitany.


- Inona no fehezan-teny hitanareo fa afaka manampy antsika hahatakatra ny atao hoe Sorompanavotan'i Jesoa Kristy? (Makà antoka fa hitan'ny mpianatra ity fehezan-teny milaza fotopampianarana ao amin'ny andiam-pehezan-teny voalohany ity: **Ny fandresen'i Jesoa Kristy ny fahafatesana ara-panahy sy ara-batana tamin'ny alalan'ny fijaliany sy ny fahafatesany ary ny Fitsanganany tamin'ny maty dia antsoina hoe ny Sorompanavotana.**)

Mba hanampiana ny mpianatra hahazo sary an-tsaina ny fijalian'ny Mpamonjy sy ny fahafatesany ary ny Fitsanganany tamin'ny maty dia asehoy ireto sary manaraka ireto: Mivavaka ao Getsemane i Jesoa (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* [2009], lah. 56; jereo koa ny LDS.org); Ny fanomboana (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* lah. 57; jereo koa ny LDS.org); Ny fandevenana an'i Jesoa (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* lah. 58; jereo koa ny LDS.org); ary ny I Maria sy ny Tompo efa Nitsangana tamin'ny maty (jereo ny LDS.org).

- Inona no fehezan-teny na andian-teny hitanareo tao amin'ireo andiam-pehezan-teny ireo ka afaka manampy antsika hahatakatra ny antony ilantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?

Asao hisaintsaina ny fitahiana azon'izy ireo noho ny fahavononan'i Jesoa Kristy sy ny fahafahany nanonitra ny fahotantsika ireo mpianatra.

### Fizarana 2 (10 minitra)



Manehoa sarin'ny Mpamonjy eo amin'ny solaitrabe (ohatra, Jesoa Kristy [*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* lah. 1; jereo koa ny LDS.org]), dia soraty eo akaiky na eo ambanin'izany ireto lohateny ireto: *Fitoviana* sy *Fahasamihafana.*

- Inona avy ireo zavatra sasantsasany itoviantsika amin'ny Mpamonjy? Inona avy ireo fahasamihafana? (Ataovy lisitra eny amin'ny solaitrabe eo ambanin'ny lohateny sahaza izany ny valintenin'ny mpianatra.)

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny faharoa. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hikaroka ireo andian-teny izay milaza ny zavatra tsy mampitovy ny Mpamonjy amin'ny zanaky ny Ray any An-danitra sisa rehetra.

- Araka izay novakintsika tao amin'io andiam-pehezan-teny io dia inona no tsy mampitovy an'i Jesoa Kristy amin'ny zanaky ny Ray any An-danitra sisa rehetra? (Ampio izay mety ho fahasamihafana vaovao voalaza ilay lisitry ny fahasamihafana eo amin'ny solaitrabe.)

Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery no ahafahana mamonjy antsika satria izy irery no hany afaka manatanteraka Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay ho an'ny olombelona rehetra.**

- Raha miainga avy amin'ny zavatra noresahantsika dia nahoana no i Jesoa Kristy no ilay hany afaka nanatanteraka Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay?

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona ananananao momba ny toetra maha-Andriamanitra ny Mpamonjy sy ny fomba hamelan'izany Azy hanao Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay ho antsika.

### Fizarana 3 (10 minitra)

Asehoy na soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny manaraka ity: *Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery no ahafahana mamonjy antsika satria izy irery no hany afaka*

*manatanteraka Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay ho an'ny olombelona rehetra.* Asao ny mpianatra hijery ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia anontanio hoe:

- Inona no andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana manohana ilay fotopampianarana eny amin'ny solaitrabe? (Almà 34:9–10. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka ao anatin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)


Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitry ny Almà 34:9–10 dia hazavao fa ireo andininy ireo dia tao anatin'ny toriteny iray nataon'i Amioleka tamin'ny vondron'olona antsoina hoe Zôramita rehefa nikatsaka ny hanampy azy ireo hino an'i Jesoa Kristy sy hibebaka izy sy i Almà.

Soraty eo amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto, na omano amin'ny taratasy zaraina izany:

- *Ahoana no hanohanan'ny Almà 34:9–10 ilay fotopampianarana eny amin'ny solaitrabe?*
- *Karazana sorona toy ny ahoana no nolazain'i Amioleka fa tsy ho ampy? Nahoana no tsy ampy ireo?*
- *Inona ireo teny mamaritra ny sorona hataon'i Jesoa Kristy ho antsika? (Asio marika ireo teny ireo ao anatin'ny soratra masinao.)*

Zarao ho tsiroaroa ireo mpianatra. Asao izy ireo hiara-hamaky miaraka amin'ny namany ny Almà 34:9–10 dia hiresaka ireo fanontaniana eny amin'ny solaitrabe (na ao amin'ilay taratasy nozaraina). Rehefa avy nomena fotoana ampy ny mpianatra dia asao izy ireo hilaza ny valinteniny ho an'ireo fanontaniana ireo.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra hihaino izay nolazainy momba ny maha-"tsy manam-petra" (Almà 34:10) ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.



"Tamin'ny andron'ny Testamenta Taloha, izay fotoana fiomanana, dia nanam-petra, izany hoe nisy fiafarany, ny fanaovana [sorona biby]. Tandindona naneho ilay Sorompanavotana farany an'i Jesoa Kristy izany. Tsy misy fetra—tsy manam-piafarana ny Sorompanavotany. Tsisy fetra koa izany mba hahafahan'ny olona rehetra ho voavonjy amin'ilay fahafatesana tsy manam-piafarana. Tsisy fetra izany raha ny fijaliany lehibe no resahina. … Tsisy fetra izany raha eo amin'ny halehibeny—notanterahana indray mandeha ho an'ny rehetra izany. Ary tsy hoe mipaka hatrany amin'ny olona maro tsy tambo isaina fotsiny ihany ny famindram-pon'ny Sorompanavotana fa mipaka ihany koa hatrany amin'ireo tontolo tsy tambo isaina izay nohariany. Izany dia tsisy fetra ary mihoatra izay mety ho mari-drefin'ny olombelona na ny fahatakaran'ny olombelona.

"I Jesoa Kristy no hany afaka nanolotra sorompanavotana tsy misy fetra toy izany satria nateraky ny reny mety maty sy ny Ray tsy mety maty Izy. Noho izany lova tsy manan-tsahala izany dia Olona tsy misy fetra i Jesoa" (Russell M. Nelson, "The Atonement," *Ensign,* nôv. 1996, 35).

Manasà mpianatra iray na maromaro hanazava amin'ny iray kilasy ny fomba ahazoan'ny olona iray mampiasa ny Almà 34:9–10 mba hanampiana olona hahatakatra ny antony maha-ilay hany afaka nanatanteraka ny Sorompanavotana an'i Jesoa Kristy.

### Fizarana 4 (10 minitra)




Asehoy eny amin'ny solaitrabe ireto sary manaraka ireto: Mivavaka ao Getsemane i Jesoa (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* lah. 56; jereo koa ny LDS.org) sy Ny Fanomboana (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* lah. 57; jereo koa ny LDS.org).

- Ankoatra ny fijaliany noho ny fahotantsika dia inona no niainan'i Jesoa Kristy tao anatin'ny Sorompanavotany? (Ataovy lisitra eo amin'ny solaitrabe ny valintenin'ny mpianatra.)

Asao ny mpianatra hamaky mangina ireo fehezan-teny roa voalohany ao amin'ny andiam-pehezan-teny fahefatra ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* mba hitady ny zavatra niainan'ny Mpamonjy nandritra ny Sorompanavotany.

- Raha miainga avy amin'ny zavatra hitanareo ao amin'ireo fehezan-teny ireo dia inona no niainan'i Jesoa Kristy tao anatin'ny Sorompanavotany?

Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Tao anatin'ny Sorompanavotany dia tsy nijaly noho ny fahotantsika fotsiny i Jesoa Kristy fa nitondra teo Aminy ihany koa ny fanaintainana, ny fakam-panahy, ny aretina, ary ny rofin'ny olon-drehetra.**



- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no manohana io fotopampianarana io? (Almà 7:11–13. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Almà 7:11–13. Angataho ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hitady teny na andian-teny izay milaza ny zavatra niainan'i Jesoa Kristy nandritra ny Sorompanavotany.

- Inona ireo teny na andian-teny hitanareo ka milaza ny zavatra niainan'i Jesoa Kristy nandritra ny Sorompanavotany?

Hazavao fa ireo teny sy andian-teny ireo dia mahafaoka ny karazana fanaintainana, fahasarotana, na olana rehetra izay mety hiainantsika mandritra ny fiainantsika.

- Nahoana no zava-dehibe ny mahafantatra fa mahatakatra tanteraka ny zavatra rehetra izay iainantsika eo amin'ny fiainana i Jesoa Kristy?

Hazavao fa ny Almà 7:12 dia mampianatra fa isan'ny antony nijalian'ny Mpamonjy ny mba hahafantarany "ny fomba hanampiana ny vahoakany arakaraka ny rofiny." Manasà mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny iray kilasy hihaino ny hevitry ny teny hoe *mamonjy:*



"*Mamonjy.* Fantatrareo ve ny hevitr'izany? Matetika izy io no ampiasaina ao amin'ny soratra masina mba hamaritana ny fikarakaran'i Kristy antsika sy ny firaharahiany antsika. Ny hevitr'izany ara-bakiteny dia hoe -mihazakazaka mankany-. Fomba iray tena kanto hamaritana ny asa maika ataon'ny Mpamonjy ho antsika izany. Na dia miantso antsika hanatona Azy sy hanaraka Azy aza Izy dia mihazakazaka tsy tapaka mba hanampy antsika Izy" (Jeffrey R. Holland, "Come unto Me" [Takariva amorom-patana tao Brigham Young University, 2 martsa 1997)], 9, speeches.byu.edu).

"Ny hoe mamonjy dia midika hoe -mihazakazaka mankany.- Mijoro ho vavolombelona aho fa tena azoko antoka fa nihazakazaka taty amiko ny Mpamonjy tao anatin'ny tahotro sy ny rofiko. Tsy ho haiko na oviana na oviana ny haneho fankasitrahana ampy ho Azy noho ny hatsaram-panahy manokana sy ny fiahiana feno fitiavana toy izany" (Jeffrey R. Holland, "He Hath Filled the Hungry with Good Things," *Ensign,* nôv. 1997, 66).

Asao ny mpianatra hieritreritra ny fotoana izay niainan'izy ireo ny fanampiana sy ny fikarakaran'ny Mpamonjy. Manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra

niainan'izy ireo amin'ny iray kilasy. Azonao atao koa ny mizara fohifohy ny zavatra niainana iray.

### Fizarana 5 (5 minitra)

Asao ny mpianatra hieritreritra fotoana iray izay nangatahana azy ireo na nanomezana andraikitra azy ireo hanao zavatra sarotra iray, kanefa tsy nahatsapa fa afaka nanao izany samirery izy ireo. Asao ny mpianatra iray na roa hizara ny zavatra niainany amin'ny iray kilasy.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny fahefatra ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny dia hitady fehezan-teny iray mamaritra ny fanampiana atolotr'i Jesoa Kristy antsika.

- Inona no fehezan-teny hitanareo fa mamaritra ny fanampiana atolotr'i Jesoa Kristy antsika? (Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery.**
- Oviana ianareo no nanatona ny Mpamonjy tamim-pinoana dia nahazo tanjaka hahazaka ny enta-mavesatrareo na hanatanteraka asa iray izay tsy vitanareo samirery?

### Fizarana 6 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny manaraka milaza fotopampianarana ity: *Rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery.* Angataho ny mpianatra hijery ny andiam-pehezan-teny fahefatra ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy"ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia anontanio hoe:

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no manohana io fehezan-teny milaza fotopampianarana io? (Etera 12:27. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitr'io andalan-tsoratra masina io dia hazavao fa ny mpaminany Môrônia ao amin'ny Etera 12:23–25 dia naneho ny ahiahiny fa tsy nahery vaika noho ny asasoratry ny rahalahin'i Jarèda ny asasorany sy ny asasoratr'ireo mpaminany hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ka hisy olona hanaraby ny fampianaran'izy ireo sy ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Etera 12:27. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ireo teny sy andian-teny izay milaza fa rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy sy hanampy antsika hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery.

- Inona avy ireo teny na andian-teny hitanareo izay milaza fa rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy sy hanampy antsika hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery? (Ny mpianatra dia mety hahita andian-teny toy ny hoe "ampy ho an' ny olon-drehetra ny fahasoavako mba hanetreny tena eo anoloako" sy hoe "ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy.")
- Inona no atao hoe *fahasoavana?* (Asao ny mpianatra hitady ny famaritana ny *fahasoavana* ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina mba hahazoana fanampiana amin'ny famaliana io fanontaniana io.)
- Araka ny hevitrareo, inona no dikan'ny hoe "ampy" ny fahasoavan'ny Mpamonjy? (Afaka manampy antsika hiaritra na handresy izay fahasarotana rehetra mety iainantsika Izy.)
- Inona avy ireo ohatra maneho ny fomba ahafahan'ny Mpamonjy manao ny zavatra malemy ho tonga matanjaka ho antsika?

Hazavao fa na dia nahatsapa aza i Môrônia fa nanana "fahaleme[na] amin'ny soratra" (Etera 12:23) izy sy ireo mpaminany hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ny sasany amin'ireo asasoratr'i Môrônia, tafiditra ao anatin'izany ny Etera 12:6, Etera 12:27, ary ny Môrônia 10:4–5, dia anisan'ireo andalan-tsoratra masina tononina matetika indrindra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ary efa nanampy olona an-tapitrisany hanakaiky bebe kokoa ny Mpamonjy sy ny Ray any An-danitra.

Asao ny mpianatra hisaintsaina ireo fomba izay mety ilan'izy ireo ny fahasoavan'ny Mpamonjy mba hampatanjaka azy ireo ka hahafahany mizaka ny enta-mavesany sy manatanteraka ireo asa izay tsy ho vitany samirery. Amporisiho izy ireo hanatona ny Mpamonjy amim-panetrentena sy amim-pinoana mba hahafahany mandray ny fanampiana ilainy.

## Fizarana 7 (5 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: *Inona no andraikitsika manokana mba handraisana ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy?*

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny fahadimy ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ny valin'ilay fanontaniana eo amin'ny solaitrabe. Asao mba hizara ny zavatra hitany ny mpianatra.

- Inona amin'ireo Fanekem-pinoana no manampy antsika ihany koa hahatakatra ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba handraisana ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy? (Asao ny mpianatra hampifandray ny Fanekem-pinoana 1:3 sy ny 1:4 amin'io andiam-pehezan-teny io.)

Azonao atao ny manasa mpianatra iray na mihoatra izany mba hijerena raha toa izy ireo ka afaka manao tsianjery ny fanekem-pinoana fahatelo sy fahefatra.

Mariho fa rehefa manohy mandalina ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" izy ireo dia hianatra momba ny finoana an'i Jesoa Kristy sy ny fibebahana. Ny batisa sy ny fandraisana ny fanomezana ny

Fanahy Masina dia hohalalinina kokoa ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 hoe "Ôrdônansy sy fanekempihavanana."

### Fizarana 8 (10 minitra)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Tsy ny -finoana- no fitsipika voalohan'ny filazantsara. Ny fitsipika voalohan'ny filazantsara dia ny -Finoana an'i Jesoa Kristy Tompo- (Fanekem-pinoana 1:4). …

"Tsy misy fotsiny amin'izao ny finoana. … Tsy maintsy hoe finoana zavatra iray na olona iray izany" (Dallin H. Oaks, "Faith in the Lord Jesus Christ," *Ensign,* Mey 1994, 98).

- Mety ho alaim-panahy hametraka ny finoany amin'ny inona ny olona amin'izao toy izay amin'i Jesoa Kristy?

Zarao ho tsiroaroa na ao anaty vondrona kely maromaro ny mpianatra dia asao izy ireo hamaky ao anatin'ny vondrona misy azy ireo andiam-pehezan-teny roa eo ambanin'ny lohateny hoe "Finoana an'i Jesoa Kristy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao izy ireo hitady sy hiresaka, ao anatin'ny vondrona misy azy, ireo teny na andian-teny izay afaka manampy antsika hahatakatra ny antony maha-manan-danja ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy.

- Teny na andian-teny inona ao amin'io andiam-pehezan-teny io no afaka manampy antsika hahatakatra ny antony maha-manan-danja ny fampiharana finoana an'i Jesoa Kristy? (Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Ny finoantsika dia tsy afaka mitondra antsika amin'ny famonjena raha tsy rehefa mifototra amin'i Jesoa Kristy ihany izany.**)
- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe mampifototra ny finoantsika amin'i Jesoa Kristy?

Asao ny mpianatra hamaky haingankaingana indray ireo andiam-pehezan-teny roa eo ambanin'ny lohateny hoe "Finoana an'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* ka amin'ity indray mitoraka ity dia hitady ireo teny na andian-teny izay afaka manampy antsika hahatakatra tsara kokoa ny fomba hampifotorana ny finoantsika amin'i Jesoa Kristy.

- Inona no teny na andian-teny hitanareo ka afaka manampy antsika hahatakatra tsara kokoa ny fomba hampifotorana ny finoantsika amin'i Jesoa Kristy? (Azonao atao ny manasa ireo mpianatra hanazava ny valinteniny.)

### Fizarana 9 (5 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Ny finoantsika dia tsy afaka mitondra antsika amin'ny famonjena raha tsy rehefa*

*mifototra amin'i Jesoa Kristy ihany izany.*) Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy"ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia anontanio hoe:

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona no manohana io fehezan-teny milaza fotopampianarana io? (Helamàna 5:12. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka.)

Asao ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny Helamàna 5:12 Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo teny na andian-teny izay manohana ilay fotopampianarana nosoratana eny amin'ny solaitrabe.

- Inona no teny na andian-teny hitanareo izay manohana ilay fotopampianarana hoe ny finoantsika dia tsy afaka mitondra antsika amin'ny famonjena raha tsy rehefa mifototra amin'i Jesoa Kristy ihany izany?
- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe "[manorina] ny fototrareo" eo amin'ny "vatolampin'ny Mpanavotra antsika"?
- Araka ny eritreritrareo dia entina ilazana inona ny hoe "rivo maheriny," ny "zana-tsipìkany ao amin'ny tadio," ary ny "havandrany … sy ny tafiotra maheriny" ao amin'io andininy io?
- Inona no fitahiana azonareo rehefa nikatsaka ny hampiorina ny fototrareo teo amin'ny vatolampin'i Jesoa Kristy Mpanavotra antsika ianareo?

## Fizarana 10 (5 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity teny nambara tsy feno ity izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. (Ity teny nambara ity dia hita ao amin'ny "The Peaceable Things of the Kingdom," *Ensign,* nôv. 1996, 83.)

> *"__________ … dia anisan'ny teny mitondra fanantenana sy mampahery indrindra—ary ekena fa mitondra fiadanana be indrindra—ao amin'ny voambolan'ny filazantsara" (Loholona Jeffrey R. Holland).*

Anontanio ny mpianatra ireo teny izay heverin'izy ireo fa tokony hameno ilay banga. Rehefa avy mamaly ny mpianatra dia fenoy amin'ny teny hoe *Ny fibebahana* ilay banga.

- Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny fibebahana mitondra fanantenana, mampahery, ary mitondra fiadanana?

Manasà mpianatra telo hifandimby hamaky mafy ireo andiam-pehezan-teny telo eo ambanin'ny lohateny hoe "Fibebahana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny dia hitady ny zavatra mitondra fanantenana sy mampahery ary mitondra fiadanana momba ny fotopampianaran'ny fibebahana.

- Raha miainga avy amin'izay novakintsika dia inona no afaka mitondra fanantenana sy mampahery ary mitondra fiadanana momba ny fibebahana?


Mijoroa ho vavolombelona ny amin'ny fiadanana sy ny fitahiana afaka ny ho azontsika tsirairay avy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy rehefa mibebaka amin'ny fahotantsika isika.

### Fizarana 11 (10 minitra)

Hazavao fa mba hahazoana ireo fitahiana avy amin'ny fibebahana dia mila mahatakatra ny atao hoe fibebahana isika. Asao ny mpianatra hamaky mangina ny andiam-pehezan-teny voalohany eo ambanin'ny lohateny hoe "Fibebahana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* mba hitadiavana ny famaritana ny *fibebahana.*

- Raha miainga avy amin'ny zavatra hitanareo dia inona no atao hoe fibebahana? (Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Fiovam-pisainana sy fiovam-po ny fibebahana. Tafiditra ao anatin'izany ny fialana amin'ny fahotana sy ny fampitodihana ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy.**)
- Inona avy ireo fiovana mety hitranga ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika rehefa mibebaka isika? (Mety hanova ny fomba fahitantsika ny tenantsika, sy Andriamanitra ary ny didy izay nodikaintsika isika. Ny fontsika dia afaka miova ka hahatonga antsika hanjary haniry ny hanakaiky kokoa an' Andriamanitra sy hanao ny tsara.)

Hazavao fa ny olona sasany dia mety hino fa mila mibebaka fotsiny isika rehefa manao fahotana lehibe, toy ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra hihaino hoe impiry isika no tokony hibebaka.



"Ahitana fahasamihafana maro eo amin'ny lafin'ny fahamendrehana sy ny fahamarinan'ny tena manokana. Kanefa fitahiana ho antsika rehetra ny fibebahana. Samy mila mahatsapa ny sandrin'ny famindram-pon'ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny famelana ny otantsika isika tsirairay avy. …

"Ny sasany … dia mety mila -fiova[m-po] mahery vaika- [Almà 5:12] mba hiatrehana ireo fahotana mamohehatra. Mety ilaina ny fanampian'ny mpitarika iray ao amin'ny fisoronana. Ho an'ny ankamaroany kosa, ny fibebahana dia zavatra atao mangina sy somary mitokana ihany ary fikatsahana isan'andro ny fanampian'ny Tompo mba hanaovana izay fanovana ilaina" (Neil L. Andersen, "Mibebaha … mba hahazoako manasitrana anareo," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2009, 40–41).

- Nahoana araka ny eritreritrareo no zava-dehibe ho antsika ny mibebaka isan'andro amin'ny alalan'ny fikatsahana ny fanampian'ny Tompo mba hanaovana izay fanovana ilaina?

### Fizarana 12 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Fiovam-pisainana sy fiovam-po ny fibebahana. Tafiditra ao anatin'izany ny fialana amin'ny fahotana sy ny fampitodihana ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy.* Asao ny mpianatra hijery ilay fizarana mitondra ny lohateny hoe Fibebahana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia anontanio hoe:

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona no manohana io fehezan-teny milaza fotopampianarana io? (Môsià 3:19. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 3:19. Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny dia hitady ny zavatra ampianarin'io andininy io momba ny fampitodihana ny eritreritsika, ny asantsika, ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy. Hazavao fa ilay andian-teny hoe "olona araka ny nofo" dia entina ilazana ny olona izay ao anatin'ny toetry ny fahaverezana na ny fahalavoana, tafasaraka amin' Andriamanitra, satria "mifidy ny hotarihin'ny firehetampo, ny faniriana, ny filana ary ny fahatsapan'ny nofo [toy] izay ny fitaoman'ny Fanahy Masina" izy (Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Olona araka ny nofo," scriptures.lds.org). Ny teny hoe *manaiky* dia midika hoe mitolo-batana na manoa.

- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny "manaiky ny fitaoman'ny Fanahy Masina"? (Manaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina mba hankatò ny didy sy hibebaka amin'ny fahotantsika.)
- Araka ny Môsià 3:19 dia mitarika antsika hanao inona sy ho lasa inona ny fanekena ny fitaoman'ny Fanahy Masina?
- Inona no ampianarin'io andininy io antsika mikasika ny fomba hampifanarahana ny sitrapontsika amin'ny an' Andriamanitra?

Azonao atao ny mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fialana amin'ny fahotana sy ny fampitodihana ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy. Asao ny mpianatra hisaintsaina ny zavatra azony atao mba hampifanaraka ny sitrapon'izy ireo amin'ny an'ny Ray any An-danitra amin'ny alalan'ny fanekena ny fitaoman'ny Fanahy Masina toy izay hanaiky ho resin'ny olona araka ny nofo. Amporisiho izy ireo hanao zavatra avy amin'ny fitaomam-panahy rehetra mety ho azony.

## Fampiharana (40–55 minitra)

Ampio ny mpianatra hizatra hampihatra ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy hoe manao asa amim-pinoana sy mamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra, rehefa miresaka ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* izy ireo. Ireto asa atao manaraka ireto dia afaka

manampy anao hanatontosa izany. Azo ampianarina ao anatin'ny andro anankiray ireo asa atao ireo na amin'ny andro samy hafa fa miankina amin'ny fandaraharam-potoanao sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao.

### Fampiasana 1 (20–30 minitra)

Asao ny mpianatra haka sary an-tsaina fa misiônera izy ireo ary mampianatra naman'ny Fiangonana iray izay milaza izao olana manaraka izao:

"Mino an' Andriamanitra aho, fa tsy mino an'i Jesoa. Aza diso fandray ny zavatra lazaiko. Raha ny hevitro dia olona tsara izay nampianatra ny olona rehetra hifankatia i Jesoa. Saingy tsy azoko ny antony tsy maintsy nahafatesan'i Jesoa noho ny fahotan'ny olona hafa rehetra."

- Amin'ny fomba ahoana no mety hamporisihanareo io naman'ny Fiangonana io hanao asa amim-pinoana mba hamahana io olana io?

Mba hanampiana ny mpianatra hahafantatra ny fomba azon'izy ireo hanampiana io naman'ny Fiangonana io hamakafaka ny olany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay dia anontanio hoe:

- Inona no finoana na petrakevitra heverinareo fa mety ananan'io naman'ny Fiangonana io ka nahatonga azy nanana io olana manokana io?

Soraty eo amin'ny lafiny ilany amin'ny solaitrabe ny valintenin'ny mpianatra. Mety ahitana ny sasany amin'ireto izany:

- *Tsy tena ilay Zanak' Andriamanitra i Jesoa Kristy.*
- *Tsy rariny ny hijalian'ny olona iray ho an'ny olona iray hafa. Tokony horaisan' Andriamanitra amin'ny fomba mitovy ny olona rehetra.*
- *Tsy tena lavo na very ny olombelona.*
- *Afaka manonitra ny saran'ny fahotako manokana aho.*
- *Tsy mila ny fanampian'ny Mpamonjy aho mba hodiovina amin'ny fahotako.*
- *Tsy tena goavana be ny vokatry ny fahotako ka hoe hanakana ahy tsy hiverina eo anatrehan' Andriamanitra.*

Angataho ny mpianatra hanazava ny fomba ahafahan'ny tsirairay amin'ireo zavatra inoana ireo mitarika ilay naman'ny Fiangonana hanana ny ahiahiny ankehitriny momba an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany.

Asao ny mpianatra hieritreritra ny fahamarinan'ireo zavatra inoana sy petrakevitra eo amin'ny solaitrabe ireo ka hampiasa ny zavatra fantatr'izy ireo momba ny drafitry ny famonjena sy ny fahamarinana nianaran'izy ireo tao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

- Inona avy ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara izay mety hifandray amin'ny fanontanian'ilay naman'ny Fiangonana?

Ataovy lisitra eo amin'ilay lafiny iray hafa amin'ny solaitrabe ireo valiny ireo. Mety ahitana ny sasany amin'ireto izany:

- *Noho ny fahotan'ny tenantsika manokana dia ao anatin'ny toetran'ny fahaverezana sy ny fahalavoana isika.*
- *Tsy afaka manefa ny sazy noho ny fahotan'ny tenantsika manokana isika dia ho voadio, ka noho izany dia tsy afaka ny hiverina hiaina mandrakizay eo anatrehan' Andriamanitra.*
- *Noho ny toetoetra nananany sy ny maha-izy Azy izay miavaka dia i Jesoa Kristy no hany afaka nanefa ny sazy noho ny fahotan'ny hafa.*
- *Tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra Andriamanitra.*

Asao ny mpianatra hamerina ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nohalalinin'izy ireo tao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3, ka hitady izay afaka manohana ireo fahamarinana eo amin'ny solaitrabe. (Ohatra, ny Almà 34:9–10 dia manohana ilay fahamarinana hoe noho ny fahotan'ny tenantsika manokana dia ao anatin'ny toetry ny fahaverezana sy ny fahalavoana isika ary tsy maintsy ho faty raha tsy eo ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.) Ataovy lisitra eo akaikin'ireo fahamarinana eo amin'ny solaitrabe izay mifandray amin'izany ny valintenin'ny mpianatra.

Anontanio ny mpianatra raha afaka mieritreritra andalan-tsoratra masina na teny nambaran'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana ka afaka manampy io naman'ny Fiangonana io hamakafaka ny fanontaniany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay. Omeo fotoana ny mpianatra hikaroka ao amin'ny soratra masiny na ao amin'ny findainy na ny solosaina findainy. Ampifanampio amin'ireo andalan-tsoratra masina hafa voatanisa eny amin'ny solaitrabe ireo andalan-tsoratra masina na fampianarana izay hitan'ny mpianatra.

Zarao ho tsiroaroa ny mpianatra dia asao izy ireo hifandimby hanandrana hampiasa miaraka amin'ny namany ireo fomba azony hanampiana io naman'ny Fiangonana io hahatakatra ny antony inoantsika fa tsy maintsy nijaly noho ny fahotantsika i Jesoa Kristy mba hahafahantsika ho voavonjy.

Rehefa avy nomena fotoana ampy nanaovana izany ny mpianatra dia manasà mpianatra vitsivitsy hanazava amin'ny mpianatra rehetra ny fomba hanampian'izy ireo olona iray manana io olana io.

### Fampiasana 2 (20–25 minitra)

Rehefa vita ny famerenana ireo fitsipika miaraka amin'ny fahazoana fahalalana ara-panahy (manao asa amim-pinoana sy mamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra) dia omeo an'ity taratasy zaraina ity ny mpianatra tsirairay. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny voalohany dia

angataho avy eo ny mpianatra hieritreritra sy hanoratra mandritra ny 5–10 minitra ny valim-panontanian'izy ireo.

Nangatahana hampianatra lesona iray momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ao amin'ny kilasin'ny Sekoly Alahadinao ianao. Namboraka taminao ny iray tamin'ireo namanao ao amin'ilay kilasy fa raha toa ka inoany fa mety tsara amin'ny ankamaroan'ny olona ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia tsy azony antoka kosa fa afaka ny hiasa aminy izany satria mamerimberina manao fahotana iray ihany izy ary mihevitra izy fa tsy ho afaka ny handresy izany fahotana izany mihitsy.

1. Rehefa mikatsaka ny hanatontosa ny asa nampanaovina anao mba hampianatra io kilasin'ny Sekoly Alahady io ianao dia ahoana no fomba hamporisihanao an'ilay namanao hiasa amim-pinoana?
2. Avereno jerena ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nohalalinintsika tao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Iza amin'ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina no ho ampiasainao mba hanampiana ilay namanao hamakafaka ny olany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay sy hahatakatra ny fomba ahafahan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy manampy azy?
3. Inona no andalan-tsoratra masina hafa na teny nambaran'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ka mety afaka hanampy io zatovolahy io? (Azonao atao ny manao fikarohana ao amin'ireo loharanom-pitaovana toy ny boky mirakitra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia ny *Ensign* na *Liahona*, ny kiboky *Jeunes, soyez forts* na ireo loharanom-pitaovana hafa hita ao amin'ny LDS.org.)

Rehefa ampy ny fotoana niasana dia zarao ho vondrona ahitana olona telo na efatra ny mpianatra dia angataho izy ireo hifanakalo hevitra momba ny valim-panontanian'izy ireo ao amin'ilay taratasy nozaraina. Rehefa avy nifampizara ny valim-panontaniany izy ireo dia azonao atao ny mifidy mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra nifampiresahan'ny vondrona misy azy ireo.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ity asa atao manaraka ity dia natao mba hanampiana ny mpianatra hahatadidy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana dimy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay voatanisa ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Kanefa azonao amboarina ity asa atao ity mba hampidirana ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay nianaran'ny mpianatra nandritra ity taom-pianarana ity.

Omeo ny tahadikan'ity asa fampifandraisana manaraka ity ny mpianatra tsirairay mba hampifandray ny fehezan-teny milaza fotopampianarana tsirairay amin'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay manohana tsara indrindra izany fehezan-teny izany. Rehefa ampy ny fotoana nanaovana izany dia jereo ny valiny marina: (1) b; (2) e; (3) f; (4) d; (5) a.

| Ireo fehezan-teny fototra milaza fotopampianarana | Famerenana ny fifehezana fotopampianarana |
|---|---|
| _____ 1. Tao anatin'ny Sorompanavotany dia tsy nijaly noho ny fahotantsika fotsiny i Jesoa Kristy fa nandray teo Aminy ihany koa ny fanaintainana, sy fakam-panahy, sy aretina, ary ny rofin'ny olon-drehetra.<br>_____ 2. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery no ahafahana mamonjy antsika satria izy irery no hany afaka manatanteraka Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay ho an'ny olombelona rehetra.<br>_____ 3. Rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery.<br>_____ 4. Ny finoantsika dia tsy afaka mitondra antsika amin'ny famonjena raha tsy rehefa mifototra amin'i Jesoa Kristy ihany izany.<br>_____ 5. Fiovam-pisainana sy fiovam-po ny fibebahana. Tafiditra ao anatin'izany ny fialana amin'ny fahotana sy ny fampitodihana ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy. | a. Môsià 3:19<br>b. Almà 7:11–13<br>c. Helamàna 5:12<br>d. Almà 34:9–10<br>e. Etera 12:27 |

# Fampiharana

Nangatahana hampianatra lesona iray momba ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ao amin’ny kilasin’ny Sekoly Alahadinao ianao. Namboraka taminao ny iray tamin’ireo namanao ao amin’ilay kilasy fa raha toa ka inoany fa mety tsara amin’ny ankamaroan’ny olona ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy dia tsy azony antoka kosa fa afaka ny hiasa aminy izany satria mamerimberina manao fahotana iray ihany izy ary mihevitra izy fa tsy ho afaka ny handresy izany fahotana izany mihitsy.

1. Rehefa mikatsaka ny hanatontosa ny asa nampanaovina anao mba hampianatra io kilasin’ny Sekoly Alahady io ianao dia ahoana no fomba hamporisihanao an’ilay namanao hiasa amim-pinoana?

2. Avereno jerena ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin’ny Bokin’i Môrmôna izay nohalalinintsika tao amin’ny lohahevitra ara-potopampianarana 3 hoe: “Ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy” ao amin’ny *Tahirin-kevitra fototra ho an’ny fifehezana fotopampianarana.* Iza amin’ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana sy ireo andalan-tsoratra masina no ho ampiasainao mba hanampiana ilay namanao hamakafaka ny olany amin’ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay sy hahatakatra ny fomba ahafahan’ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy manampy azy?

3. Inona no andalan-tsoratra masina hafa na teny nambaran’ny mpitarika ao amin’ny Fiangonana momba ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy ka mety afaka hanampy io zatovolahy io? (Azonao atao ny manao fikarohana ao amin’ireo loharanom-pitaovana toy ny boky mirakitra ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany dia ny *Ensign* na *Liahona,* ny kiboky *Jeunes, soyez forts* na ireo loharanom-pitaovana hafa hita ao amin’ny LDS.org.)



© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

| Ireo fehezan-teny fototra milaza fotopampianarana | Famerenana ny fifehezana fotopampianarana |
|---|---|
| ______ 1. Tao anatin'ny Sorompanavotany dia tsy nijaly noho ny fahotantsika fotsiny i Jesoa Kristy fa nandray teo Aminy ihany koa ny fanaintainana, sy fakam-panahy, sy aretina, ary ny rofin'ny olon-drehetra. | a. Môsià 3:19 |
| ______ 2. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery no ahafahana mamonjy antsika satria izy irery no hany afaka manatanteraka Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay ho an'ny olombelona rehetra. | b. Almà 7:11–13 |
| ______ 3. Rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery. | d. Helamàna 5:12 |
| ______ 4. Ny finoantsika dia tsy afaka mitondra antsika amin'ny famonjena raha tsy rehefa mifototra amin'i Jesoa Kristy ihany izany. | e. Almà 34:9–10 |
| ______ 5. Fiovam-pisainana sy fiovam-po ny fibebahana. Tafiditra ao anatin'izany ny fialana amin'ny fahotana sy ny fampitodihana ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy. | f. Etera 12:27 |

# Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

| Ireo fehezan-teny fototra milaza fotopampianarana | Famerenana ny fifehezana fotopampianarana |
|---|---|
| ______ 1. Tao anatin'ny Sorompanavotany dia tsy nijaly noho ny fahotantsika fotsiny i Jesoa Kristy fa nandray teo Aminy ihany koa ny fanaintainana, sy fakam-panahy, sy aretina, ary ny rofin'ny olon-drehetra. | a. Môsià 3:19 |
| ______ 2. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery no ahafahana mamonjy antsika satria izy irery no hany afaka manatanteraka Sorompanavotana tsy manam-petra sy maharitra mandrakizay ho an'ny olombelona rehetra. | b. Almà 7:11–13 |
| ______ 3. Rehefa manatona Azy amim-pinoana isika dia hampatanjaka antsika ny Mpamonjy mba hahazaka ny enta-mavesatsika sy hanatanteraka ireo asa izay tsy ho vitantsika samirery. | d. Helamàna 5:12 |
| ______ 4. Ny finoantsika dia tsy afaka mitondra antsika amin'ny famonjena raha tsy rehefa mifototra amin'i Jesoa Kristy ihany izany. | e. Almà 34:9–10 |
| ______ 5. Fiovam-pisainana sy fiovam-po ny fibebahana. Tafiditra ao anatin'izany ny fialana amin'ny fahotana sy ny fampitodihana ny eritreritsika sy ny asantsika ary ny faniriantsika amin' Andriamanitra ary mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny Azy. | f. Etera 12:27 |

# Ny Famerenana amin'ny Laoniny

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray. Koa satria tsy misy andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna voatanisa ho an'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 hoe "Ny Famerenana amin'ny laoniny," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia famerenana amin'ny ankapobeny an'ilay lohahevitra fotsiny ihany no entin'ireo asa atao ireo.

## Manakatra ny fotopampianarana (25 minitra)

### Fizarana 1 (15 minitra)

Soraty eo amin'ny solaitrabe ireto lohahevitra manaraka ireto: *Fotoampitantanana, Apôstazia, Famerenana amin'ny laoniny.*

Asao ny mpianatra haka sary an-tsaina fa nangatahana hanazava ny tsirairay amin'ireo lohahevitra ireo amin'ny olona iray tsy mpikamban'ny Fiangonana izy ireo. Manasà mpianatra vitsivitsy hanazava fohifohy ny dikan'ny lohahevitra tsirairay. Raha ilaina dia azonao atao ny mangataka ny iray kilasy hanampy ny zavatra nohazavain'ireo mpianatra ireo.

Asehoy ilay horonan-tsary hoe "Dispensations: The Pattern of Apostasy and Restoration" (6:48), izay hita ao amin'ny LDS.org. Io horonan-tsary io dia mampiasa ny ankabeazan'ny zavatra voarakitra ao amin'ny fizarana hoe "Apôstazia" sy "Fotoampitantanana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 hoe "Ny Famerenana amin'ny laoniny," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Azonao alefa indray mandeha ilay horonan-tsary iray manontolo, na azonao hajanona indraindray mba hangatahana ny mpianatra hanazava ny zavatra ianaran'izy ireo.

Aorian'ilay horonan-tsary dia asao ny mpianatra hamaky haingankaingana ny fizarana hoe "Apôstazia" sy "Fotoampitantanana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* (Raha tsy afaka mandefa an'ilay horonan-tsary ianao dia afaka miara-mamaky amin'ny mpianatra ireo fizarana ireo.) Asao ny mpianatra hikaroka andian-teny na hevi-baovao izay hanampy azy ireo hahatakatra bebe kokoa ireo ventin-dresaka ireo. Asao ny mpianatra hanisy marika ireo andian-teny ireo ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

- Inona avy ireo hevi-baovao fanampiny azonareo momba ireo lohahevitra telo eny amin'ny solaitrabe?
- (Raha nijery ilay horonan-tsary ny mpianatra) Inona no lamina hitanareo fa nitranga tao anatin'ny tantaran'izao tontolo izao? Inona araka ny hevitrareo no mampifandray an'ilay fifanahafana momba ny rano amin'ny apôstazia sy ny fotoampitantanana?

- Nahoana no zava-dehibe amintsika ny mahatakatra fa taorian'ny nahafatesan'ireo Apôstôlin'ny Tompo dia tsy nisy fahefan'ny fisoronana sy fanambarana tamin'ny alalan'ny mpaminany teto amin'izao tontolo izao? (Ny fahafantarana izany dia manampy antsika hahatakatra ny filana ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany.)
- Inona no mampiavaka an'izao fotoampitantanana misy antsika izao?

## Fizarana 2 (10 minitra)



Asehoy ny sarin'ny Fahitana voalohany (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara* 2009], lah. 90; jereo koa ny LDS.org). Asao ny mpianatra iray hanazava ny zavatra mitranga eo amin'ilay sary.

- Lasa niova toy ny ahoana izao tontolo izao ankehitriny noho io zava-nitranga io?

Manasà mpianatra vitsivitsy hifandimby hamaky mafy ny ampahany amin'ireo andiam-pehezan-teny telo voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 hoe: "Ny Fameranana amin'ny laoniny," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ireo zava-niseho ankoatra ny Fahitana Voalohany hitan'i Joseph Smith, izay ampahany manan-danja tamin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'ny Tompo tamin'ny andro farany.



- Inona no zava-nitranga manan-danja hafa niseho tao anatin'ny Famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara tamin'izao andro farany izao? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia afaka mampiseho ireto sary manaraka ireto ianao: Nandray ireo takela-bolamena i Joseph Smith [jereo ny LDS.org], Nanome ny Fisoronana Aharôna i Jaona Mpanao Batisa [*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,* lah. 93; jereo koa ny LDS.org], Ny famerenana ny Fisoronana Melkizedeka amin'ny laoniny [*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara,*

lah. 94; jereo koa ny LDS.org], ary ny iray amin'ireo rafitra ao amin'ny Fiangonana.)

- Inona avy no nilàna ny tsirairay amin'ireo zava-nitranga ireo tao anatin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara teto an-tany ireo?
- Jereo ilay fehezan-teny farany ao amin'ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 4 hoe "Ny famerenana amin'ny laoniny." Nahoana ny Bokin'i Mômôna no "vavolombelon'ny antso maha-mpaminany ananan'i Joseph Smith?





Manasà mpianatra maromaro hisafidy ny iray amin'ireo zava-nitranga ireo dia hanazava ny fiantraikan'izany teo amin'ny fiainany. Azonao zaraina ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo zava-nitranga ireo.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ity asa atao momba ny fifehezana fotopampianarana ity dia afaka manampy ny mpianatra hamerina ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana nampianarina tao amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy manampy azy ireo hahatsiaro ny toko sy andinin'ireo andalan-tsoratra masina ireo.

Voalohany, misafidiana andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana hatramin'ny 10 izay efa nohalalinin'ny mpianatra teo aloha ka tianao haverin'izy ireo. Aorian'izay dia soraty amin'ny taratasy kely samy hafa ny toko sy andininy tsirairay amin'ireo andalan-tsoratra masina ireo. Dia apetraho amin'ny tany ireo taratasy na apetaho eo amin'ny rindrina izay ahafahan'ny mpianatra mahita azy ireo.

Asao ny mpianatra rehetra hivondrona manodidina an'ireo taratasy. Avereno jerena miaraka ireo toko sy andininy amin'ny alalan'ny fangatahana ny mpianatra

hanazava fotopampianarana na fitsipika iray izay ampianarin'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana tsirairay.

Hazavao fa hanonona andian-teny manan-danja iray ianao (ampiasao ireo ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*), ary raha vantany vao manondro na mikasika ny taratasy misy ny toko sy andininy marina ny mpianatra iray ao an-dakilasy dia hanonona andian-teny manan-danja ho an'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray hafa ianao. Azonao atao ny manasa ny mpianatra hiara-hiasa mba hanondro na hikasika andalan-tsoratra masina marina betsaka araka izay vitany ao anatin'ny fe-potoana iray (toy ny hoe 90 segaondra). Afaka mamerina ilay fampiharana ny mpianatra rehetra mba hiezaka hahazo isa tsara kokoa. Mety hametra ny isan'ny fikasihana azon'ny mpianatra iray atao ihany koa ianao mba handrisihana ny mpianatra rehetra handray anjara.

Avereno amin'ny andro hafa io asa atao io mba hanampiana ny mpianatra hitadidy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy ny fotopampianarana ampianarin'izany.

# Mpaminany sy fanambarana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray. Koa satria tsy misy andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna voatanisa ho an'ny lohahevitra ara-potopampianarana 5 hoe "Mpaminany sy fanambarana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia famerenana amin'ny ankapobeny an'ilay lohahevitra fotsiny ihany no entin'ireo asa atao ireo.

## Manakatra ny fotopampianarana (15 minitra)

Asao ny mpianatra hamaly ireto fanontaniana manaraka ireto: Afaka mangataka ny mpianatra hanao izany tsirairay ianao na ao anatina vondrona kely.

**Mpaminany sy fanambarana**

1. Marina sa diso: Ny mpaminany dia miteny ho an' Andriamanitra.
2. Ahoana no fomba hahatongavan'ny olona iray ho mpaminany?
3. Marina sa diso: Tsy ny mpaminany rehetra no mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy.
4. Inona no atao hoe fanambarana?
5. Marina sa diso: Nanorina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ny olona taorian'ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty.
6. Marina sa diso: Ny Filohan'ny Fiangonana no hany olona eto an-tany manana fahefana handray fanambarana ho an'ny Fiangonana iray manontolo.
7. Iza koa, ankoatra ny Filohan'ny Fiangonana, no tohanantsika ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara?
8. Ataovy lisitra ireo bokin-tsoratra masina efatra izay mandrafitra ny soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana.
9. Iza no afaka mandray fanambarana?
10. Marina sa diso: Indraindray ny Tompo dia hanome fanambarana ho an'ny tena manokana ho an'ny olona, izay manohitra ireo fahamarinana nambara izay nampianarina tamin'ny alalan'ny mpaminany velona.

Rehefa mahavita mamaly ireo fanontaniana ny mpianatra dia asao izy ireo hijery ny valinteniny amin'ny alalan'ny fijerena ny lohahevitra ara-potopampianarana 5 hoe "Mpaminany sy fanambarana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra ireo fanontaniana sy ireo valiny marina mba hakana antoka fa mahatakatra ilay fotopampianarana ny rehetra.


Asao ny mpianatra hametraka ny fanontaniana izay mety ananany momba ny mpaminany sy ny fanambarana. Raha manana fanontaniana ilàna fotoana fanampiny izy ireo dia afaka manasa ny mpianatra ianao mba hikatsaka samirery

ny hahazo fahatakarana bebe kokoa ary hanao tatitra ny zavatra hitany mandritra ny fotoam-pianarana manaraka.

Asao ny mpianatra hizara ny zavatra niainany tamin'ny fotoana nahafantaran'izy ireo fa tarihin'ny mpaminany velon' Andriamanitra Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Zarao ihany koa ny fijoroana ho vavolombelona ananananao.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka nolazain'ny Loholona Richard G. Scott (1928–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Misy hery lehibe azo avy amin'ny fanaovana tsianjery ny soratra masina. Toy ny manomboka finamanana vaovao ny fanaovana tsianjery soratra masina. Toy ny fiezahana mamantatra olona iray vaovao izany, izay afaka manampy amin'ny fotoana ilana fanampiana, sy afaka manome fitaomana ara-panahy sy fankaherezana, ary ho loharano hahazoana risi-po hanaovana ny fanovana izay ilaina" (Richard G. Scott, "Ny herin'ny soratra masina," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2011, 6).

- Araka ny voalazan'ny Loholona Scott dia ahoana no ahafahan'ny hery ho tonga eo amin'ny olona iray izay manao tsianjery andalan-tsoratra masina iray tena ilaina?
- Oviana no efa nanampy anao ny soratra masina iray nataonao tsianjery?

Hazavao fa amin'ny seminera, ny fanaovana tsianjery dia tsy atao mandritra ny fotoam-pianarana amin'ny ankapobeny noho ny fotoana ilaina hiaraha-mandalina ny soratra masina. Na izany aza anefa dia asaina ny mpianatra mba hanao tsianjery ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana any ivelan'ny fotoam-pianarana.

Soraty eny amin'ny solaitrabe ny toko sy andinin'ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay efa nohalalinin'ny mpianatra hatreto nandritra ity taranja ity. Raha ilaina dia asao ny mpianatra hamerina ny andalan-tsoratra masina tsirairay amin'ny alalan'ny fijerena ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* na amin'ny alalan'ny fiarahana miresaka ny votoatin'ny andalan-tsoratra masina tsirairay sy ny heviny. Asao ny mpianatra tsirairay hifidy ny iray amin'ireo andalan-tsoratra masina ireo mba hataony tsianjery samirery. Omeo fotoana ny mpianatra hanoratana ny andalan-tsoratra nofidiany amin'ny taratasy kely na karatra kely, ary amporisiho izy ireo hitondra ireo andalan-tsoratra masiny ireo miaraka aminy mandra-pahavitany tsianjery izany. Afaka mamporisika ny mpianatra hampiasa ny Application Doctrinal Mastery (Fifehezana fotopampianarana) ihany koa ianao mba ho fitaovana hanaovana tsianjery. Azonao omena fotoana vitsivitsy mandritra ny lesona amin'ny manaraka ny mpianatra mba hitanisany ireo andalan-tsoratra masina nataony tsianjery ary hizara ny fomba nanampian'ireo andalan-tsoratra masina ireo azy ireo.

# Mpaminany sy Fanambarana

**Mpaminany sy fanambarana**

1. Marina sa diso: Ny mpaminany dia miteny ho an' Andriamanitra.

2. Ahoana no fomba hahatongavan'ny olona iray ho mpaminany?

3. Marina sa diso: Tsy ny mpaminany rehetra no mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy.

4. Inona no atao hoe fanambarana?

5. Marina sa diso: Nanorina ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ny olona taorian'ny nahafatesany sy ny nitsanganany tamin'ny maty.

6. Marina sa diso: Ny Filohan'ny Fiangonana no hany olona eto an-tany manana fahefana handray fanambarana ho an'ny Fiangonana iray manontolo.

7. Iza koa, ankoatra ny Filohan'ny Fiangonana, no tohanantsika ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara?

8. Ataovy lisitra ireo bokin-tsoratra masina efatra izay mandrafitra ny soratra masina ankatoavin'ny Fiangonana.

9. Iza no afaka mandray fanambarana?

10. Marina sa diso: Indraindray ny Tompo dia hanome fanambarana ho an'ny tena manokana ho an'ny olona, izay manohitra ireo fahamarinana nambara izay nampianarina tamin'ny alalan'ny mpaminany velona.



© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Fisoronana sy fanalahidin'ny fisoronana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray. Koa satria tsy misy andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna voatanisa ho an'ny lohahevitra ara-potopampianarana 6 hoe "Fisoronana sy fanalahidin'ny fisoronana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia famerenana amin'ny ankapobeny an'ilay lohahevitra fotsiny ihany no entin'ireo asa atao ireo.

## Manakatra ny fotopampianarana (20 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)



Asehoy ny mpianatra ny sarin'ny zatovolahy iray tendrena ho amin'ny fisoronana.

Asehoy na soraty eo amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no atao hoe fisoronana?
- Inona no atao hoe fanalahidin'ny fisoronana?
- Iza no mihazona fanalahidin'ny fisoronana?
- Inona avy ireo fahasamihafana eo amin'ny fahefan'ny Fisoronana Aharôna sy ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka?

Asao ny mpianatra hamaky ny lohahevitra ara-potopampianarana 6 hoe "Fisoronana sy fanalahidin'ny fisoronana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* dia hitady ireo fehezan-teny izay manome ny valin'ireo fanontaniana ireo. Asao izy ireo hanisy marika ny zavatra hitany dia hanoratra zavatra kely izay hanampy azy ireo hitadidy ny zavatra nianarany.

Rehefa ampy ny fotoana nanaovana izany dia angataho ny mpianatra hanao tatitra mikasika ireo fehezan-teny hitany, izay mamaly ireo fanontaniana eny amin'ny solaitrabe.

- Nahoana ny fisoronana sy ny fanalahidin'ny fisoronana no tena ilaina ao anatin'ny drafitry ny Ray any An-danitra?

### Fizarana 2 (10 minitra)



Mampisehoa andiam-panalahidy, na manaova sarina andiam-panalahidy eo amin'ny solaitrabe. Raha ilaina dia avereno resahina fohifohy amin'ny mpianatra ny fahasamihafana misy eo amin'ny fisoronana sy ny fanalahidin'ny fisoronana.

Asehoy ny mpianatra ilay horonan-tsary maneho ny lahateny nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany hoe "Aiza ny fanalahidy sy ny fahefan'ny fisoronana?" manomboka eo amin'ny fe-potoana 0:00 ka hatramin'ny 2:26 (ao amin'ny LDS.org). Raha toa ianao ka tsy afaka mampiseho ilay horonan-tsary dia manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ity tantara notantarain'ny Loholona Stevenson manaraka ity. Asao ny mpianatra mba hijery na hihaino ny antony maha-manan-danja ny fisoronana amin'ny zanaky ny Ray any An-danitra.



"Avy nankafy tontolo andro feno fahafinaretana teo amin'ilay toerana fanaovana ski ny fianakaviako, izay niafara tamin'ny hatsiaka tena namirifiry. Rehefa tonga teo amin'ilay fiara izahay dia nisava ny paosiko aho hitady ny fanalahidy, avy eo dia nisava paosy iray hafa ary paosy iray hafa koa. 'Fa aiza ny fanalahidy?' Samy niandry tamim-pitaintainana ny hahitako ny fanalahidy ny tsirairay! Efa feno ny baterian'ilay fiara, ary efa vonona avokoa ny rafi-pitaovana rehetra, anisan'izany ny fampafana, kanefa raha tsy misy fanalahidy dia tsy ho tafiditra ao amin'ilay fiara izahay. Raha tsy misy fanalahidy dia tsy hamokatra angovo ho an'ilay fiara ny maotera.

"Tamin'izay fotoana izay dia ny fomba hidiranay tao anatin'ny fiara sy ny hahazo hafanana no laharampahamehana taminay, kanefa dia tafaeritreritra aho (na dia tamin'ny fotoana toy izany aza) fa azo hisintonana lesona izany toe-java-nitranga izany. Raha tsy misy fanalahidy dia ho toy ny plastika sy vỳ fotsiny io milina mahatalanjona io. Na dia azo hanaovana zavatra betsaka aza ilay fiara dia tsy mahavita ny zavatra tokony ho vitany raha tsy misy fanalahidy.

"Arakaraka ny nisaintsainako io zavatra niainako io no nampahalalina tamiko an'io fanoharana io. Talanjona aho amin'ny fitiavan'ny Ray any An-danitra an'ireo zanany. Mampitolagaga ahy ny nisehoan'ireo olon'ny lanitra tamin'i Joseph Smith sy ireo fahitana ny zavatra mandrakizay izay nasehon' Andriamanitra azy. Ary indrindra indrindra, heniky ny fankasitrahana ny foko noho ny namerenana ny fahefan'ny fisoronana sy ireo fanalahidin'ny fisoronana tamin'ny laoniny. Raha tsy nisy izany famerenana amin'ny laoniny izany dia tsy ho tafiditra ao amin'ilay fiara tokony hitondra antsika amin'ilay diantsika hody any amin'ireo ray aman-drenintsika any an-danitra be fitiavana isika. Ny fanatanterahana ny ôrdônansin'ny famonjena rehetra momba ireo fanekempihavanana izay mitondra antsika miverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra dia mitaky fitarihana araka ny tokony ho izy amin'ny alalan'ireo fanalahidin'ny fisoronana" (Gary E. Stevenson, "Aiza ny fanalahidy sy fahefan'ny fisoronana?" *Ensign* na *Liahona,* mey 2016, 29).

- Ahoana no hanampian'ny fifanahafana nampiasain'ny Loholona Stevenson antsika hahatakatra tsaratsara kokoa ny maha-zava-dehibe ny fanalahidin'ny fisoronana?

- Inona avy ireo ohatra amin'ny ôrdônansin'ny famonjena izay tsy maintsy tanterahina eo ambany fitarihan'ny olona manana fanalahidin'ny fisoronana? Ny ôrdônansin'ny famonjena dia ahitana ny batisa, ny fanomezana ny Fanahy Masina, ny fanendrena ho amin'ny Fisoronana Melkizedeka [ho an'ny lehilahy], ny fanafiana masina any amin'ny tempoly, ary ny famehezana any amin'ny tempoly [Jereo ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 hoe "Ôrdônansy sy Fanekempihavanana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*]. Ireo ôrdônansin'ny famonjena dia tsy maintsy ahazoana lalana avy amin'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana izay mihazona ny fanalahidy mifanaraka amin'izany. Takina ihany koa ny fanomezana lalana ho an'ny fanomezana anarana sy ny fitsofandrano ny zaza, ny fanokanana fasana, ny fanomezana ny tsodranon'ny patriarika, ary ny fanomanana sy ny fanamasinana ary ny fizarana ny fanasan'ny Tompo.)
- Oviana ianao na ny olona iray fantatrao no voatahy tamin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana na ny fampiasana ny fanalahidin'ny fisoronana?

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny fahefan'ny fisoronana sy ny fanalahidin'ny fisoronana.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Mamoròna fanontaniana momba ny fifehezana fotopampianarana. Azonao atao izany amin'ny alalan'ny fanoratana toko sy andinina fifehezana fotopampianarana maromaro eny amin'ny solaitrabe.) Omeo teny hoenti-mamantatra, na am-bava, na amin'ny taratasy kely ny mpianatra, dia angataho izy ireo hanoratra toko sy andinina fifehezana fotopampianarana izay mifandray amin'izany. Ireo teny hoenti-mamantatra dia mety ho andian-teny manan-danja avy ao amin'ny *Torolalana ahitana andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana* na fehezan-teny milaza fotopampianarana avy ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Na azonao atao ny mamorona tantara fohy milaza toe-javatra iainana iray izay azo ampiharana ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray voafaritra tsara.

Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra rehetra ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mialoha ny hamalian'ny mpianatra ireo fanontaniana. Azonao atao ny manasa ny mpianatra hamaly indray ireo fanontaniana, na andiam-panontaniana hafa mitovy endrika amin'izany mandritra ireo fotoam-pianarana manaraka mba hahafahan'izy ireo mahatadidy ny toerana misy ireo andalan-tsoratra masina.

# Ôrdônansy sy fanekempihavanana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny fotopampianarana (40 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)

Soraty eo amin'ny solaitrabe ny teny hoe *Ôrdônansy*.

- Inona no atao hoe ôrdônansy ao anatin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?

Asao ny mpianatra iray hamaky ny andiam-pehezan-teny voalohany ao amin'ny fizarana hoe "Ôrdônansy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 hoe "Ôrdônansy sy fanekempihavanana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hitady teny na andian-teny izay afaka manampy antsika hahatakatra tsaratsara kokoa ny atao hoe ôrdônansy.

- Inona no teny na andian-teny afaka manampy antsika ao amin'io andiam-pehezan-teny io mba hahatakatra tsaratsara kokoa ny atao hoe ôrdônansy?

Manasà mpianatra maromaro ho eny amin'ny solaitrabe dia hanao lisitra ny ôrdônansin'ny filazantsara rehetra izay tonga ao an-tsainy. Rehefa mahavita ny lisitra nataony ny mpianatra dia hazavao fa ny ôrdônansy sasany dia antsoina hoe ôrdônansin'ny famonjena.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny faharoa ao amin'ny fizarana hoe "Ôrdônansy". Angataho ny mpianatra rehetra hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo teny na andian-teny izay afaka hanampy antsika hahatakatra ny atao hoe ôrdônansin'ny famonjena sy ny antony ilantsika azy ireny. Asao ny mpianatra hanisy marika ireo teny na andian-teny ireo ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana*.

- Inona no teny na andian-teny hitanareo izay afaka hanampy antsika hahatakatra ny atao hoe ôrdônansin'ny famonjena sy ny antony ilantsika azy ireny?
- Inona no dikan'ny hoe ilaina amin'ny fisandratana ny ôrdônansin'ny famonjena? (Ataovy izay hahazoana antoka fa ny mpianatra dia mahatakatra fa raha tsy misy ny ôrdônansin'ny famonjena dia tsy afaka ny ho tonga tahaka ny Raintsika any An-danitra isika, na hiverina hiaina eo anatrehany mandrakizay.)

Manasà mpianatra iray ho eny amin'ny solaitrabe mba hanao sarina kintana eo akaikin'ny ôrdônansin'ny famonjena tsirairay izay natao lisitra.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny efatra farany ao amin'ny fizarana hoe "Ôrdônansy". Angataho ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny

ka hitady izay ôrdônansin'ny famonjena tsy tafiditra ao anatin'ilay lisitra eo amin'ny solaitrabe. Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitan'izy ireo. Ampidiro ao amin'ilay lisitra eny amin'ny solaitrabe araka izay ilaina ireo ôrdônansin'ny famonjena fanampiny izay hita.

Ampiasao ilay lisitra eo amin'ny solaitrabe dia angataho ny mpianatra hanondro ireo ôrdônansin'ny famonjena tsy mbola noraisin'izy ireo. Dia asao ny mpianatra izay vonona ny hanao izany mba hanazava ny antony hanirian'izy ireo handray ireo ôrdônansy ireo. (Ampitandremo ny mpianatra mba tsy hizara zavatra izay mahakasika loatra ny tena manokana.)

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo fitahiana izay tonga teo aminao avy amin'ny fandraisana ireo ôrdônansin'ny famonjen'ny filazantsara. Asao ny mpianatra hanohy hanomana ny tenany handray ireo ôrdônansin'ny famonjena rehetra.

### Fizarana 2 (15 minitra)

Asehoy na vakio mafy ity fehezan-teny manaraka ity, dia asao ny mpianatra hieritreritra raha marina na diso ilay fehezan-teny: Ny olona iray dia tsy afaka mahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina raha tsy rehefa avy natao batisa sy noraisina ho mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro farany ihany.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra fa diso ilay fehezan-teny dia asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny fahefatra ao amin'ny fizarana hoe "Ôrdônansy" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 hoe "Ôrdônansy sy fanekempihavanana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra, mba hitady ny maha-samy hafa ny Fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fitaoman'ny Fanahy Masina.

- Araka io andiam-pehezan-teny io dia inona no mahasamy hafa ny Fanomezana ny Fanahy Masina sy ny fitaoman'ny Fanahy Masina?

Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka eo amin'ny fiandohan'ilay andiam-pehezan-teny vao avy nohalalinin'izy ireo ity: **Rehefa vita batisa ny olona iray dia mandray azy ho mpikamban'ny Fiangonana ka manolotra azy ny fanomezana ny Fanahy Masina ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka iray na maromaro.** Azonao atao ny manazava fa noho ny maha-ôrdônansin'ny famonjena ny ôrdônansin'ny fandraisana ho mpikambana dia tsy maintsy hahazoana lalana avy amin'ny olona mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana ilaina amin'izany ilay izy.

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona no manohana io fahamarinana io? (3 Nefia 27:20. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka ao anatin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitry ny 3 Nefia 27:20, dia hazavao fa mirakitra ny tenin'i Jesoa Kristy tamin'Izy nampianatra ny mpianany tany Amerika fahiny taorian'ny fahafatesany sy ny Fitsanganany tamin'ny maty izany.

Asao ny mpianatra iray mba hamaky mafy ny 3 Nefia 27:20. Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra, mba hitady ny fitahiana nampanantenain'ny Mpamonjy an'ireo izay atao batisa dia mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina.

- Inona no nampanantenain'ny Mpamonjy an'ireo izay atao batisa dia mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina?
- Inona no dikan'ny hoe nohamasinina? (Asao ny mpianatra hanoratra ity famaritana ity ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny andininy 20: Ny Fanamasinana dia "ny dingana hahatongavana amin'ny fahafahana amin'ny fahotana, ho madio, ho tsisy pentina ary ho masina amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy" [Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fanamasinana," scriptures.lds.org].)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany. Asao ny mpianatra rehetra hihaino ny fomba ahafahantsika mahafantatra fa lasa voahasina isika, na voadio tamin'ny fahotana tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.



"Raha nahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina ianao androany dia azonao raisina ho toy ny porofo izany fa miasa eo amin'ny fiainanao ny Sorompanavotana. … Ny fandraisana ny Fanahy Masina dia manadio antsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" (Henry B. Eyring, "Gifts of the Spirit for Hard Times," *Ensign,* Jona 2007, 23).

- Araka io teny nambaran'ny Filoha Eyring io dia ahoana no ahafahantsika mahafantatra fa nohamasinina tamin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isika?
- Nahoana araka ny eritreritrareo no zava-dehibe ny handraisantsika ny fanomezana ny Fanahy Masina aorian'ny nanaovana batisa antsika ary avy eo dia mikatsaka ny hanana ny Fanahy ho namana lalandava mandritra ny fiainantsika? (Afaka ny ho voahasina lalandava mandritra ny fiainantsika isika amin'io fananana ny Fanahy ho namana io ary amin'ny farany dia "[h]ijoro tsisy pentina eo anoloa[n'i Jesoa Kristy] amin' ny andro farany" [3 Nefia 27:20] rehefa mankeo anatrehany isika amin'ny Fitsarana Farany.)
- Raha miainga avy amin'ny fahamarinana noresahantsika teo dia ahoana no hanazavanareo ny antony ilàna ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina amin'ny famonjena antsika? (Amin'ny alalan'io fanomezana io isika dia mandray hery ho voadio amin'ny fahotantsika rehetra amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ilaina izany mba hahatonga antsika ho madio tahaka ny Ray any An-danitra sy ho afaka ny hitoetra miaraka Aminy mandrakizay.)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto:

- *Nahoana ianao no feno fankasitrahana noho ny fanomezana ny Fanahy Masina?*
- *Inona no fitahiana nentin'io fanomezana io teo amin'ny fiainanao?*

Asao ny mpianatra hanoratra ny valinteniny ho an'ireo fanontaniana ireo ao amin'ny kahie fandraisany an-tsoratra ao an-dakilasy na ny diary fandalinany soratra masina. Manasà mpianatra iray na roa hizara amin'ny iray kilasy ny zavatra izay nosoratany.

### Fizarana 3 (10 minitra)

Zarao ho tsiroaroa ireo mpianatra. Omeo tapa-taratasy iray ny vondron'olon-droa tsirairay dia angataho ny mpianatra hanoratra ny famaritana ny fanekempihavanana. Manasà mpianatra avy amin'ny vondron'olon-droa iray na roa mba hilaza ny famaritana nosoratan'izy ireo amin'ny iray kilasy.

Asao ny mpianatra handalina isam-bondrona ny andiam-pehezan-teny voalohany ao amin'ny fizarana hoe "Fanekempihavanana" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 hoe "Ôrdônansy sy fanekempihavanana" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Angataho izy ireo mba hitady ireo andian-teny na hevi-baovao azon'izy ireo hanampiana ny famaritan'izy ireo ny atao hoe fanekempihavanana.

- Inona no andian-teny na hevi-baovao hanampianareo ny famaritanareo ny atao hoe fanekempihavanana? Nahoana?

Manasà mpianatra roa hifandimby hamaky mafy ireo andiam-pehezan-teny roa farany ao amin'ny fizarana hoe "Fanekempihavanana". Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra mampifandray ny fanekempihavanana sy ny ôrdônansin'ny famonjen'ny filazantsara.

- Inona no mampifandray ny fanekempihavanana sy ny ôrdônansin'ny famonjena? (Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Ny ôrdônansin'ny famonjena rehetra an'ny fisoronana dia ampiarahana amin'ny fanekempihavanana. Ohatra, manao fanekempihavanana amin'ny Tompo isika amin'ny alalan'ny batisa.**)
- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona no manohana ireo fanambarana fotopampianarana ireo? (Môsià 18:8–10. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka.)



Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitry ny Môsià 18:8–10, dia asehoy ilay sary hoe Manao batisa tao amin'ny Ranon'i Môrmôna i Almà (*Boky mirakitra sary momba ny filazantsara* [2009], lah. 76; jereo koa ny LDS.org) ary angataho ny mpianatra hanazava ny zavatra mitranga eo amin'io sary io. Ampio ny mpianatra hahatakatra fa niafina tamin'ireo mpanompon'ny Mpanjaka Noà ratsy fanahy foana i Almà satria nisafidy ny hibebaka sy hanaraka ny Tompo izy rehefa avy nihaino ny fampianaran'ny mpaminany Abinadia. Taty aoriana dia maro ireo olona nankeo amin'ny Ranon'i Môrmôna, teo akaikin'ny toerana niafenan'i Almà, mba hihaino azy mampianatra sy hatao batisa.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 18:8–10. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra dia hitady ny zavatra nampianarin'i Almà momba ny fanekempihavanana ataontsika rehefa mandray ny ôrdônansin'ny batisa isika.

- Araka io andalan-tsoratra masina io dia manaiky na mampanantena ny hanao inona isika rehefa atao batisa?

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny Môsià 18:8–10 dia manolotra ohatra amin'ilay fotopampianarana hoe ny ôrdônansin'ny famonjena rehetra an'ny fisoronana dia manana fanekempihavanana miaraka aminy.

- Nahoana araka ny hevitrareo no zava-dehibe ny mahafantatra fa rehefa mandray ôrdônansin'ny famonjena iray isika dia manao fanekempihavanana amin'ny Tompo ihany koa?

## Fizarana 4 (5 minitra)

Vakio mafy miaraka amin'ny mpianatra ny Môsià 18:8–10. Angataho ny mpianatra hitady izay ampanantenain'ny Tompo antsika rehefa manao sy mitandrina ny fanekempihavanan'ny batisa isika.

- Araka ny andininy 9–10, dia mampanantena inona antsika ny Tompo rehefa manao sy mitandrina ny fanekempihavanan'ny batisa isika?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny nambara manaraka ity. Angataho ny mpianatra hihaino ny fomba ahafahan'ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo manampy antsika handray ireo fitahiana nampanantenaina antsika tao amin'ny fanekempihavanan'ny batisa.

> "Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia fijoroana ho vavolombelona amin' Andriamanitra fa ny fahatsiarovana ny Zanakalahiny dia hihoatra lavitra an'ilay fotoana fohy handraisana izany ôrdônansy masina izany fotsiny. Tafiditra ao anatin'izany ôrdônansy izany ny fampanantenana ny hahatsiaro Azy mandrakariva sy ny vavolombelon'ny fahavononan'ny tsirairay hitondra eo amin'ny tenany ny anaran'i Jesoa Kristy ary hitandrina ny didiny. Manavao ny fanekempihavanana nataony tamin'ny batisa ny mpikamban'ny Fiangonana rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo sy manao ireo fanoloran-tena ireo (jereo ny Môsià 18:8–10; F&F 20:37).

"Ho setrin'izany dia havaozin'ny Tompo ny famelana ny fahotana izay nampanantenaina ary omeny fahafahana -hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka aminy- (F&F 20:77) ny mpikamban'ny Fiangonana. Ny fananana ny Fanahy ho namana lalandava no iray amin'ireo fanomezana lehibe indrindra eto amin'ity fiainana an-tany ity" (Sujets de l'évangile, "Sainte-Cène," lds.org/topics).

- Inona no mety ho fiantraikan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana isan-kerinandro eo aminao?
- Inona ireo fitahiana azonao raisina avy amin'ny fananana ny Fanahy Masina ho namana mandrakariva?
- Nahoana no mampitombo ny fankasitrahanareo ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ny fahatakarana ireo fitahiana azontsika raisina amin'ny alalan'izany?

Asao ny mpianatra hisaintsaina ny zavatra azony atao mba handraisana ny fanasan'ny Tompo amim-panajana sy amim-pankasitrahana lehibe kokoa amin'ity alahady ho avy ity. Asao ny mpianatra hanoratra tanjona iray dia hanao izay hanatrarana izany.

## Fampiharana (30 minitra)


Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra ireo fitsipika telo ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra momba ny fifehezana fotopampianarana:* manao asa amim-pinoana, mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Manasà mpianatra iray hamaky mafy ity toe-javatra namboarina manaraka ity. Asao ny iray kilasy hihaino ny antony mampanahy ny zatovovavy iray noho ny amin'ny namany.

Iray paroasy i Kate sy i Jamie. Nifankahalala efa hatramin'ny naha-tao amin'ny Kilonga azy izy ireo ary lasa mpinamana be rehefa nifandimby ny taona. Vao haingana dia lasa nanahy ny amin'i Jamie i Kate. Tsikaritr'i Kate fa na dia mamonjy tsy tapaka sy araka ny tokony ho izy ny fivoriam-piangonana aza i Jamie dia nanomboka nampidina ny fenitra arahany izy tany an-tsekoly sy tany amin'ny toeran-kafa mba hanaraka ny zavatra ataon'ny hafa. Ohatra, nanomboka nanao fitafy tsy dia maotina loatra i Jamie ary nampiasa fiteny tsy mendrika. Noho izy miraharaha ny namany dia nilaza ny ahiahiny tamin'i Jamie i Kate. Namaly i Jamie hoe: "Mety hoe tsy olona faran'izay mpivavaka aho, saingy mandeha mivavaka aho rehefa alahady. Tsy efa tsara ve izany?"

Soraty eo amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: *Tsy efa tsara ve ny fandehanantsika any am-piangonana fotsiny rehefa alahady?* Manaova sarina efa-joro tsotra toy ny tranon-tsary manodidina ilay fanontaniana, dia omeo anarana hoe *Fomba fijery tsy mahatody lavitra* izany.

Fomba fijery tsy mahatody lavitra




- Inona no sasany amin'ireo zavatra inoana na fahadisoan-kevitra mikasika ny filazantsara izay mety hahatonga an'i Jamie hametraka io fanontaniana io?

Fafao ilay andian-teny hoe "Fomba fijery tsy mahatody lavitra." Manaova sarina efa-joro toy ny tranon-tsary tsara kokoa manodidina ilay fanontaniana, dia omeo anarana hoe *Fomba fijery mibanjina ny mandrakizay* izany.

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa mba hamakafakana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ireo hevi-dehibe sy fanontaniana dia raisintsika amin'ny sahan-kevitry ny drafitry ny famonjena sy ireo fampianaran'ny Mpamonjy izy ireny.

Fomba fijery mibanjina ny mandrakizay




Omeo fotoana vitsy ny mpianatra hamerenana ny lohahevitra ara-potopampianarana 7 hoe "Ôrdônansy sy fanekempihavanana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* sy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay miaraka amin'io lohahevitra ara-potopampianarana io (Môsià 18:8–10; 3 Nefia 27:20). Asao izy ireo hitady ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara izay afaka hanampy azy ireo hamakafaka ny fanontanian'i Jamie amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

Rehefa avy nanome fotoana ampy, dia asao ny mpianatra hanao tatitra ny zavatra hitan'izy ireo. Soraty manodidina ny ivelan'ilay efa-joro manodidina ilay fanontaniana ny valintenin'izy ireo. Rehefa milaza ny valinteniny ny mpianatra dia asao izy ireo hanazava ny fomba ahafahan'ireo fahamarinana nolazainy manampy antsika hamakafaka ny fanontanian'i Jamie amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

- Ankoatra ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana, inona avy ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra hafa afaka hanampy an'i Jamie hahatakatra lavitra kokoa ny fomba tokony hanentanan'ny ôrdônansy sy ny fanekempihavanana ny safidy sy ny fitondrantenantsika amin'ny fotoana rehetra fa tsy rehefa alahady fotsiny?

- Raha teo amin'ny toeran'i Kate ianareo dia ahoana no mety hanampianareo an'i Jamie hahatakatra ireo fahamarinana vao avy noresahantsika?
- Ahoana no mety hamporisihanareo an'i Jamie hanao asa amim-pinoana mba hahafahany mandray ireo fitahiana nampanantenaina an'ireo izay mitandrina amim-pahatokiana ny fanekempihavanana nataony?

Manasà mpianatra vavy roa handroso eny anoloana mba hilalao an-tsehatra ny anjaran'i Kate sy i Jamie. Asao ilay mpianatra milalao an'i Kate mba hampihatra ny zavatra nianarany nandritra io fampiharana io amin'ny alalan'ny fanehoana ny fomba hamaliany ny fanontanian'i Jamie.

Isaory ireo mpianatra nandray anjara tamin'ilay filalaovana an-tsehatra. Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao mikasika ny fomba ahafahan'ny fahatakarana ny fotopampianaran'ny ôrdônansy sy fanekempihavanana mitarika antsika amin'ny fanapahan-kevitra raisintsika isan'andro sy manampy antsika hahafantatra izay tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ireo fitahiana rehetra irin'ny Ray any An-danitra omena antsika.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ity asa atao manaraka ity dia hanampy ny mpianatra hamerina ireo fehezan-teny manan-danja milaza fotopampianarana, hahatadidy ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay manohana ireo fahamarinana ireo, ary hahatakatra ny fomba azo ampiharana ireo fahamarinana ireo amin'ny safidy ataontsika isan'andro:

Ataovy lisitra eo amin'ny solaitrabe ny tsirairay amin'ireo toko sy andinin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay nianaran'ny mpianatra hatreto nandritra ity taranja ity. Zarao ho vondrona ahitana olona roa na telo ny mpianatra dia omeo ny iray na ny maromaro amin'ireo toko sy andininy voatanisa eny amin'ny solaitrabe. Asao izy ireo hamerina ny fitsipika na ny fehezan-teny milaza fotopampianarana ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* izay tohanan'ilay andalan-tsoratra masina nomena ilay vondrona. Dia asao avy eo ny vondrona tsirairay hanoratra amin'ny taratasy ny toe-javatra namboarina iray na ny famariparitana ny toe-javatra niainana iray izay azo ampiharana ilay fitsipika na fotopampianarana ao amin'ilay andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana nampandraiketina azy ireo.

Rehefa ampy ny fotoana nomena ny mpianatra dia angony ny toe-javatra namboarina nosoratan'ny vondrona tsirairay. Vakio mafy ny toe-javatra iray dia asao ny mpianatra hanangan-tanana sy hitady andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray izay mety hanampy mba hamaliana izany toe-javatra izany. Manaraha maso amin'ny alalan'ny fanasana azy ireo hanazava ny fomba azo ampiharana ao anatin'ilay toe-javatra ireo fahamarinana nampianarina ao amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay hitan'izy ireo. Avereno ilay asa atao amin'ny alalan'ny famakiana mafy ireo toe-javatra hafa noforonina. Azonao atao koa ny manolotra ny sasany amin'ireo toe-javatra noforonina any amin'ny fiandohana na ny fiafaran'ireo lesona mandritra ny herinandro ho avy.

# Fanambadiana sy fianakaviana

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny fotopampianarana (20 minitra)

### Fizarana 1 (10 minitra)



Mitondrà kodiarana bisikileta ao an-dakilasy, na mampisehoa sarina kodiarana bisikileta iray. (Azonao amboarina ity asa atao ity amin'ny alalan'ny fitondrana ao an-dakilasy zavatra iray hafa misy ivony izay ilain'ilay zavatra mba hahafahany miasa araka ny tokony ho izy.)

- Inona no eo amin'ny ivon'ilay kodiarana? (Ny foiben-kodia, izay ahitana tantikodiarana, kodia misy kanety, ary foiben-kodia izay hipetahan'ireo tana amin'ilay kodiarana.)
- Inona no hitranga amin'ilay kodiarana raha esorina ilay foiben-kodia? (Hirodana izany ka hahatonga ilay kodiarana ho tsy misy ilàna azy.)

Asao ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 8 hoe "Fanambadiana sy fianakaviana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Manasà mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny voalohany. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra manan-danja indrindra ao amin'ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra sy ny fahasambarantsika.

- Inona no zavatra manan-danja indrindra ao amin'ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra sy ny fahasambarantsika?
- Nahoana araka ny eritreritrareo no manan-danja indrindra, na tena ilaina ao amin'ny drafitry ny Ray any An-danitra sy ny fahasambarantsika ny fanambadiana sy ny fianakaviana?

Ampiaraho tsiroaroa na zarao ho vondrona kelikely ny mpianatra. Asao izy ireo hamaky mafy ny andiam-pehezan-teny telo farany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 8 hoe "Fanambadiana sy fianakaviana." Asao izy ireo hitady ireo didy sy andraikitra nomen' Andriamanitra mba hanampiana antsika hanatanteraka ny tanjon'ny fanambadiana sy ny fianakaviana ao amin'ny drafiny.

- Inona no didy sy andraikitra nomen' Andriamanitra mba hanampiana antsika hanatanteraka ny tanjon'ny fanambadiana sy ny fianakaviana ao amin'ny drafiny? (Mety hanolotra valinteny isan-karazany ny mpianatra. Raha tsy tononin'izy ireo izany dia zarao ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: **Ny fahefana masin'ny fananahana dia natao mba hampiasaina eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray izay nivady ara-dalàna ihany.** Asao ny mpianatra hanisy marika io fahamarinana io ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*)

Hazavao fa ny "fahefana masin'ny fananahana" dia entina ilazana ny fahafahana nomen' Andriamanitra antsika hanan-janaka. Mba hiarovana ireo fahefana masina ireo dia nanome didy Andriamanitra ny tsy hanaovana firaisana ara-nofo na toy ny ahoana na toy ny ahoana mandra-panambadiantsika ara-dalàna lehilahy iray raha toa isika ka vehivavy, na vehivavy iray raha toa isika ka lehilahy. Antsoina hoe lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izany didy izany.

- Ahoana no hanampian'ny fankatoavana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena antsika hanatanteraka ny drafitry ny Ray any An-danitra ho an'ny zanany?

### Fizarana 2 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Ny fahefana masin'ny fananahana dia natao hampiasaina eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray izay nivady ara-dalàna ihany.*

Asao ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 8 hoe "Fanambadiana sy fianakaviana," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna inona no miaraka amin'io fehezan-teny milaza fotopampianarana io? (Almà 39:9. Asao ny mpianatra hanisy marika io andalan-tsoratra masina io amin'ny fomba miavaka ao anatin'ny soratra masin'izy ireo mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izany.)

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitr'io andalan-tsoratra masina io dia hazavao fa i Almà dia niresaka tamin'i Kôriantôna zanany lahy, izay nanao asa fitoriana, kanefa nisafidy ny "[hahafoy] ny asa fanompoana ary nandeha … nanaraka an'i Isabela, ilay vehivavy janga" (Almà 39:3). Ny hoe vehivavy janga dia vehivavy maloto fitondrantena na mpivaro-tena. Takatsika avy amin'ny tenin'i Almà tamin'i Kôriantôna fa nandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena izy.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Almà 39:9. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra dia hitady izay nasain'i Almà nataon'ny zanany lahy.

- Inona no nasain'i Almà nataon'i Kôriantôna zanany lahy?
- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ny hoe "tsy handehananao intsony araka ny fitsiriritan'ny masonao"?

Hazavao fa ny fitsiriritana dia entina ilazana faniriana tsy mendrika. Ny torohevitr'i Almà hoe "tsy handehananao intsony araka ny fitsiriritan'ny masonao" dia tena azo ampiharina indrindra amin'izao androntsika izao, izay fotoana tsy maintsy hananantsika zotom-po tsy hijery ireo sary sy tsy hirona amin'ny fialamboly

pôrnôgrafika na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana. "Ny pôrnôgrafia dia izay mety ho fitaovana enti-mampiseho na mamaritra ny vatan'olombelona na ny fitondrantena eo am-panaovana firaisana ara-nofo amin'ny fomba manosika ny faniriana hanao firaisana ara-nofo" (*Ancrés dans la foi: Manuel de référence sur l'évangile* [2004], 31).

- Inona araka ny eritreritrareo no dikan'ilay ao amin'ny Almà 39:9 hoe "lavo amin'ny tenanao"? (Asao ny mpianatra hijery ny Almà 39:9, fanovozan-kevitra eny ambanin'ny pejy *b,* ao amin'ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teny anglisy. Azonao atao ny manazava fa i Môrônia dia nanome torohevitra mitovy amin'izany rehefa nampianatra izy fa tokony "holavin'ny [tenantsika] ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra" [Môrônia 10:32], izay midika fa tokony hiala amin'ny zavatra rehetra izay tsy afaka miaraka amin'ny Fanahin' Andriamanitra isika.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Asao ny mpianatra hihaino ireo fomba ahafahantsika mampiasa ny fifehezan-tena mba hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena.



"Miaraka amin'ireo sivana amin'ny solosaina ary ny fanidiana ny fiankinan'ny fo amin-javatra dia tsarovy fa ny hany tena fifehezana eo amin'ny fiainana dia ny fifehezan-tena. Mampiasà fifehezana bebe kokoa, eny na dia amin'ny fotoana ivelan'ny tokony ho izy izay atrehanao aza. Raha tsy mendrika ny fandaharana iray amin'ny fahitalavitra, dia vonoy ny fahitalavitra. Raha toy izany koa ny horonan-tsary iray dia mivoaha. Raha misy fiarahana mikorontan fahana mivelatra tsikelikely dia tapaho izany. Maro amin'ireo zavatra misarika ireo no mety tsy tena hoe ratsy aloha amin'ny voalohany, saingy afaka manova ny fahaizantsika mandanjalanja izany sy mamparefo ny fiainam-panahintsika ary mitarika any amin'ny zavatra izay mety ho ratsy. Ny ohabolana taloha iray dia milaza fa ny dia an'arivo kilaometatra dia manomboka amin'ny fanaovana dingana iray, koa mitandrema rehefa manao dingana" (Jeffrey R. Holland, "Aza manome toerana intsony ho an'ny fahavalon'ny fanahiko," *Ensign* na *Liahona,* mey 2010, 45).

- Ahoana no ahafahan'io torohevitra nomen'ny Loholona Holland io manampy antsika amin'ny ezaka ataontsika mba hampiasa fifehezan-tena sy hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena?

Azonao atao ny mizara ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny maha-zava-dehibe ny fampiasana fifehezan-tena mba hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena. Lazao fa hitahy antsika ny Tompo noho ny ezaka ataontsika mba hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena ary hamela izay olona nanao fahotana ara-pitondrantena Izy raha mitodika any Aminy amim-pinoana io olona io dia mibebaka.

Amporisiho ny mpianatra hampiasa fifehezan-tena amin'ny ezaka ataon'izy ireo mba hiaina ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena sy hijanona ho madio ara-pitondrantena.

## Fampiharana (25 minitra)

Avereno jerena miaraka amin'ny mpianatra ireo fitsipika telo ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra momba ny fifehezana fotopampianarana:* manao asa amim-pinoana, mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Zarao ho vondrona misy mpianatra roa na telo ireo mpianatra. Omeo ny tahadikan'ity torolalana manaraka ity ny vondrona tsirairay avy, ary asao izy ireo hamita ilay asa atao. (*Fanamarihana:* Mety haniry ny hampifanaraka ity toe-javatra noforonina ity amin'ny zavatra niainan'ny mpianatrao sy ny zavatra ilainy ianao ary hanolo ireo anarana amin'ny amin'ny anarana mahazatra kokoa any amin'ny toerana ipetrahanao.)

1. Vakio mafy ity toe-javatra noforonina manaraka ity dia hevero izay mety ho fomba fihetsikao raha ianao no miaina ity toe-javatra ity:
   Rehefa nipetraka tany amin'ny farany aoriana tao amin'ny kilasy fianarany biologie i Parker ary niandry ny mpampianatra hiditra dia nahatsikaritra an'i Jeff namany nampiseho ny findainy tamin'ny mpianatra. Nanitikitika an'i Parker ny hahalala ny zavatra nasehon'i Jeff an'ireo mpianatra hafa. "Tsy maintsy zavatra tena mahaliana izany," hoy izy nieritreritra. Dia nankeny amin'i Parker i Jeff mba hampiseho azy ny findainy, ary tampoka teo dia nazava tamin'i Parker fa nijery pôrnôgrafia i Jeff sy ireo hafa. "Jereo anie ity e!" hoy i Jeff. "Vao nalefan'ny namako teo ity."
2. Ifanakalozy hevitra miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto:
   - Ahoana no ahafahan'i Parker misafidy ny hanao asa amim-pinoana ao anatin'io fotoana io?
   - Nahoana no mety ho sarotra ny hanao izany?
3. Tohizo vakina mafy ilay toe-javatra noforonina.
   Avy hatrany i Parker dia nitodika tany an-kafa tsy nijery ilay findain'i Jeff ary naneho mazava tsara fa tsy te hijery ilay sary izy. Namaly i Jeff hoe: "Fa inona ity mahazo anao?" Tamin'izay indrindra no niditra tao an-dakilasy ilay mpampianatra biologie, ary nafenin'i Jeff ny findainy sady niverina haingana teny amin'ny toerany izy.
   Rehefa nanomboka ny fotoam-pianarana dia nieritreritra ny zavatra vao nitranga teo i Parker. Tsapany fa nanao ny tsara izy rehefa nitodika tany an-kafa mba tsy hijery pôrnôgrafia. Izany no nampianarin'ny ray aman-dreniny sy ireo mpitarika azy ao amin'ny Fiangonana mba hataony. Kanefa rehefa nandeha teny ny andro dia nanomboka nanontany tena i Parker hoe nahoana ny mpianatra maro hafa no toa tsy manana olana amin'ny fijerena pôrnôgrafia. Nisy fanontaniana tonga tao an-tsain'i Parker, toy ny hoe: *Fa inona no maha-ratsy ny fijerena pôrnôgrafia? Be dia be ny olona hafa mijery izany, kanefa toa tsy manelingelina azy ireo izany na mitondra olana eo amin'ny fiainany.*

Rehefa vitan'ny mpianatra ny famakiana ilay toe-javatra namboarina dia soraty eny amin'ny solaitrabe ireto lohateny roa manaraka ireto: *Zavatra inoana na petrakevitr'izao tontolo izao* sy *Fahamarinana mandrakizay.*

- Inona avy ireo zavatra inoana na petrakevitr'izao tontolo izao izay mety ananan'ny olona iray rehefa manontany hoe inona no maha-ratsy ny fampiasana ny pôrnôgrafia? (Ataovy lisitra eny amin'ny solaitrabe eo ambanin'ilay lohateny hoe "Zavatra inoana na petrakevitr'izao tontolo izao" ny

valintenin'ny mpianatra.) Mety hilaza ny mpianatra fa ny olona sasany dia mety handray ny pôrnôgrafia ho toy ny fialamboly mahazatra, mampientanentana, ary tsy mitera-doza fotsiny.)

Mba hanampiana ny mpianatra hamakafaka ny fanontanian'i Parker amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay dia mametraha fanontaniana toy izao manaraka izao ary soraty eo amin'ny solaitrabe eo ambanin'ny lohateny hoe "Fahamarinana mandrakizay" ny valintenin'ny mpianatra:

- Inona no fahamarinana momba ny drafitry ny famonjena, ny fanambadiana sy ny fianakaviana ary ny didin' Andriamanitra izay afaka manampy antsika hahatakatra ny antony tokony tsy hijerentsika pôrnôgrafia? (Mety hilaza fahamarinana hita ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* toy izao manaraka izao ny mpianatra: Ny fivoarantsika mandrakizay dia miankina amin'ny fomba hampiasantsika ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana misafidy izay nomen'ny Ray any An-danitra antsika (jereo ny lohahevitra ara-potopampianarana 2, "Ny drafitry ny famonjena"]. Masina ny vatantsika ka tokony hajaina toy ny fanomezana iray avy any amin'ny Raintsika any An-danitra [jereo ny fizarana hoe "Fiainana an-tany" ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 2, "Ny drafitry ny famonjena"]. Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tendrin' Andriamanitra, ary ny fianakaviana no ivon'ny drafitry ny famonjeny sy ivon'ny fahasambarantsika [jereo ny lohahevitra ara-potopampianarana 8, "Fanambadiana sy fianakaviana"]. Ny didy dia lalàna sy zavatra takina izay omen' Andriamanitra mba hanampiana antsika hivoatra sy ho tonga tahaka Azy [jereo ny lohahevitra ara-potopampianarana 9, "Ireo didy"].)
- Ahoana no ahafahan'ireo fahamarinana ireo manampy antsika hahatakatra ny antony nandidian'ny Ray any An-danitra antsika tsy hampiasa ny pôrnôgrafia? (Mba hiresahana izany amin'ny antsipiriany kokoa dia azonao atao ny mangataka ny mpianatra hanazava ny fomba hanimban'ny pôrnôgrafia ny fifandraisan'ny olona iray amin'ny Ray any An-danitra sy ny fomba ahafahan'izany manimba ny fanambadiana sy ny fianakaviana.)
- Inona avy ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra azontsika hitodihana ary afaka manampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny antony nandidin' Andriamanitra antsika tsy hampiasa ny pôrnôgrafia?

Mba hanomezana fahafahana ny mpianatra handalina loharanom-pahalalana iray nofidin' Andriamanitra izay azon'izy ireo ampiasaina dia omeo ny kiboky (2011) *Jeunes, soyez forts* ny mpianatra tsirairay. Manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ny fizarana hoe "Divertissements et médias (Fialamboly sy haino aman-jery)." Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny dia hitady ny torohevitra izay afaka hanampy antsika hahatakatra bebe kokoa ny antony nandidin' Andriamanitra antsika tsy hampiasa ny pôrnôgrafia. Angataho ny mpianatra hilaza ny zavatra hitany sy hampiditra ny valinteniny eo amin'ilay lisitra eo amin'ny solaitrabe.

Asao ny mpianatra iray na maromaro hamintina amin'ny mpianatra rehetra ny fomba hanazavany amin'ny teniny manokana ny antony maha-tena manan-danja ny tsy hampiasana ny pôrnôgrafia.

Farano amin'ny fizarana ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ireo fahamarinana izay nifampiresahanareo izany. Ampahatsiahivo ny mpianatra fa raha tafalatsaka ao anatin'ny pôrnografia izy ireo dia tokony hikatsaka fanampiana amin'ny alalan'ny fakana hevitra amin'ny evekany na ny filohan'ny sampana misy azy.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ity asa famerenana ity dia hanome fahafahana ny mpianatra hizatra hamaly fanontaniana amin'ny alalan'ny fampiasana ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy ireo fehezan-teny manan-danja milaza fotopampianarana izay nianaran'izy ireo. Miainga avy amin'ny habetsahan'ny soratra masina noresahana hatreto nandritra ilay taranja, dia manomana, mialoha ny fotoam-pianarana, karatra maromaro misy fanontaniana mety hapetraky ny naman'ny fiangonana iray izay azo valiana amin'ny alalan'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana. Ohatra, "Inona no inoan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonanareo momba an'i Jesoa Kristy?" na "Nahare aho fa manavakavaka ny hafa ny fiangonanareo. Marina ve izany?"

Angataho ny mpianatra hijery ao amin'ny fizarana hoe Mahazo fahalalana ara-panahy"ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Avereno jerena miaraka amin'izy ireo ireo fomba efatra azontsika hanampiana ny hafa amin'ny fitadiavan'izy ireo ny fahamarinana izay voatanisa eo amin'ny solaitrabe eo ambanin'ny lohateny hoe "Manampy ny hafa hahazo fahalalana ara-panahy."

Zarao ho tsiroaroa toy ny misiônera mpiara-miasa ny mpianatra, dia asaivo mifandimby mankeny anoloana ny vondron'olon-droa tsirairay mba hamaly fanontaniana iray. Manasà mpianatra vitsivitsy hilalao ny anjara toeran'ireo olona ao anatin'ny fianakaviana iray naman'ny Fiangonana dia hametraka fanontaniana iray avy ao amin'ny iray amin'ireo karatra amin'ireo "misiônera". Avelao ireo vondron'olon-droa hamaly ilay fanontaniana amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fomba fanampiana ny hafa hahazo fahalalana ara-panahy sy hampiasa ny soratra masina. Asao ny mpianatra rehetra hanome ny heviny momba izay zavatra tiany mikasika ny fomba namalian'ilay vondron'olon-droa ilay fanontaniana.

Avereno io dingana io mba hanomezana fahafahana ny "mpiara-miasa" tsirairay hampiasa ny fahalalana sy ny fahaiza-manaon'izy ireo ary hizatra hanampy olona hitady ny valin'ny fanontanian'izy ireo.

# Fampiharana

1. Vakio mafy ity toe-javatra noforonina manaraka ity dia hevero izay mety ho fomba fihetsikao raha ianao no miaina ity toe-javatra ity:

   Rehefa nipetraka tany amin'ny farany aoriana tao amin'ny kilasy fianarany biologie i Parker ary niandry ny mpampianatra hiditra dia nahatsikaritra an'i Jeff namany nampiseho ny findainy tamin'ny mpianatra. Nanitikitika an'i Parker ny hahalala ny zavatra nasehon'i Jeff an'ireo mpianatra hafa. "Tsy maintsy zavatra tena mahaliana izany," hoy izy nieritreritra. Dia nankeny amin'i Parker i Jeff mba hampiseho azy ny findainy, ary tampoka teo dia nazava tamin'i Parker fa nijery pôrnôgrafia i Jeff sy ireo hafa. "Jereo anie ity e!" hoy i Jeff. "Vao nalefan'ny namako teo ity."

2. Ifanakalozy hevitra miaraka ireto fanontaniana manaraka ireto:

   - Ahoana no ahafahan'i Parker misafidy ny hanao asa amim-pinoana ao anatin'io fotoana io?
   - Nahoana no mety ho sarotra ny hanao izany?

3. Tohizo vakina mafy ilay toe-javatra noforonina.

   Avy hatrany i Parker dia nitodika tany an-kafa tsy nijery ilay findain'i Jeff ary naneho mazava tsara fa tsy te hijery ilay sary izy. Namaly i Jeff hoe: "Fa inona ity mahazo anao?" Tamin'izay indrindra no niditra tao an-dakilasy ilay mpampianatra biologie, ary nafenin'i Jeff ny findainy sady niverina haingana teny amin'ny toerany izy.

   Rehefa nanomboka ny fotoam-pianarana dia nieritreritra ny zavatra vao nitranga teo i Parker. Tsapany fa nanao ny tsara izy rehefa nitodika tany an-kafa mba tsy hijery pôrnôgrafia. Izany no nampianarin'ny ray aman-dreniny sy ireo mpitarika azy ao amin'ny Fiangonana mba hataony. Kanefa rehefa nandeha teny ny andro dia nanomboka nanontany tena i Parker hoe nahoana ny mpianatra maro hafa no toa tsy manana olana amin'ny fijerena pôrnôgrafia. Nisy fanontaniana tonga tao an-tsain'i Parker, toy ny hoe: *Fa inona no maha-ratsy ny fijerena pôrnôgrafia? Be dia be ny olona hafa mijery izany, kanefa toa tsy manelingelina azy ireo izany na mitondra olana eo amin'ny fiainany.*


© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Ireo didy

*Fanamarihana:* Ireto asa atao mikasika ny fifehezana fotopampianarana ireto dia azo atao ao anatin'ny fotoam-pianarana maromaro na ao anatin'ny fotoam-pianarana iray.

## Manakatra ny fotopampianarana (80 minitra)

### Fizarana 1 (5 minitra)

Soraty eo amin'ny solaitrabe ny teny hoe *Ireo didy*.

- Amin'ny maha-mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika, araka ny eritreritrareo, dia ahoana no mety ahitantsika ny didy izay noraisintsika avy amin'ny Ray any An-danitra amin'ny fomba hafa noho izay ahitan'ny olona hafa sasany eto amin'izao tontolo izao izany?

Angataho ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezanteny voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe Ireo didy"ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asaivo manaraka ny vakiteny ny mpianatra rehetra mba hitady ireo fehezan-teny izay mamaritra ny zavatra tian'izy ireo ho takatry ny olona rehetra momba ny didin' Andriamanitra.

- Inona avy ireo fehezan-teny tianareo ho takatry ny olona rehetra momba ny didin' Andriamanitra? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia asao izy ireo hanazava ny antony hieritreretan'izy ireo fa hanan-danja amin'ny olona rehetra ny hahatakatra ireo fehezan-teny nolazain'izy ireo.)

Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy.**

Mijoroa ho vavolombelona fa ampahany manan-danja ao amin'ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any An-danitra ny didy ary ireo izay mifidy ny hitandrina ny didin' Andriamanitra dia hahatsapa fifaliana lehibe sy hahazo fitahiana lehibe avy amin'ny Tompo.

### Fizarana 2 (15 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy.*

Asao ny mpianatra hijery ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana,* dia apetraho ity fanontaniana manaraka ity:

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona no manohana io fotopampianarana io? (Môsià 2:41 sy Almà 41:10.)

Asao ny mpianatra hijery ny Môsià 2:41 dia hanisy marika amin'ny fomba miavaka io andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana io mba ho mora ho azy ireo ny mahita izany. Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny

sahan-kevitr'io andinin-tsoratra masina io dia hazavao fa mirakitra ny tenin'ny Mpanjaka Benjamina izay nolazainy tamin'ny vahoakany taloha kelin'ny nahafatesany izany.


Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 2:41. Angataho ny iray kilasy mba hanaraka ny vakiteny ka hitady ireo teny na andian-teny manohana ilay fahamarinana hoe hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy.

- Inona no teny na andian-teny manohana ilay fahamarinana hoe hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy?
- Inona no dikan'ny hoe "tahiana amin'ny zava-drehetra, na ara-nofo na ara-panahy" (Môsià 2:41)? (Ampio ny mpianatra hahatakatra fa ny teny hoe *ara-nofo* dia entina ilazana ireo lafin-javatra ara-nofo tsy maharitra eo amin'ny fiainantsika eto an-tany. Ny teny hoe *ara-panahy* dia entina ilazana ny fivoarantsika mandrakizay amin'ny maha-fanahy zanaky ny Ray any An-danitra antsika.)
- Inona avy ireo ohatra amin'ny fitahiana ara-nofo izany efa azonareo? Inona no fitahiana ara-panahy efa azonareo?

Hazavao fa ny fankatoavana ny didin' Andriamanitra dia tsy manakana antsika tsy hiaina fahasarotana, alahelo ary fakam-panahy. Na i Jesoa Kristy aza, izay nankatò tanteraka ny didin'ny Ray any An-danitra, dia niaina fahasarotana, alahelo ary fakam-panahy.

- Ahoana no mbola ahafahan'ny olona iray izay miatrika fahasarotana sy fakam-panahy hahatsapa fifaliana sy hahazo fitahiana rehefa mankatò ny didin' Andriamanitra izy?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity izay nambaran'ny Filoha Russell M. Nelson ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra hihaino izay nampianariny mikasika ny fahasambarana sy ny fifaliana.



"Afaka ny ho faly ao anatin'ny toe-javatra mitranga rehetra ny olomasina. Afaka mahatsapa fifaliana isika na dia miaina andro sarotra, herinandro sarotra, na taona sarotra mihitsy aza!

"Ry rahalahy sy anabaviko malala, zara raha misy ifandraisany amin'ny toe-javatra mitranga eo amin'ny fiainantsika ilay fifaliana tsapantsika fa tena mifandray kosa amin'izay ifantohan'ny fiainantsika izany.

"Rehefa ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra, … sy i Jesoa Kristy ary ny filazantsarany no ifantohan'ny fiainantsika dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga—na tsy mitranga—eo amin'ny fiainantsika. …

"Amin'ny fomba ahoana, noho izany, no ahafahantsika mitaky izany fifaliana izany? Azontsika atomboka amin'ny -fijerena an'i Jesoa, Tompon'ny finoantsika sy Mpanefa azy- [Hebreo 12:12] -amin'ny eritreritra rehetra- [F&F 6:36] izany. Afaka misaotra Azy isika amin'ny vavaka ataontsika sy amin'ny alalan'ny fitandremana ireo fanekempihavanana nataontsika Taminy sy ny Raintsika any An-danitra. Rehefa lasa tena misy ny Mpamonjintsika ho antsika sy rehefa mitalaho mba hanomezana antsika ilay fifaliany isika, dia hitombo ny fifaliantsika.

> "Mahery vaika ny fifaliana, ary mitondra ny herin' Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika ny fifantohana amin'ny fifaliana" (Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2016, 82).

- Inona no ohatra azonareo atolotra mikasika ny fomba nahazoanareo (na nahazoan'ny olona fantatrareo) fitahiana sy fifaliana tamin'ny alalan'ny fitandremana ny didin' Andriamanitra na dia nandritra ny fotoan-tsarotra aza?

## Fizarana 3 (10 minitra)

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ny Môsià 2:41 dia iray amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana manohana ilay fotopampianarana hoe hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy. Ivereno ny Môsià 2:41 amin'ny alalan'ny fiarahana mamaky mafy izany amin'ny mpianatra.


Hazavao fa ny Almà 41:10 dia andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray hafa izay manampy antsika hahatakatra ilay fotopampianarana hoe hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy. Asao ny mpianatra hanoratra ny *Almà 41:10* ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Môsià 2:41 mba ho soratra masina mifandray. Dia asao avy eo ny mpianatra hijery ny Almà 41:10 dia hanisy marika izany amin'ny fomba miavaka mba ho mora ho azy ireo ny mahita izany.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitry ny Almà 41:10 dia hazavao fa io andinin-tsoratra masina io dia mirakitra ny tenin'i Almà tamin'i Kôriantôna zanany lahy, izay nandika ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena nandritra ny naha-misiônera azy.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Almà 41:10. Asao ny mpianatra hanaraka ny vakiteny dia hitady ny zavatra nampianarin'i Almà ny zanany lahy momba ny faharatsiana.

- Inona no nampianarin'i Almà an'i Kôriantôna mikasika ny faharatsiana?
- Araka ny eritreritrareo dia nahoana no lazaina fa "ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana" (Almà 41:10)?
- Ahoana no mampitombina ilay fitsipika hoe "ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana" (Almà 41:10) kanefa ireo olona tsy mankatò ny didin' Andriamanitra dia hita toy ny hoe faly?

Asao ny mpianatra iray hamaky ity teny manaraka nolazain'ny Russell M. Nelson ity. Asao ny mpianatra rehetra hihaino izay nampianariny mikasika ny tena fahasambarana na ny tena fifaliana.



"Ny olona tsy marina dia mety hiaina karazana fihetseham-po sy fahatsapana maro, kanefa tsy hiaina fifaliana na oviana na oviana! Fanomezana ho an'izay mahatoky ny fifaliana. Izany no fanomezana izay tonga avy amin'ny fiezahana amin'ny nahim-po mba hiaina fiainana araka ny fahamarinana, araka ny nampianaran'i Jesoa Kristy" (Russell M. Nelson, "Fifaliana sy fahavelomana ara-panahy," 84).

- Inona araka ny eritreritrareo no maha-samy hafa ny fifaliana tsapantsika avy amin'ny fiainana ny filazantsara amin'ny fihetseham-po sy ny fahatsapana mety ho tsapan'ny olona rehefa tsy mankatò ny didin' Andriamanitra izy ireo?

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao fa ny faharatsiana dia tsy fahasambarana na oviana na oviana. Asao ny mpianatra hanoratra ny *Môsià 2:41* ao amin'ny soratra masiny eo akaikin'ny Almà 41:10 mba ho soratra masina mifandray.

### Fizarana 4 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Hitondra fahasambarana sy fitahiana avy amin'ny Tompo mandrakariva ny fitandremana ny didy.*

Asio faribolana manodidina ny teny hoe *mandrakariva* ao amin'ilay fehezan-teny milaza fotopampianarana eo amin'ny solaitrabe, dia asao ny mpianatra hanao izany koa ao amin'ny andiam-pehezan-teny voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy" ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.*

Hazavao fa raha toa ka mirotsaka eo no ho eo ny fitahiana sasany avy amin'ny fankatoavana dia mety tsy hirotsaka avy hatrany kosa aorian'ny hankatoavana didy iray ny fitahiana sasany fa mitaky fankatoavana tsy tapaka mandritra ny fotoana maharitra.

- Nahoana araka ny eritreritrareo no zava-dehibe ny mahatakatra fa ny sasany amin'ireo fitahiana nampanantenain' Andriamanitra noho ny fankatoavana dia mety tsy hirotsaka eo amintsika eo no ho eo?

Asao ny mpianatra iray hamaky ity teny manaraka ity, izay nolazain'ny Loholona Quentin L. Cook ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Asao ny mpianatra hihaino izay nampianariny mikasika ny fitahiana avy amin'ny fankatoavana.



"Amin'ny fomba fijerintsika izay voafetra dia toa manintona ireo fakam-panahy sy ireo fialamboly amin'izao fotoana izao. Ny valisoa ho azo noho ny fanoherana ireo fakam-panahy ireo etsy andaniny, dia mety azo lazaina ho lavitra sy tsy azo tratrarina. Saingy ny fahatakarana marina ny drafitry ny Ray dia manambara fa ny valisoan'ny fahamarinan'ny tena dia afaka ny ho azo izao dia izao" (Quentin L. Cook, "Milamina sy manaraka fomba eto Bristol: aoka ianao ho mendrika ny ho any amin'ny tempoly, amin'ireo fotoana milamina sy fotoan-tsarotra," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2015, 40).

- Inona araka ny eritreritrareo ny sasantsasany amin'ireo fitahiana afaka ny ho azontsika izao dia izao rehefa mankatò ny didin' Andriamanitra isika? (Ny sasany amin'ireo fitahiana ireo dia ahitana ny fananana ny Fanahy Masina ho namana, ny fahatsapana ho akaikin'ny Tompo, ary ny fahazoana ny fitarihan' Andriamanitra, ny fahatsapana fiadanana, fahasalamana, fiarovana amin'ny fakam-panahy, fiarovana amin'ny loza ara-batana, fivoaran'ny tena manokana, fahasambarana ary fifaliana.)

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ity teny manaraka ity, izay nolazain'ny Lolohona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



"Ny fitahiana sasany dia vetivety dia mirotsaka, ny sasany somary taraiky, ary ny sasany kosa dia tsy mirotsaka mihitsy raha tsy any an-danitra; fa ho an'ireo izay manaiky ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy, *dia mirotsaka ihany izy ireo.* Mijoro ho vavolombelona manokana ny amin'izany aho" (Jeffrey R. Holland, "An High Priest of Good Things to Come," *Ensign,* nôv. 1999, 38).

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona anananao fa hitondra fahasambarana sy fifaliana avy amin'ny Tompo *mandrakariva* ny fitandremana ny didy. Ny sasantsasany amin'ireo fitahiana ireo dia mety ho tonga eo amintsika avy hatrany. Ho tonga any aoriana ny fitahiana hafa, fa ho tonga izy ireo.

## Fizarana 5 (10 minitra)

Asao ny mpianatra hieritreritra zavatra niainana izay nahatsapan'izy ireo fa sarotra ho azy ireo ny nanaraka na nankatò ny didy, na ny fenitra, na ny torohevitra avy amin'ny mpaminany na ny apôstôly iray. (Aza asaina mizara ny valinteniny ny mpianatra.)

Hazavao fa ny 1 Nefia 3:7 dia andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana izay afaka manampy antsika amin'ny fotoana izay mety hahatsapantsika fa sarotra ankatoavina ny didy iray. Asao ny mpianatra hanisy marika ny 1 Nefia 3:7 amin'ny fomba miavaka mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izay misy izany.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny sahan-kevitr'io andininy io dia hazavao fa nandidy an'i Lehia ny Tompo mba haniraka ireo zanany hiverina tany Jerosalema mba haka ireo takela-barahina tany amin'i Labàna. Nimonomonona ireo rahalahin'i Nefia noho ny fahasarotan'ilay asa, saingy naneho ny finoany ny valintenin'i Nefia.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny 1 Nefia 3:7 Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ny zavatra takatr'i Nefia momba ny didy ka nanome azy ny finoana nilainy mba hankatò ny didin'ny Tompo kanefa tsy nimonomonona.

- Inona no nampianarin'i Nefia momba ny didin' Andriamanitra? (Rehefa avy mamaly ny mpianatra dia asao izy ireo hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ny andiam-pehezan-teny voalohany ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy," ao amin'ny bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Tsy**

**hanome didy ho antsika Andriamanitra raha tsy efa nanomana lalana ho antsika mba hankatoavantsika izany.**)

Asao ny mpianatra hamintina ireo ezaka telo nataon'i Nefia sy ireo rahalahiny mba hahazoana ireo takela-barahina. (Raha ilaina dia ampahatsiahivo azy ireo fa tsy nahomby ireo ezaka roa voalohany mba hahazoana ireo takelaka. Tamin'ilay ezaka fahatelo dia notarihin'ny Fanahy i Nefia ary nomanin'ny Tompo ny lalany mba hahazoana ireo takelaka.)

- Araka ny eritreritrareo dia ahoana no nanampian'ny fahatakaran'i Nefia ilay fahamarinana nampianariny ao amin'ny 1 Nefia 3:7 azy hanohy ny ezaka nataony mba hahazoana ireo takela-barahina na dia efa tsy nahomby aza ireo ezaka roa voalohany?
- Nahoana no afaka manampy olona amin'izao fotoana izao ny fahatakarana io fahamarinana io?

Asao ny mpianatra hisaintsaina ny fomba nanomanan'ny Tompo ny lalana ho azy ireo mba hitandrina ny iray amin'ireo didiny. Manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny zavatra niainan'izy ireo amin'ny iray kilasy.

Mijoroa ho vavolombelona fa hanomana lalana ho antsika ny Tompo mba hitandremana ny didy rehetra omeny antsika.

### Fizarana 6 (10 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto: *Inona avy araka ny eritreritrareo ireo didy roa lehibe indrindra (na didy roa fototra sy manan-danja indrindra) amin'ny didin'ny Ray any An-danitra rehetra? Nahoana?*

Zarao ho tsiroaroa ny mpianatra dia angataho izy ireo hiresaka amin'ny mpiara-miasa aminy momba ny valinteniny ho an'ireo fanontaniana ireo. Rehefa avy niresaka ny valinteniny izy ireo dia manasà mpianatra vitsivitsy hilaza ny valinteniny amin'ny mpianatra rehetra.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny andiam-pehezanteny 2 ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe, "Ireo didy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Mialoha ny hamakian'ny mpianatra izany dia hazavao fa ity andiam-pehezanteny ity dia mitanisa ny tenin'i Jesoa Kristy ao amin'ny Matio 22:36–39, izay hanambarany ireo didy roa lehibe indrindra, na didy roa fototra sy manan-danja indrindra. Asao ny iray kilasy hanaraka ny vakiteny ka hikaroka ireo didy roa "lehibe".

- Inona avy ireo didy roa lehibe indrindra?
- Nahoana araka ny eritreritrareo no didy lehibe indrindra ny fitiavana an' Andriamanitra amin'ny fontsika rehetra, ny fanahintsika rehetra, ary ny saintsika rehetra, sy ny fitiavana ny hafa tahaka ny tenantsika?
- Inona no ifandraisan'ireo didy roa ireo?

Asao ny mpianatra hanisy marika ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity ao amin'ilay bokiny hoe *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* **Afaka mitia sy manompo an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fisafidianana ny hitia sy hanompo ny hafa.**

- Andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana inona no manohana io fotopampianarana io? (Môsià 2:17 sy Môrônia 7:45, 47–48.)

Asao ny mpianatra hanisy marika ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana Môsià 2:17 amin'ny fomba miavaka mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izay misy izany. Hazavao fa io andinin-tsoratra masina io dia mirakitra ny teny nolazain'ny Mpanjaka Benjamina tamin'ny vahoakany rehefa nanoritsoritra ny asa fanompoana nataony tamin'izy ireo izy.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môsià 2:17. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra dia hitady ireo teny na andian-teny izay mampianatra fa afaka mitia sy manompo an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fisafidianana hitia sy hanompo ny hafa. Asao ireo mpianatra hizara ny zavatra hitan'izy ireo.

- Araka ny eritreritrareo dia amin'ny fomba ahoana no hanompoantsika an' Andriamanitra rehefa manompo ny hafa isika?
- Oviana ianareo no nahatsapa ho nanompo an' Andriamanitra rehefa nanompo olona hafa?

Mijoroa ho vavolombelona fa rehefa manompo ny hafa isika dia manompo an' Andriamanitra ihany koa.

### Fizarana 7 (15 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe ity fehezan-teny milaza fotopampianarana manaraka ity: *Afaka mitia sy manompo an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fisafidianana ny hitia sy hanompo ny hafa.*

Ampahatsiahivo ny mpianatra fa ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana Môsià 2:17 sy Môrônia 7:45, 47–48 dia samy manohana io fotopampianarana io.

Asao ny mpianatra hanisy marika ny Môrônia 7:45, 47–48 amin'ny fomba miavaka mba ho mora amin'izy ireo ny mahita izay misy izany. Hazavao fa i Môrônia dia nirakitra ireo teny nolazain'i Môrmôna rainy momba ny finoana sy ny fanantenana ary ny fiantrana ao amin'ny Môrônia 7.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môrônia 7:47. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra dia hitady izay nolazain'i Môrmôna fa atao hoe fiantrana.

- Araka ny voalazan'io andininy io dia inona no atao hoe fiantrana? (Ny fitiavana madion'i Kristy.)

Hazavao fa ny tenin'i Môrmôna momba ny fiantrana dia afaka manampy antsika hahafantatra ny fomba hitiavana sy hanompoana an' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fanompoana ny hafa tahaka izay nataon'ny Mpamonjy.

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môrônia 7:45. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra mba hitady ireo toetra tsara hanjary ananan'ny olona iray raha feno fiantrana izy. Asao ny mpianatra mba hanisy marika ireo toetra tsara tian'izy ireo hananana manokana.

- Inona amin'ireo toetra tsara ao amin'ny andininy 45 no tianareo hananana indrindra? Nahoana?

Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ny Môrônia 7:48. Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra rehetra dia hitady ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba ho feno fiantrana.

- Araka ny Môrônia 7:48, inona no tsy maintsy ataontsika mba ho feno fiantrana?
- Nahoana araka ny eritreritrareo no afaka manampy antsika ho feno ny fitiavan'i Jesoa Kristy ny fivavahana amin'ny herin'ny fontsika manontolo sy ny fikatsahana ho lasa mpanara-dia Azy marina?
- Araka ny hevitrareo, nahoana ny Môrônia 7:45, 47–48 no andalan-tsoratra masina tsara hanampiana antsika hahatakatra ilay fotopampianarana fa afaka mitia sy manompo an' Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny fifidianana ny hitia sy hanompo ny hafa?

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona ananananao momba ny maha-zava-dehibe ny fananana fiantrana ny hafa. Azonao atao ny mizara zavatra niainana izay namenoana anao tamin'ny fitiavana madion'i Kristy rehefa nifanerasera tamin'ny olona iray hafa ianao.

Asao ny mpianatra hamerina hijery ny Môrônia 7:45 sy hanoratra ao amin'ny kahie fandraisany an-tsoratra ao an-dakilasy na ny diary fandalinany, fomba manokana iray hikatsahan'izy ireo fananana fiantrana lehibe kokoa ho an'ny hafa.

### Fizarana 8 (5 minitra)

Manasà mpianatra maromaro hifandimby hamaky mafy ireo andiam-pehezanteny 3–5 ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy," ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana.* Asao hanaraka ny vakiteny ny mpianatra dia hitady didy iray voalaza ao amin'ireo andiam-pehezan-teny ireo, izay maha-feno fankasitrahana azy ireo indrindra.

- Inona ny didy iray voalaza ao amin'ireo andiam-pehezan-teny ireo ka maha-feno fankasitrahana anareo indrindra? (Rehefa mamaly ny mpianatra dia asao izy ireo hanazava ny antony maha-feno fankasitrahana azy ireo noho ilay didy nolazain'izy ireo.)

Zarao ny fijoroana ho vavolombelona ananananao momba ny didy sy ny antony maha-feno fankasitrahana anao noho ny amin'izy ireny.

## Fampiharana (40–50 minitra)

Azo tanterahina ao anatin'iny fotoam-pianarana iray iny ihany ireo asa atao ireo na mandritra ireo fotoam-pianarana manaraka fa miankina amin'ny fandaharam-potoanao sy ny zavatra ilain'ny mpianatrao.

### Fampiasana 1 (20–25 minitra)

Soraty eny amin'ny solaitrabe izao manaraka izao: *Mahafantatra olona be dia be mandika ireo didy aho kanefa toa tsara be ny fiainan'izy ireo. Tena tsy maintsy mitandrina ny didy ve ianao mba ho faly?*

Asao ny mpianatra haka sary an-tsaina hoe manana namana iray nametraka io fanontaniana io taminy izy ireo. Asao izy ireo hieritreritra ny fomba hamalian'izy ireo izany, amin'ny alalan'ny fampiasana ny zavatra nianaran'izy ireo nandritra ny

fandalinany ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy," sy ireo fitsipika telo avy ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" ao amin'ny *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana:* manao asa amim-pinoana, mamakafaka ireo hevi-dehibe sy fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay, ary mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.

Mba hanampiana ny mpianatra hahatakatra ny fomba azon'izy ireo hamaliana io fanontaniana io dia omeo ity taratasy zaraina ity ny mpianatra tsirairay. Asao izy ireo hanoratra ny valinteniny amin'ilay fanontaniana ao amin'ilay taratasy nozaraina.

1. Ahoana no ahafahanao mamporisika an'ilay namanao hanao asa amim-pinoana?
2. Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao mba hamakafaka ilay fanontaniany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay? Ohatra:
   - Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao hieritreritra ireo fahasamihafana misy eo amin'ny fahafinaretana mandalo sy ny fahasambarana maharitra?
   - Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao hahatakatra ny fomba hitondran'ny fankatoavana ny didy fahasambarana maharitra sy ny fomba hitondran'ny tsy fankatoavana alahelo amin'ny farany?
   - Inona no fotopampianarana na ny fahamarinana ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy" ao amin'ny Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana izay tianao hozaraina amin'ny namanao? Nahoana?
3. Inona no soratra masina na loharanom-pahalalana hafa nofidin' Andriamanitra izay tianao hozaraina amin'ny namanao? Nahoana?

Rehefa ampy ny fotoana niasana dia zarao ho tsiroaroa ireo mpianatra ary asao izy ireo hilalao an-tsehatra ny resaka iray mety hifanaovan'izy ireo amin'ny namana iray izay nametraka io fanontaniana io tamin'izy ireo. Asao izy ireo hampiasa ny zavatra nosoratany mba hanampy azy ireo rehefa mandray anjara amin'ilay filalaovana an-tsehatra izy ireo. Rehefa afaka minitra vitsy dia asao ny mpianatra hampifamadika ny anjara izay lalaoviny dia hilalao an-tsehatra indray.

Rehefa vita ilay filalaovana an-tsehatra dia asao ny mpianatra hametraka fanontaniana na hizara ny hevi-baovao voarain'izy ireo rehefa nandray anjara tamin'ity fampiasana ity izy ireo.

Asao ny mpianatra iray na mihoatra izany mba hizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany mikasika ny fomba nitondran'ny fankatoavana ny didy fifaliana sy fitahiana avy amin'ny Tompo teo amin'izy ireo.

### Fampiasana 2 (20–25 minitra)

Vakio mafy ity toe-javatra noforonina manaraka ity:

Alaivo sary an-tsaina hoe nitsikera anao noho ny finoanao ny iray tamin'ireo mpiara-mianatra aminao nandritra ny resadresaka nifanaovanao tamin'ny sasany tamin'izy ireo. Rehefa niezaka namaly ianao dia tsy tena nihaino tsara ilay olona iray ka nitsikera anao bebe kokoa aza. Nandratra anao ilay tsikera, nahatsapa ho tezitra ianao tao anatinao, ary niteny zavatra ratsy namaliana izany. Taorian'izay dia

nanenenanao ny zavatra niseho ka dia nanomboka nanontany tena ianao raha toa ka tokony hiezaka hanafina ny finoanao amin'ny hafa amin'ny manaraka.

Zarao ho vondrona kely ahitana olona roa na telo ny mpianatra dia omeo ity taratasy zaraina manaraka ity ny mpianatra tsirairay. Hazavao fa ilay taratasy zaraina dia hanampy azy ireo hieritreritra ny fomba hampiharana ireo fitsipika telo ao amin'ny Mahazo fahalalana ara-panahy ao anatin'ny toe-javatra iainana tahaka ilay iray izay novakinao. Asao ny mpianatra hiara-hiasa ao amin'ny vondrona misy azy mba hamitana ity asa atao ity.

**Ahoana no ahafahako miaro sy manaraka tsara ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara izay inoako sy maneho fitiavana ny hafa izay manana zavatra inoana tsy mitovy amin'ny ahy?**

Ifanakalozy hevitra ny fomba ahafahanao mamaly ilay fanontaniana etsy ambony amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitsipika sy fanontaniana ambara etsy ambany:

*Manao asa amim-pinoana:*

- Raha mametraka io fanontaniana io ianao dia inona avy ireo fomba azonao hanaovana asa amim-pinoana?

*Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay:*

- Ahoana no ahafahanao mikatsaka ny hanana fomba fijery mibanjina ny mandrakizay rehefa mifanerasera amin'ny olona izay tsy mitovy hevitra aminao ianao na sarotra aminao ny mitia azy? Nahoana no zava-dehibe ny manao izany araka ny eritreritrao?

*Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra:*

- Ahoana no ahafahan'ilay fotopampianarana ampianarina ao amin'ny Môrônia 7:45, 47–48 manampy anao hahafantatra ny fomba hamaliana ilay fanontaniana?
- Inona no soratra masina hafa na fampianaran'ny mpaminany sy ireo mpitarika hafa ao amin'ny Fiangonana afaka manampy anao hahita ny valin'io fanontaniana io?

Raha mila fanampiana ny mpianatra amin'ny fitadiavana loharanom-pahalalana fanampiny nofidin' Andriamanitra izay afaka manampy azy ireo hamaly ilay fanontaniana ao amin'ilay taratasy nozaraina, dia asao izy ireo hamaky ny lahateny nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 2014 mitondra ny lohateny hoe "Fitiavana ny hafa sy fiainana ao anatin'ny fahasamihafana" (*Ensign* na *Liahona,* nôv. 2014, 25–28).

Rehefa avy nomena fotoana sahaza hamitàna io asa nampanaovina io ireo mpianatra, dia asao ny mpianatra vitsivitsy hizara amin'ny mpianatra rehetra ny zavatra noresahany .

Azonao atao ny mamarana ity fampiasana ity amin'ny alalan'ny famakiana ity teny manaraka izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity:



"Ry namako, indrindra ianareo tanora namako, mahereza. Ny fitiavana madio tahaka ny an'i Kristy izay ateraky ny fahamarinan-toetra marina dia afaka manova izao tontolo izao. …

"Aoka ianareo hatanjaka. Aoka ianareo hiaina amim-pahatokiana ny filazantsara na dia tsy miaina izany mihitsy aza ireo manodidina anareo. Arovy amim-panehoana fahalalam-pomba sy indrafo ny finoanareo, kanefa mba tena arovy izany" (Jeffrey R. Holland, "Ny Sarany efaina—sy ireo Fitahiana azo—amin'ny maha-mpianatr'i Kristy," *Ensign* na *Liahona,* Mey 2014, 8–9).

Mijoroa ho vavolombelona momba ny maha-zava-dehibe ny fitiavana ny hafa na dia amin'ny fotoana hiarovantsika mafy ny finoantsika aza. Asao ny mpianatra hisaintsaina ny fomba hikatsahany hampiasa ny zavatra nianarany tato amin'ity fampiasana ity mba hiarovana ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara izay inoany amin'ny fomba feno fitiavana sy tahaka izay nataon'i Kristy.

## Famerenana ny fifehezana fotopampianarana

Ity asa famerenana ity dia afaka manampy ny mpianatra hahatakatra sy hampihatra ireo fehezan-teny milaza fotopampianarana izay tohanan'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Ampiasao ity asa famerenana ity rehefa akaiky hifarana ity taranja ity, rehefa avy mandalina ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana rehetra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ny mpianatra.

Asehoy ity teny manaraka nolazain'ny Filoha Boyd K. Packer (1924–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ity. Asao ny mpianatra iray hamaky mafy ilay teny nambara.



"Ny fotopampianarana marina rehefa takatra dia manova ny toetra sy ny fitondrantena.

"Hanatsara haingana kokoa ny fitondrantena ny fandalinana ny fotopampianaran'ny filazantsara noho ny fandalinana ny momba ny fitondrantena mba hoentina hanatsarana ny fitondrantena" (Boyd K. Packer, "Little Children," *Ensign,* nôv. 1986, 17).

Hazavao fa ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana tsirairay dia mirakitra fotopampianarana marina izay, rehefa takatra, dia manampy antsika hiova sy ho tonga bebe kokoa tahaka an'i Jesoa Kristy sy ny Raintsika any An-danitra. Soraty eo amin'ny solaitrabe ireto fanontaniana manaraka ireto, na omeo ny mpianatra amin'ny taratasy zaraina izany:

- *Inona no fotopampianarana raketin'io soratra masina io izay, raha takatra, dia hanova ny fihetsika na ny fitondrantenan'ny olona iray?*

- *Raha tena mahatakatra marina ilay fotopampianarana tohanan'io soratra masina io ny olona iray dia inona no mety ho fiantraikan'izany eo amin'ny fihetsiny na ny fitondrantenany?*
- *Nahoana araka ny eritreritrao no hanana fiantraikany toy izany ny fahatakarana ilay fotopampianarana?*
- *Niova toy ny ahoana ny fihetsika na ny fitondrantenanao vokatry ny fahatakarana io fotopampianarana io?*

Angataho ny mpianatra tsirairay ao an-dakilasy mba hifidy andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana iray avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Na afaka manoratra toko sy andininy amin'ny taratasy lavalava kely ianao dia mangataka ny mpianatra hifidy iray izay sendra ny tanany. Asao ny mpianatra hamaky ny andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana azony ary hiomana hizara ny valinteniny ho an'ireo fanontaniana efatra etsy ambony.

Rehefa avy nomena fotoana ampy nanaovana izany ny mpianatra dia zarao ho tsiroaroa izy ireo. Asao izy ireo hamaky ny andinin-tsoratra masina azony miaraka amin'ny mpiara-miasa aminy dia hamaly ireo fanontaniana avy eo. Manasà mpianatra vitsivitsy hizara ny valinteniny amin'ny mpianatra rehetra.

Mijoroa ho vavolombelona fa ireo fotopampianarana nampianarina ao amin'ireo andalan-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia afaka manana fiantraikany mahery vaika eo amin'ny fitondrantenantsika raha maka fotoana handalinana sy hanakarana marina ny hevitr'izy ireny isika. Asao ny mpianatra hikatsaka ny hampihatra tsaratsara kokoa ny iray amin'ireo fotopampianarana niverenan'izy ireo nojerena nandritra ity asa natao ity.

# Fampiharana

1. Ahoana no ahafahanao mamporisika an'ilay namanao hanao asa amim-pinoana?

2. Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao mba hamakafaka ilay fanontaniany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay? Ohatra:

   - Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao hieritreritra ireo fahasamihafana misy eo amin'ny fahafinaretana mandalo sy ny fahasambarana maharitra?

   - Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao hahatakatra ny fomba hitondran'ny fankatoavana ny didy fahasambarana maharitra sy ny fomba hitondran'ny tsy fankatoavana alahelo amin'ny farany?

   - Inona no fotopampianarana na ny fahamarinana ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy" ao amin'ny Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana izay tianao hozaraina amin'ny namanao? Nahoana?

3. Inona no soratra masina na loharanom-pahalalana hafa nofidin' Andriamanitra izay tianao hozaraina amin'ny namanao? Nahoana?


# Fampiharana

1. Ahoana no ahafahanao mamporisika an'ilay namanao hanao asa amim-pinoana?

2. Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao mba hamakafaka ilay fanontaniany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay? Ohatra:

   - Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao hieritreritra ireo fahasamihafana misy eo amin'ny fahafinaretana mandalo sy ny fahasambarana maharitra?

   - Ahoana no ahafahanao manampy ilay namanao hahatakatra ny fomba hitondran'ny fankatoavana ny didy fahasambarana maharitra sy ny fomba hitondran'ny tsy fankatoavana alahelo amin'ny farany?

   - Inona no fotopampianarana na ny fahamarinana ao amin'ny lohahevitra ara-potopampianarana 9 hoe "Ireo didy" ao amin'ny Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana izay tianao hozaraina amin'ny namanao? Nahoana?

3. Inona no soratra masina na loharanom-pahalalana hafa nofidin' Andriamanitra izay tianao hozaraina amin'ny namanao? Nahoana?




© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA

# Practice Exercise

**How can I stand firm in the gospel truths I believe in and show love for others whose beliefs are different than mine?**

Discuss how you could respond to the question above by using the principles and questions outlined below:

*Act in faith:*

- If you were asking that question, what are some ways you could act in faith?

*Examine concepts and questions with an eternal perspective:*

- How can you seek to have an eternal perspective when interacting with people you may disagree with or are difficult for you to love? Why do you think this is important to do?

*Seek further understanding through divinely appointed sources:*

- How could the doctrine taught in Moroni 7:45, 47–48 help you know how to respond to the question?

- What other scriptures or teachings of prophets and other Church leaders could help you find answers to this question?



© 2017 BY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ALL RIGHTS RESERVED.

# Tovana: Bokin'i Môrmôna: sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana fifehezana fotopampianarana

Ny torolalana fandaminana ny fotoana izay naroso ao amin'ny Torolalana ho an'ny mpampianatra dia natao ho an'ireo mpampianatra te hampianatra ny Fifehezana Fotopampianarana amin'ny ampahany kelikely mandritra ny andro maromaro isan-kerinandro.

Ity torolalana fandaminana ny fotoana manaraka ity dia natao ho an'ireo mpampianatra te hampiasa ny fotoam-pampianarana iray manontolo mba hampianarana ny lesona Fifehezana Fotopampianarana tsirairay. Mba hanatontosana izany, ilay torolalana fandaminana ny fotoana dia manolo-kevitra fa amin'ireo andro voatondro dia hakambana ao anatin'ny fotoam-pampianarana iray ny lesona roa avy ao amin'ny soratra masina. Izany dia mamela ny fampidirana ireo lesona momba ny Fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sady mbola mihazona ny fitambaran'ny andro hampianarana ho 160. Raha toa ka misafidy ny hampiasa io fomba io ianao dia mila manapa-kevitra hoe inona amin'ny ampahan'ireo lesona nakambana no ampianarina ary inona ny ampahany hofintinina mba samy ho tafiditra ao anatin' ny fotoam-pampianarana iray ireo lesona roa.

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 1 | Andro 1: Lesona 1 Pejin-dohateny, sy Teny Fanolorana, ary Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo sy Vavolombelona Valo<br>Andro 2: Lesona 2 Fandalinana ny Soratra Masina<br>Andro 3: Lesona 3 Ny andraikitry ny mpianatra<br>Andro 4: Lesona 4 Ny Drafitry ny Famonjena<br>Andro 5: Lesona 5 Topimaso mikasika ny Bokin'i Môrmôna | Pejin-dohateny, sy Teny Fanolorana, ary ny Teny Vavolombelon'ireo Vavolombelona Telo sy Vavolombelona Valo |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 2 | Andro 1: Mahazo fahalalana ara-panahy (Fizarana 1)<br>Andro 2: Mahazo fahalalana ara-panahy (Fizarana 2—"Ireo fitsipika izay afaka manampy antsika hamaly fanontaniana," "Manao asa amim-pinoana," "Mamakafaka ireo hevi-dehibe sy ireo fanontaniana amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay," ary "Mikatsaka fahatakarana bebe kokoa amin'ny alalan'ireo loharanom-pahalalana nofidin' Andriamanitra.")<br>Andro 3: Lesona 6 1 Nefia 1<br>Andro 4: Lesona 7 1 Nefia 2<br>Andro 5: Lesona 8 1 Nefia 3–4 | 1 Nefia 1–4 |
| 3 | Andro 1: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 2: Lesona 9 1 Nefia 5:19; Lesona 10 1 Nefia 6; 9<br>Andro 3: Lesona 11 1 Nefia 7<br>Andro 4: Lesona 12 1 Nefia 8<br>Andro 5: Lesona 13 1 Nefia 10–11 | 1 Nefia 5–11 |
| 4 | Andro 1: Lesona 14 1 Nefia 12–13<br>Andro 2: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 3: Mahazo fahalalana ara-panahy (Fizarana 2—"Famerenana ny fifehezana fotopampianarana" [20 minitra] ary ny fotoana azo hanamboarana ny fampianarana)<br>Andro 4: Lesona 15 1 Nefia 14<br>Andro 5: Lesona 16 1 Nefia 15 | 1Nefia 12–15 |
| 5 | Andro 1: Lesona 17 1 Nefia 16<br>Andro 2: Lesona 18 1 Nefia 17; Lesona 19 1 Nefia 18<br>Andro 3: Lesona 20 1 Nefia 19; Lesona 21 1 Nefia 20–22<br>Andro 4: Ny Andriamanitra (Fizarana 1–4)<br>Andro 5: Lesona 22 2 Nefia 1 | 1 Nefia 16–2 Nefia 1 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 6 | Andro 1:  Lesona 23   2 Nefia 2 (Fizarana 1)<br>Andro 2:  Lesona 24   2 Nefia 2 (Fizarana 2)<br>Andro 3:  Lesona 25   2 Nefia 3<br>Andro 4:  Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana)<br>Andro 5:  Ny Andriamanitra (Fizarana 5–8) | 2 Nefia 2–3 |
| 7 | Andro 1:  Lesona 26   2 Nefia 4<br>Andro 2:  Lesona 27   2 Nefia 5; Lesona 28   2 Nefia 6–8<br>Andro 3:  Lesona 29   2 Nefia 9:1–26<br>Andro 4:  Lesona 30   2 Nefia 9:27–54; 10<br>Andro 5:  Lesona 31   2 Nefia 11; 16 | 2 Nefia 4–11,16 |
| 8 | Andro 1:  Ny Andriamanitra ("Fampiharana" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 2:  Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 3:  Lesona 32   2 Nefia 12–15<br>Andro 4:  Lesona 33   2 Nefia 17–20; Lesona 34   2 Nefia 21 –24<br>Andro 5:  Lesona 35   2 Nefia 25 | 2 Nefia 12–15, 17–25 |
| 9 | Andro 1:  Lesona 36   2 Nefia 26<br>Andro 2:  Lesona 37   2 Nefia 27<br>Andro 3:  Ny drafitry ny famonjena (Fizarana 1–5)<br>Andro 4:  Lesona 38   2 Nefia 28; Lesona 39   2 Nefia 29–30<br>Andro–5:  Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana | 2 Nefia 26–30 |
| 10 | Andro 1:  Lesona 40   2 Nefia 31<br>Andro 2:  Lesona 41   2 Nefia 32<br>Andro 3:  Lesona 42   2 Nefia 33<br>Andro 4:  Ny drafitry ny famonjena ("Fampiharana" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 5:  Lesona 43   Jakôba 1–2:11 | 2 Nefia 31–Jakôba 2:11 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 11 | Andro 1: Lesona 44 Jakôba 2:12–35<br>Andro 2: Lesona 45 Jakôba 3–4<br>Andro 3: Lesona 46 Jakôba 5:1–51<br>Andro 4: Lesona 47 Jakôba 5:52–77; 6<br>Andro 5: Lesona 48 Jakôba 7 | Jakôba 2:12–7:27 |
| 12 | Andro 1: Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (Fizarana 1–4)<br>Andro 2: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 3: Lesona 49 Enôsa<br>Andro 4: Lesona 50 Jarôma sy Ômnia<br>Andro 5: Lesona 51 Tenin'i Môrmôna–Môsià 1 | Enôsa–Môsià 1 |
| 13 | Andro 1: Lesona 52 Môsià 2<br>Andro 2: Lesona 53 Môsià 3<br>Andro 3: Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (Fizarana 5–9)<br>Andro 4: Lesona 54 Môsià 4<br>Andro 5: Lesona 55 Môsià 5–6 | Môsià 2-Môsià 6 |
| 14 | Andro 1: Lesona 56 Môsià 7–8<br>Andro 2: Lesona 57 Môsià 9–10; Lesona 58 Môsià 11:1–12:17<br>Andro 3: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 4: Lesona 59 Môsià 12:18–14:12<br>Andro 5: Lesona 60 Môsià 15–17 | Môsià 7-Môsià 17 |
| 15 | Andro 1: Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (Fizarana 10–12 sy "Fampiharana 1")<br>Andro 2: Lesona 61 Môsià 18<br>Andro 3: Lesona 62 Môsià 19–20<br>Andro 4: Lesona 63 Môsià 21–22<br>Andro 5: Lesona 64 Môsià 23–24; Lesona 65 Môsià 25 | Môsià 18–25 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 16 | Andro 1: Lesona 66 Môsià 26<br>Andro 2: Lesona 67 Môsià 27; Lesona 68 Môsià 28–29<br>Andro 3: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (fotoam-pianarana tsara hanatanterahana ny fitsapam-pahaizana momba ny 1 Nefia 1–Almà 16)<br>Andro 4: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (fotoam-pianarana tsara hanaovana famerenana mikasika ny fitsapam-pahaizana momba ny 1 Nefia 1–Almà 16)<br>Andro 5: Lesona 69 Almà 1–2; Lesona 70 Almà 3–4 | Môsià 26–Almà 4 |
| 17 | Andro 1: Lesona 71 Almà 5:1–36<br>Andro 2: Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ("Fampiharana 2" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 3: Lesona 72 Almà 5:37–62<br>Andro 4: Lesona 73 Almà 6–7<br>Andro 5: Lesona 74 Almà 8; Lesona 75 Almà 9–10 | Almà 5–10 |
| 18 | Andro 1: Lesona 76 Almà 11; Lesona 77 Almà 12<br>Andro 2: Lesona 78 Almà 13<br>Andro 3: Lesona 79 Almà 14<br>Andro 4: Lesona 80 Almà 15–16<br>Andro 5: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (fiafaran'ny enim-bolana) | Almà 11–16 |
| 19 | Andro 1: Lesona 81 Almà 17<br>Andro 2: Lesona 82 Almà 18<br>Andro 3: Lesona 83 Almà 19–20<br>Andro 4: Lesona 84 Almà 21–22<br>Andro 5: Lesona 85 Almà 23–24 | Almà 17–24 |
| 20 | Andro 1: Lesona 86 Almà 25–26<br>Andro 2: Lesona 87 Almà 27–29<br>Andro 3: Ny famerenana amin'ny laonina ("Fizarana 1–2" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 4: Lesona 88 Almà 30<br>Andro–5: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana | Almà 25–30 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 21 | Andro 1: Lesona 89 Almà 31<br>Andro 2: Lesona 90 Almà 32<br>Andro 3: Lesona 91 Almà 33<br>Andro 4: Lesona 92 Almà 34–35<br>Andro 5: Lesona 93 Almà 36 | Almà 31–36 |
| 22 | Andro 1: Lesona 94 Almà 37<br>Andro 2: Mpaminany sy fanambarana ("Mahatakatra ny fotopampianarana" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana") ary Fisoronana sy fanalahidin'ny fisoronana (Fizarana 1–2 sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 3: Lesona 95 Almà 38<br>Andro 4: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana)<br>Andro 5: Lesona 96 Almà 39 | Almà 37–39 |
| 23 | Andro 1: Lesona 97 Almà 40<br>Andro 2: Lesona 98 Almà 41<br>Andro 3: Lesona 99 Almà 42<br>Andro 4: Ordônansy sy fanekempihavanana (Fizarana 1–4)<br>Andro 5: Lesona 100 Almà 43–46 | Almà 40–46 |
| 24 | Andro 1: Lesona 101 Almà 47–48<br>Andro 2: Lesona 102 Almà 49–51<br>Andro 3: Lesona 103 Almà 52–55<br>Andro 4: Lesona 104 Almà 56–58<br>Andro 5: Lesona 105 Almà 59–63 | Almà 47–63 |
| 25 | Andro 1: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 2: Ordônansy sy fanekempihavanana ("Fampiharana" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 3: Lesona 106 Helamàna 1–2<br>Andro 4: Lesona 107 Helamàna 3–4<br>Andro 5: Lesona 108 Helamàna 5 | Helamàna 1–5 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 26 | Andro 1: Lesona 109 Helamàna 6–7; Lesona 110 Helamàna 8–9<br>Andro 2: Lesona 111 Helamàna 10<br>Andro 3: Lesona 112 Helamàna 11–12<br>Andro 4: Lesona 113 Helamàna 13<br>Andro–5: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana | Helamàna 6–13 |
| 27 | Andro 1: Fanambadiana sy fianakaviana (Fizarana 1–2)<br>Andro 2: Lesona 114 Helamàna 14<br>Andro 3: Lesona 115 Helamàna 15–16<br>Andro 4: Lesona 116 3 Nefia 1<br>Andro 5: Lesona 117 3 Nefia 2–5 | Helamàna 14–3 Nefia 5 |
| 28 | Andro 1: Lesona 118 3 Nefia 6–7; Lesona 119 3 Nefia 8–10<br>Andro 2: Fanambadiana sy fianakaviana ("Fampiharana" sy "Famerenana ny fifehezana fotopampianarana")<br>Andro 3: Lesona 120 3 Nefia 11:1–17<br>Andro 4: Lesona 121 3 Nefia 11:18–41<br>Andro–5: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana | 3 Nefia 6–11 |
| 29 | Andro 1: Lesona 122 3 Nefia 12<br>Andro 2: Lesona 123 3 Nefia 13<br>Andro 3: Lesona 124 3 Nefia 14<br>Andro 4: Lesona 125 3 Nefia 15–16<br>Andro 5: Lesona 126 3 Nefia 17 | 3 Nefia 12–17 |
| 30 | Andro 1: Ireo didy (Fizarana 1–4)<br>Andro 2: Lesona 127 3 Nefia 18; Lesona 128 3 Nefia 19<br>Andro 3: Lesona 129 3 Nefia 20<br>Andro 4: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ny andro azo hanamboarana ny fampianarana)<br>Andro 5: Lesona 130 3 Nefia 21–22; Lesona 131 3 Nefia 23 | 3 Nefia 18–23 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 31 | Andro 1: Lesona 132 3 Nefia 24–26<br>Andro 2: Lesona 133 3 Nefia 27<br>Andro 3: Ireo didy (Fizarana 5–8)<br>Andro 4: Lesona 134 3 Nefia 28<br>Andro 5: Lesona 135 3 Nefia 29–30 | 3 Nefia 24–3 Nefia 30 |
| 32 | Andro 1: Lesona 136 4 Nefia<br>Andro 2: Lesona 137 Môrmôna 1–2; Lesona 138 Môrmôna 3–4<br>Andro 3: Lesona 139 Môrmôna 5–6; Lesona 140 Môrmôna 7<br>Andro 4: Lesona 141 Môrmôna 8<br>Andro 5: Lesona 142 Môrmôna 9 | 4 Nefia–Môrmôna 9 |
| 33 | Andro 1: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (jereo ny sosokevitra momba ireo andro azo hanamboarana ny fampianarana<br>Andro 2: Lesona 143 Etera 1; Lesona 144 Etera 2<br>Andro 3: Ireo didy (Fampiharana 1–2)<br>Andro 4: Lesona 145 Etera 3<br>Andro 5: Lesona 146 Etera 4–5; Lesona 147 Etera 6 | Etera 1–6 |
| 34 | Andro 1: Lesona 148 Etera 7–11<br>Andro 2: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (fotoam-pianarana tsara hanatanterahana ny fitsapam-pahaizana momba ny Almà 17–Môrônia 10)<br>Andro 3: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (fotoam-pianarana tsara hanaovana famerenana mikasika ny fitsapam-pahaizana momba ny Almà 17–Môrônia 10)<br>Andro 4: Lesona 149 Etera 12:1–22<br>Andro 5: Lesona 150 Etera 12:23–41 | Etera 7–11 |

| Sosokevitra momba ny torolalana fandaminana ny fotoana raha hampianatra lesona iray momba ny fifehezana fotopampianarana isan-kerinandro | | |
|---|---|---|
| **Herinandro** | **Lesona** | **Andian-tsoratra masina** |
| 35 | Andro 1: Lesona 151 Etera 13–15<br>Andro 2: Lesona 152 Môrônia 1–3; Lesona 153 Môrônia 4–5<br>Andro 3: Ireo didy ("Famerenana ny fifehezana fotopampianarana" [20 minitra] ary ny fotoana azo hanamboarana ny fampianarana)<br>Andro 4: Lesona 154 Môrônia 6<br>Andro 5: Lesona 155 Môrônia 7:1–19 | Etera 13:1–Môrônia 7:19 |
| 36 | Andro 1: Lesona 156 Môrônia 7:20–48<br>Andro 2: Lesona 157 Môrônia 8; Lesona 158 Môrônia 9<br>Andro 3: Lesona 159 Môrônia 10:1–7, 27–29<br>Andro 4: Lesona 160 Môrônia 10:8–26, 30–34<br>Andro 5: Andro azo hanamboarana ny fampianarana (fiafaran'ny taom-pianarana) | Môrônia 7:20–10:34 |

NY FIANGONAN' I

# JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02132 32654 4
13232 654